

UNIVERSITE D'ANTANANARIVO
DOMAINE ARTS, LETTRES ET SCIENCES HUMAINES
MENTION : EM-DECLIC

PARCOURS : Description et Equipement de la Langue Malgache-Action
Linguistique à Madagascar

***ESSAI D'ELABORATION DES REGLES RELATIVES AUX
PROBLEMES DE TRADUCTION PORTANT SUR L'USAGE
DES CONJONCTIONS DANS DES TEXTES LITTERAIRES
FRANÇAIS ET MALGACHES***

TOME II
(CORPUS)
Mémoire de MASTER 2
Présenté par :
MALALA RAKOTONIRINA Marie Loetitia
Sous la direction de
Dr RANJIVASON Jean Théodore
Maître de conférences
2017
Date de soutenance : 30 Janvier 2018

Le tour du monde en 80 jours¹

LES CONJONCTIONS DE COORDINATIONS

❖ Conjonction de coordination : « ET »

- En l'année 1872, au numéro 7 de la rue Saville-Row, vivait Phileas Fogg, l'une des personnes les plus étonnantes **et** les plus remarquées de Reform Club de Londres.

→Tamin'ny taona 1872, tao amin'ny laharan-trano fahafiton'ny arabe Saville-Row, no nipetraka Rafitia Rainizavona, isan'ny olona tena mampitolagaga **sy** miavaka indrindra amin'ny mpikamban'ny Reform Club ao Londres.

- Il ne dépensait jamais inutilement **et** il savait donner avec beaucoup de bonté.

→Tsy mba nandanilany foana tsy amin'ny antony izy **kanefa** hainy ny manome amimpitiavam-be.

- Ce réveil est une très belle petite machine qui donne les heures, les minutes **et** les jours de l'année.

→Ity famohamandry ity dia milina kely tena raitra, afaka manome ny ora, ny minitra **ary** ny andro rehetra ao anatin'ny taona.

- A onze heures **et** demie,

→Amin'ny iraika ambin'ny folo **sy** sasany.

- Vous êtes français **et** vous vous appelez John ?

→Frantsay ianao **ary** John ny anaranao?

- Je crois être un bon garçon mais je dois vous dire que j'ai déjà fait beaucoup de métiers **et** que j'ai même travaillé au théâtre.

→Inoako fa mba zazalahy tsara ihany aho, **nefa** tsy maintsy aborako aminao fa efa nanao karazana asa maro aho, **ary** efa niasa tamina teatira aza.

- J'ai quitté la France il y a cinq ans et je suis en Angleterre.

¹ VERNE (J), *Le tour du monde en 80 jours*, Hachette, Lecture facile, Paris.2003

→Nandao an'i Lafrantsa aho efa dimy taona izay, **ary** izao, eto Angletera.

- J'étais sans travail quand j'ai appris que vous étiez l'homme le plus tranquille de la ville **et** je suis venu chez vous.

→Tsy an'asa iny indrindra aho no naheno fa ianao no olona farany izay milamim-piaina eto an-tanàna **koa** tonga eto aminao aho.

- Phileas Fogg lit **et** écrit toujours au Reform Club.

→Mamaky **sy** manoratra ao amin'ny Reform Club foana i Rainizavona.

- En voyant tout cela, Passepartout se frotte les mains **et** il répète avec plaisir: voilà mon affaire!

→Mahita izany rehetra izany i Passepartout-Bekarataka **ka** mitehatehaka falifaly mamerimberina hoe: ity no tena tadiaviko!

- Il a placé 575 fois son pied droit devant son pied gauche **et** 576 fois son pied gauche devant son pied droit ;

→Namindra ny tongony havanana indimy amby fitopolo sy dimanjato hialoha ny tongony havia izy **ary** inenina amby fitopolo sy diman-jato ny tongony havia hialoha ny tongony havanana ;

- Les cinq amis entrent dans la salle : l'ingénieur Andrew Stuart, les banquiers John Sullivan **et** Samuel Fallentin, Thomas Flanagan, directeur d'une très grosse usine de bière, **et** Gauthier Ralf, un des directeurs de la Banque d'Angleterre.

→Miditra ny efitrano ireo mpisakaiza dimy : ny injeniera Andrew Stuart, ireo tompona banky John Sullivan **sy** Samuel Fallentin, i Thomas Flanagan, talena fanodinan-dabiera goavana iray, **ary** i Gauthier Ralf, anisany talen'ny bankin'i Angleterre.

- Nous avons envoyé des policiers dans tous les grands ports d'Europe **et** d'Amérique.

→Efa nandefa pôlisy any amin'ny seranan-tsambo lehibe rehetra eran'i Erôpa **sy** Amerika izahay.

- Phileas Fogg **et** ces messieurs sont assis à une table de jeu **et** se sont mis à jouer aux cartes.

→Naka toerana tamina latabatra iray filokàna Rafitia Rainizavona **sy** ireto lehilahy **ary** katroka nilalao karatra.

- De Londres à Suez, par le train **et** par le bateau : 7 jours.

→Avy eo Londres mankeo Suez, mandeha lamasinina **sy** sambo: 7 andro.

- Je le veux bien, **et** tout de suite; mais sachez que c'est vous qui paierez.

→Tiako hatao tokoa izany **ary** izao dia izao; kanefa fantaro fa ianareo no hianto-bola.

- Il faudra sauter du bateau dans le train **et** du train dans le bateau.

→Tsy maintsy mitsambikina avy an-tsambo mihazo lamasinina, **ary** avy an-damasinina miantsambo.

- Mais s'il a du retard, il perdra le double de cette somme: le prix du voyage d'abord **et** ensuite le chèque laissé à ses amis.

→Fa raha diso fotoana izy dia ho very vola avo roahenin'io : eo aloha ny vola lany amin'ny dia, **ary** avy eo ilay solovola tafajanona any amin'ireto namany.

- Phileas Fogg qui ne se dépêche jamais **et** qui est toujours prêt, a décidé de prendre à huit heures quarante –cinq le train de Londres à Douvres.

→Nanapa-kevitra handray ny lamasinina amin'ny valo ora sy dimy amby efapolo minitra ao Londres ho any Douvres Rafitia Rainizavona, ilay tsy mba rototra mihitsy **nefa** vonona lalandava.

- Un sac seulement, dedans deux chemises **et** des chaussettes.

→Kitapo iray ihany; ao anatiny lobaka roa **sy** ban-kiraro maro.

- Passepartout **et** son maître montent alors dans une voiture qui les conduit vite à la gare de Charing-Cross.

→Miakatra ao anaty fiara hitondra azy ireo ho any amin'ny garan'i Charing-Cross àry i Bekarataka **sy** ny tompony.

- Elle marche pieds nus **et** tient par la main un enfant.

→Mandeha tsy mikiraro izy **sady** mitantana zaza iray.

- Ils savent que leur ami va jouer un jeu très difficile **et** qu'ils sont cinq contre un.

→Fantany fa hisedra lalao sarotra ity namany **ary** dimy izy miady amin'ny iray.

- Phileas Fogg ne parle pas **et** Passepartout, qui ne comprend pas encore très bien, serre sur lui le sac plein d'argent.

→Tsy miteny Rafitia Rainizavona ary i Bekarataka, mbola tsy tonga saina ihany, mamihina mafy eo aminy ilay kitapo feno vola.

- L'un d'eux vient vers lui **et** demande très poliment.

→Inty manatona azy ny iray amin'ireo **ary** manontany azy am-panajana fatratra.

- Cet homme tient à la main un Passeport, **et** Fix, par l'habitude de son métier, le prend **et**, d'un rapide coup d'œil, il lit le signalement.

→Mitana pasipaoro ity lehilahy ity, **ary** i Fix-Lemadity, noho ny fahazarany amin'ny asany, mandray ilay izy **ary** manopy maso haingana, mamaky ilay taratasy famantarana.

- Passepartout **et** son maître entrent dans le bureau.

→Miditra ny birao i Bekarataka **sy** ny tompony.

- Vous venez de Londres, n'est-ce pas? **Et** où allez-vous maintenant ?

→Avy any Londres ianareo sa tsy izany? **ary** handeha ho aiza ianareo izao?

- Je vous comprends, je vais quand même le suivre **et** essayer de ne pas les perdre de vue.

→Azoko tsara ny voalazanao, handeha ihany aho, **ary** hiezahako ny tsy hahavery tsinjo azy.

- C'est alors que le policier Fix décide de monter sur le Mongolia **et** de faire le voyage avec Phileas Fogg jusqu'à Bombay.

→Izany no anapahan'i Lemadity hevitra hiakatra ao amin'ilay Mongolia **sy** hiara-dia amin-dRafitia Rainizavona hatrany Bombay.

- Il n'a rien vu de la ville de Suez **et** n'y pense même pas ;

→Tsy nahita na inona na inona momba ny tanànan'i Suez izy, **ary** tsy mieritreritra momba izany akory ;

- Si vous voulez, répond le chef de la police, **et** lui fait ce que Phileas Fogg lui a demandé.

→Raha tianareo, hoy ilay sefom-polisy mamaly, **ary** tanterahiny izay nangatahin-dRafitia Rainizavona.

- Il ne s'intéresse pas non plus à la côte **et** aux villes qu'on voit de loin.

→Tsy mahaliana azy koa ny morontsiraka **sy** ireo tanàn-dehibe tazana erè lavitra.

- Le dimanche 20 octobre, vers midi, on aperçoit la côte indienne **et**, à quatre heures **et** demie, les voyageurs descendent sur le quai du port de Bombay.

→Ny alahady 20 oktobra, amin'ny mitataovovonana, indro tazana ny morontsiraka Indianina **ary**, amin'ny efatra ora **sy** sasany, midina eo amin'ny seranam-bato fiantsonan-tsambon'i Bombay ireo mpandeha.

- Il apprend que non, **et** cela est tout naturel parce que l'ordre d'arrestation est parti bien après Phileas Fogg **et** ne peut pas être là en même temps que lui.

→Fantany fa tsia, **ary** rariny izany satria lasa taorianaben'ny nandehanan-dRafitia Rainizavona ilay didy fampisamborana **ka** tsy mety ho tonga miaraka aminy eto.

- Passepartout, lui aussi, croyait d'abord que son maître voulait se reposer du voyage **et** visiter un peu la ville.

→Bekarataka, izy koa aloha nihevitra fa mba haka aina, taorian'ny harerahana vokatry ny dia ny tompony **ka** mba hitsidika kelin'ny tanàna.

- Il comprend alors que ce voyage est tout à fait sérieux **et** qu'il ne faut pas perdre une seule minute.

→Tonga saina izy, noho izany, fa tena matotra ity dia ity ka tsy mahazo diso fotoana na dia iray minitra aza.

- Trois prêtres en colère le prennent par les épaules, le jettent à terre, le frappent **et** essaient de retirer ses chaussures **et** ses chaussettes.

→Indreo pretra telo misafoaka, mandramby azy amin'ny sorony ka mandavo azy amin'ny tany, mikapoka azy **ary** miezaka misintona ny kirarony **sy** ny ban-kirarony.

- Le pauvre garçon peut alors se relever **et** se sauver dans la rue.

→Afaka miarina amin'izay ilay zazalahy mahonena **ka** lasa nitsoaka terè an-dalam-be.

- Il n'a plus de souliers **et** a perdu ses paquets.

→Tsy manao kiraro intsony izy **ary** very ireo antontan-javatra teny aminy.

- Il n'espère plus les arrêter à Bombay **et** est prêt à monter, lui aussi, dans le train pour Calcutta ;

→Tsy manantena ny hisambatra azy ireo atè Bombay intsony izy **ka** mivonona ny hiakatra amin'ilay lamasinina ho any Calcutta koa;

- Passepartout, mal réveillé **et** très en colère, aurait envie d'envoyer son poing dans la figure de l'employé des chemins de fer.

→Voakotaba tamin'ny torimasonry i Bekarataka **ka** tezitra mafy, te hanipy totohondry eny amin'ny tavan'ilay mpiasan'ny lalam-by.

- Mais il vaut mieux ne pas perdre de temps parce que les autres voyageurs courrent déjà pour chercher des voitures **et** les louer.

→Kanefa aleo tsy ho very fotoana satria efa mihazakazaka sahady mitady izay voatiry hofainy ireo mpandeha.

- En quelques minutes tout a été pris dans le village **et** on ne trouve plus ni chevaux, ni bœufs, ni voitures.

→Minitra vitsy, dia efa lasan'ny olona avokoa ny tao an-tanàna **ary** tsy misy intsony na soavalyna omby na voatiry.

- Il est encore tout jeune **et** assez doux.

→Mbola tanora loatra izy **ary** mbola malefaka ihany koa.

- Il n'a l'habitude ni de porter ni de travailler, je vais lui apprendre à se battre **et** le rendre méchant en ne lui donnant à manger que du sucre **et** du beurre.

→Sady tsy zatra mitondra entana no tsy zatra miasa izy io ka ndeha hampianariko hiady **sy** ho lasa masiaka amin'ny alalan'ny tsy fanomezana azy afa-tsy siramamy **sy** ronono vongany.

- Enfin le maître de l'éléphant dit oui **et** tout de suite Mr Fogg le paie.

→Farany nanaiky ilay tompona elefanta **ka** naloan-dRafitia Rainizavona avy hatrany ny vola.

- Les gens du village ont compris que Phileas Fogg est très riche **et** qu'ils peuvent tirer de lui beaucoup d'argent.

→Takatry ny olona ao an-tanàna fa manan-karem-be Rafitia Rainizavona **ka** ho hainy ny hanararaotra hahazoany volabe aminy.

- On a mis sur le dos de la bête quelques provisions **et** deux grands paniers ;

→Nataingina am-baben'ilay biby vatsin-dalana vitsivitsy **sy** harom-be roa;

- Les hommes montent dedans **et** l'éléphant court vers l'épaisse forêt.

→Miondrana ao anatin'izany ny olona rehetra **dia** iny no lasa mamonjy ny ala mikitroka ilay elefanta.

- Le voyage continue et tout va bien jusqu'au milieu de l'après-midi.

→Mitohy ny dia **ary** milamina tsara ny zava-drehetra hatramin'ny folapolakandro.

- Il marche plus lentement **et** semble avoir peur.

→Miadam-pamindra kokoa izy **ary** toa matahotra.

- Il attache alors l'animal à un arbre **et** saute à terre pour aller voir ce qu'il y a.
→Rohizany eo amin'ny vodihazo, noho izany, ilay biby ary mitsambikina amin'ny tany izy mba handeha hizaha izay zava-misy.
- Essayons de nous cacher. **Et** il fait descendre doucement la bête derrière de hautes herbes.
→Andao hiafina. Asainy mietry moramora ho takon'ny ahi-dava ilay biby.
- Bientôt Passepartout **et** son maître peuvent apercevoir entre les branches un étonnant groupe d'hommes, de femme **et** d'enfant, habillés de longues robes de toutes les couleurs ; tous ensemble, ils chantent un chant triste **et** lent ; derrière eux on porte un dieu en pierre.
→Avy eo mahatsikaritra andian'olona mahagaga misy lehilahy **sy** zaza **amam**-behivavy miakanjo rebareba maroloko eo anelanelan-tsampan-kazo i Bekarataka **sy** ny tompony ; miara-mihira malahelo **sy** milanto izy rehetra ; eo aoriany, misy milanja vongan-tsarin'andriaman-bato.
- Elle est jeune **et** très belle.
→Tanora izy **ary** tsara tarehy aoka izany.
- Je suis bon quand j'ai le temps **et** aujourd'hui nous pouvons perdre dix ou douze heures, pas plus.
→Tsara fanahy aho rehefa manam-potoana **ka** anio dia azontsika atao ny mandany adiny folo na roa ambin'ny folo ora fa tsy mihoatra izany.
- C'est l'hindou qui conduit l'éléphant et amènera la bête près de la pagode quand le ciel sera bien noir.
→Ilay karana mitarika ilay elefanta **sy** hitondra azy ho eo akaikin'ilay tempoly rehefa tena mainty ny lanitra.
- Passepartout **et** son maître suivent de loin les gens qui portent le mort. Mais la pagode est bien gardée.

→ Manaraka ety lavidavitra ireo olona mitondra ny maty i Bekarataka **sy** ny tompony. Kanefa ity tempoly tsara ambina ery.

- Beaucoup de feux l'éclairent **et** des hommes armés vont **et** viennent devant les portes.

→ Misy afo maro manazava azy **ary** misy lehilahy maro mirongo fiadiana mivezivezy eo anoloan'ireo varavarana.

- Malheureusement les soldats entendent du bruit **et** courrent partout avec les lumières à la main.

→ Saingy mandre zava-mipiaka ireo miaramila ka rafitra mihazakazaka etsy sy eroa mitondra jiro an-tanana.

- Mais les heures passent **et** ils ne pouvaient rien faire parce qu'aucun soldat ne s'est endormi.

→ Saingy mandeha ny ora, **nefa** tsy afaka manao na inona na inona izy satria tsy misy tafatory ny miaramila.

- Alors, avant que le soleil se lève, Passepartout, sans rien dire, monte sur les branches d'un arbre, **et** son maître ne le voit plus.

→ Araka izany, alohan'ny hiposahan'ny masoandro, dia iny i Bekarataka, lasa tsy ankiteny miantsampy amin'ny sampan-kazo **ary** tsy tazan'ny tompony intsony.

- On entend de la musique **et** du chant.

→ Injany misy feon-kira **sy** hira.

- Tout le monde a poussé un grand cri de peur **et** tombe le visage contre la terre.

→ Nihoraka mafy noho ny tahotra ny rehetra **sady** nihohoka tamin'ny tany.

- A pas lent, le mort arrive près de Phileas Fogg **et** lui dit à l'oreille : Partons vite !

→ Mamindra miadana ilay maty, tonga eo akaikin-dRafitia Rainizavona **ary** mibitsika aminy hoe : « andao haingana ! »

- Pendant les derniers minutes de la nuit, il a pu aller jusqu'au lit **et** se mettre dessous.

→ Mandritra ireo minitra faran'ny alina, dia mbola afaka namonjy fandriana izy **ary** nisisika ao ambany farafara.

- Maintenant, avec son maître **et** l'Hindou, il court vers l'éléphant en emportant la jeune femme.

→Izao indro izy, miaraka amin'ny tompony **sy** ilay karana milomay hamonjy ilay elefanta sady mitrotro ity vady tanora.

- Heureusement, l'éléphant part très vite **et** emporte les quatre personnes dans la forêt.

→Soa ihany, fa mirifatra haingana ilay elefanta, mitondra azyefa-mianadahy aty an-kibon'ny ala.

- Elles retrouveront le train à son heure **et** seront à Calcutta sans retard.

→Hahatratra ny lamasinina amin'ny fotoam-piaingany izy, **ary** ho tonga tsy tara any Calcutta.

- Elle le remercie de tout Cœur **et** raconte son histoire.

→Misaotra azy amin'ny fo manontolo izy **ary** mitantara ny aminy.

- Il y a quelques années mon père **et** ma mère sont morts.

→Taona vitsivitsy izay, maty ny ray **sy** reniko.

- Mes autres parents ont voulu me marier à un homme très vieux **et** je n'ai pas pu dire non.

→Nikasa hampanambady ahy tamina anti-dahy ireo iray tam-po amin'ny ray amandreniko **ka** tsy afa-nandà aho.

- Messieurs, dit-il, vous avez fait une grande faute contre la religion du pays, **et** ces trois hommes, que vous voyez près de moi, sont venus pour se plaindre de vous.

→Tompokolahy isany, hoy izy, nanao hadisoana bevava tamin'ny finoan'ity tany ity ianareo **ary** ireo olona telo hitanareo eto akaikiko, dia tonga mitaraina ny aminareo.

- En entendant ces mots le juge **et** les trois prêtres se regardent.

→Raha nandre izany ilay mpitsara **sy** ireto pretra telo dia mifampijery, toa tsy mahazo resaka.

- On comprend que Phileas Fogg **et** Passepartout restent muets pendant quelque temps.

→Azo tsara an-tsaina ny antony nahasina an'i Bekarataka **sy** Rafitia Rainizavona mandritra ny fotoana fohy.

- Il sera gardé en prison pendant quinze jours, **et** Mr Fogg sera puni lui aussi.

→Ho voatana an-tranomaizina mandritra ny dimy ambin'ny folo andro izy **ary** Andriamatoa Rainizavona koa ho voasazy.

- **Et** Phileas Fogg sort de son sac un gros paquet de billet.

→**Dia** indro Rafitia Rainizavona mamoaka avy ao anaty kitapony antontam-bola taratasy matevina.

- Quand vous voudrez, vous irez en prison, **et** à ce moment-là l'argent vous sera rendu.

→Rehefa vonona ianareo, dia haiditra am-ponja **ka** haverina aminareo amin'io fotoana io ny volanareo.

- **Et** mes souliers?

→**Ary** ny kiraroko?

- Mr Fogg offre son bras à Mrs Aouda et tous les trois, ils se dépêchent d'aller au port.

→Manolo-tanana hitantana an-dRamatoa Aouda Rafitia Rainizavona, ary iny izy telo dahy lasa faingana hamonjy ny seran-tsambo.

- Phileas Fogg a donné des ordres aux femmes de service pour qu'elle ne manque de rien **et** soit très bien.

→Nanome baiko ireo vehivavy mpiasan'ny sambo Rafitia Rainizavona, mba tsy ho orin'inona na inona ilay ramatoa **ary** tena ho voakarakara tsara.

- Cette personne, c'est Fix, qui n'a pas perdu courage **et** qui, en sortant du tribunal, a couru acheter un billet de bateau pour continuer à suivre Phileas Fogg.

→I Lemadity io olona io, tsy kivy **fa** rehefa nivoaka ny fitsarana dia nividys bien-tsambo, hanohy manara-dihy an-dRafitia Rainizavona.

- Notre ami regarde alors le policier avec une grande attention **et** il reste pendant un moment sans rien dire ;

→Mandinika tsara an'ilay pôlisy àry ity namantsika **ary** miato tsy miteny mandritra ny fotoana fohy izy.

- Vous êtes déjà allé jusqu'à Bombay **et** bientôt vous serez en Chine.

→Efa tonga hatrany Bombay ianao **ary** tsy ho ela dia ho ao Chine.

- L'Amérique n'est pas loin, **et** quand on est en Amérique, on est presque arrivé en Europe, n'est-ce-pas ?

→Tsy lavitra i Amerika, ary rehefa tonga ao Amerika, dia toa ny efa ao Erôpa, sa tsy izany?

- Oui **et** non.

→**Sady** eny **no** tsia.

- Il y a des bonnes **et** mauvaises affaires.

→Misy ny afera tsara **sy** ny ratsy.

- Il dit au revoir à Passepartout **et** sort de la sale à manger;

→Manao veloma an'i Bekarataka izy **ary** mivoaka ny efitrano fisakafoanana.

- Il a envie de marcher **et** de prendre un peu l'air frais.

→Mila mitsangantsangana **sy** maka rivotra madio kely izy.

- Il remercie le ciel, la pluie, le vent **et** les éclairs.

→Isaorany ny lanitra, ny orana, ny rivotra **ary** ireo tselatra.

- Avec un crayon **et** du papier, il compte les jours **et** les heures.

→Isainy amina penisily hazo **sy** taratasy ny andro sy ny ora.

- Mais de toute façon, le Rangoon aura un jour de retard **et** il arrivera le 6 **et** non le 5.
 →Nefa na ahoana na ahona dia ho tara iray andro ilay Rangoon **ka** ho tonga ny 6 fa tsy ny 5.
- Il voudrait pouvoir s'occuper de tout **et** forcer la vitesse du bateau.
 →Te hisahana an'izao rehetra izao izy **ka** hanafaingana ny fandehanan-tsambo.
- Demain tout sera prêt **et** il quittera Hong-Kong quand le soleil se lèvera.
 →Rahampitso, ho vonona avokoa ny zavatra rehetra **ary** hiala eto Hong-Kong izy rehefa mipoaka ny masoandro.
- Passepartout prend la main de l'employé **et** il la serre avec la force en lui disant :
 →Mandray ny tanan'ilay mpiasa i Bekarataka **ka** mamihina azy mafy sady miteny hoe :
 - Vous venez avec nous en Europe **et** nous essaierons de retrouver votre parent.
 →Miaraka aminay mankany Erôpa ianao **dia** hiezahantsika hotadiavina ny havanao.
- Passepartout, allez vite au bureau des voyages **et** prenez un troisième billet pour Yokohama.
 →Bekarataka a ! mandehana haingana any amin'ny birao miandraikitra ny dia **ka** mividiana tapakila fahatelo ho any Yokohama.
- Il se met à rire **et** lui dit en se moquant:
 →Mihomehy izy **ary** miteny aminy sady maneso hoe:
 - Fix serre les dents **et** ne répond pas.
 →Nihidy vazana i Lemadity **ka** tsy namaly.
- Passepartout, vraiment très gai, le prend par le bras **et** ils entrent tous deux pour louer quatre cabines sur le Carnatic.
 →Falifaly aoka izany i Bekarataka, mandray ny sandriny, **ary** miditra izy roa lahy hanofa efi-tsambo ao amin'ilay Carnatic.

- Les réparations de machines sont finies **et** nous sommes pressés de partir, nous avons déjà trop de retard.

→Efa vita ny fanamboarana ny milina **ka** dodona izahay ny hanainga, efa be loatra ny fahatarana.

- Il fait un grand effort pour ne pas laisser voir sa colère **et** il essaie de sourire.

→Miezaka mafy izy mba tsy hahitana ny hatezerany **ary** manao izay hitsikiany izy.

- Dans une rue étroite, ils s'arrêtent devant une porte rouge **et** jaune.

→Tonga eto amin'ity lalana ety izy roa lahy, mijanona eo anoloana varavarana miloko mena **sy** mavo ;

- Deux garçons le prennent alors par les pieds **et** par les épaules, **et** ils le tirent jusqu'à un des lits où il s'endort comme un enfant.

→Raisin-jatovo roalahy amin'ny tongony **sy** sorony izy **ka** sarihiny hatreny amin'ny fandriana hatoriany toa ny zazakely.

- Asseyons-nous là, voulez-vous ? **et** parlons des choses sérieuses.

→Andao hipetraka eto isika raha sitrakao ? hoy i Lemadity. **Ary** hiresaka zavatra matotra isika roa lahy.

- Je dois même vous dire que vous ne faites pas un joli métier; **et** ces messieurs de Londres perdent leur peine.

→Tsy maintsy ambarako anao anefa fa tsy tsara ny asa ataonao io; **ary** herim-po very maina ny an-dry zalahy ao Londres.

- Passepartout saute sur sa chaise. Il est très étonné **et** se demande pourquoi son maître lui a menti.

→Miantsambatra eo ambony sezza ipetrahany i Bekarataka. Gaga dia gaga izy **ka** manontany tena ny antony nandaingan'ilay tompony taminy.

- Aidez-moi **et** je vous en laisserai le quart,

→Ampio aho **dia** hanajanonako ho anao ny ampahefany.

- Mr Fogg est un homme juste **et** c'est très mal de lui faire ça.

→Olo-marina Atoa Rainizavona **ka** tena tsy mety ny hanaovana izany aminy.

- Passepartout reste muet **et** regarde un moment Fix,

→Gina tsy nahateny i Bekarataka **ary** mibanjina an'i Lemadity,

- Je vous l'ai dit ; empêchez votre maître de quitter Hong-Kong **et** vous recevrez 500 livres sterling.

→Efa nolazaiko anao ilay izy ; sakano tsy hiala eto Hong-Kong ny tomponao **ka** ho azonao ny 500 livres sterling.

- Il range son billet dans son porte feuille **et** dit.

→Ampiriminy ao anaty poketrany ilay tapakila **dia** hoy izy hoe.

- Fix en prend une, la donne à Passepartout qui la porte à ses lèvres sans faire attention. Il l'allume, respire la fumée **et** bientôt, la tête lourde, il tombe dans le sommeil.

→Mandray iray amin'ireo i Lemadity, manolotra azy an'i Bekarataka, ary ilay ity mampakatra azy imolony tsy mivaky loha. Arehiny ilay izy, foahiny ny setroka **ary** vetivety foana, mavesatra ny lohany, ka rendriky ny toriamso izy.

- Fix se lève **et** se dit à lui-même.

→Mitsangana i Lemadity **ary** miteny irery hoe.

- Comme d'habitude, Phileas Fogg n'a pas l'air étonné **et** il ne pose aucune question.

→Toy ny mahazatra tsy ahitana hatairana akory ny endri-dRafitia Rainizavona **ary** tsy mametra-panontaniana akory izy.

- A sept heures **et** demie.

→Amin'ny fito **sy** sasany.

- Ils n'avaient pas besoin de se lever si tôt **et** de tant se presser ;

→Tsy nilainy akory ny nifohazan'izy ireo maraim-be, **sy** ny nahadodona azy;

- Petit **et** léger.

→Kely **sy** maivana.

- J'ai manqué hier soir le départ du Carnatic **et** il faut que je sois le 14 novembre à Yokohama pour prendre le bateau de San Francisco.

→Tsy nahatratra ny fiaingan'ilay « Carnatic » aho omaly **kanefa** tsy maintsy efa any Yokohama aho ny 14 nôvambra mba handray ny sambo ho any San Francisco.

- L'homme regarde la mer **et** le ciel.

→Mijery ny ranomasina **sy** ny lanitra ilay lehilahy.

- C'est beaucoup plus près **et** nous suivrons la côte du sud au nord.

→Akaiky dia akaiky kokoa, **fa** hanara-tsisina morontsiraka avy aty atsimo mianavaratra isika.

- **Et** quand est-ce-que ce bateau part de Changhaï ?

→**Ary** rahoviana miainga teo Changai io sambo io ?

- Le policier Fix a couru tout le temps derrière Phileas Fogg et Mrs Aouda, et maintenant il entend cela !

→Mihazakazaka manara- dia an-dRafitia Rainizavona sy Rtoa Aouda foana ity pôlisy Lemadity, ary izao izy mandre izany!

- Pardon monsieur, j'ai manqué aussi le Carnatic **et** je suis très pressé.

→Azafady tompoko, tsy nahatratra ilay Carnatic koa aho, **nefa** maika dia maika.

- Je vais aller prévenir la police, donner son signalement **et** laisser la somme d'argent nécessaire pour qu'on le recherche **et** pour qu'on l'aide à retourner à Londres.

→Handeha hampilaza ny pôlisy aho, hampita ny famantarana momba azy **sy** hametraka ny vola ilaina hikarohana azy **ary** koa hanampiana azy hiverina any Londres.

- Dans cette région, la mer est souvent mauvaise, surtout en automne, quand les coups de vent sont terribles **et** changent tout le temps de direction.

→Ao amin'io faritra io, matetika ratsy ny ranomasina, indrindra amin'ny fararano, rehefa iny masiaka be ny tafio-drivotra, **ka** miovaova fizotra.

- Mrs Aouda a peur, mais elle ne veut pas le montrer **et** elle regarde en silence les voiles blanches tendues comme des ailes.

→Matahotra Rtoa Aouda, fa tsy te haneho izany **ka** mijery mangina ireto lain-tsambo fotsy mihenjana toa ela-borona.

- Les marins allument alors les feux **et** les trois voyageurs descendant s'installer dans la cabine.

→Mamelon-jiro, noho izany ireo tantsambo **ary** midina mamonjy ny efi-tsambony ireto mpandeha telo mianaka.

- Ils se couchent sur le plancher, enveloppés dans des couvertures **et** ils essaient de dormir.

→Mandry manao ladina ambony gorodona izy, mirakotra bodofotsy, **ary** manao izay ahitana tory.

- A un certain moment, il est près de Phileas Fogg **et** il lui demande:

→Misy fotoana maha eo akaikin-dRafitia Rainizavona **ka** manontany azy izy hoe :

- Les voyageurs ont mouillés, restent dehors **et** regardent avec une grande attention le travail des marins.

→Mijanona eo ivelany ireo mpandeha, samy kotsa avokoa, **ary** mifantoka manara-maso ny asan'ireto tantsambo.

- Je crois qu'il va falloir aller près de la côte **et** essayer d'entrer dans un port.

→Ataoko fa mety raha mandeha manakaiky kokoa ny morontsiraka **ka** manao izay hidirana an-tseranana.

- Puis le jour se lève **et** la mer devient enfin moins mauvaise.

→Dia indro mipoaka ny mazava **ka** lasa mitonitony ratsy ny ranomasina.

- Il faudrait être à Changaï le 11 novembre avant sept heures et on est le 10.

→Tsy maintsy tonga any Changaï ny 11 nôvambra alohan'ny amin'ny fito maraina isika **ary** ny 10 nôvambra izao.

- Feu ! crie Phileas Fogg. **Et** un coup de canon traverse l'air.

→Tafita !hoy ny hiakan-dRafitia Rainizavona. **Dia** injay po-basy tokana mamakivaky ny habakabaka.

- Deux cabines à l'arrière restaient vides; celles qui avaient été gardées pour Mr Fogg **et** Mrs Aouda.

→Tsy nisy olona ny efi-tsambo roa aoriana, dia ireo natokana ho an-dRafitia Rainizavona **sy** Rto Aouda.

- Trois heures plus tard, le pauvre garçon s'est quand même levé **et** avec beaucoup de peine il est sorti de la salle.

→Adiny telo taty aoriana, tafarina ihany ilay kely mahonena **ary** tena sahirana nivoaka ilay efitrano.

- Voilà pourquoi, après une nuit de sommeil, il a encore très mal à la tête **et** se rappelle difficilement ce qui s'est passé.

→Izay no antony ahatsapany fa rehefa natory ali-manontolo dia mbola marary an-doha mafy foana **ary** ahatsiahivany manjavozavo izay nitranga.

- J'espère bien que nous ne le verrons plus **et** qu'il n'a pas osé nous suivre sur le Carnatic.

→Antenaiko fa tsy ho hitanay intsony izy iny **ary** tsy sahy nanaraka anay ato amin'ity Carnatic.

- Ne fera-t-il pas mieux d'attendre l'arrivée à Londres pour lui dire qu'un agent de police anglaise l'a suivi autour du monde, **et** pour en rire avec lui.

→Tsy aleo kokoa ve miandry ny fahatongavana any Londres vao milaza aminy fa nisy olon'ny pôlisy anglisy nitsongo dia azy nanodidina ny tany, **mba** hihomehezana miaraka aminy ny amin'izay.

- Bon, se dit-il ; notre jeune dame est encore couchée à cette heure, **et** Mr Fogg est sans doute en train de jouer aux cartes comme c'est son habitude.

→Ya ! Hoy izy anankapo, mbola matory izao ilay ramatoanay amin'izao ora izao, **ary** ingahy Rainizavona angamba eo am-pilalaovana karatra toa ny fanaony.

- Il se rappelle que l'heure du départ du Carnatic a été changée **et** qu'il devait prévenir son maître ;

→Tsaroany fa niova ny ora fiaingan'ilay Carnatic **ary** tokony ho nampandre ny tompony izy;

- **Et** moi, qu'est-ce-que je vais devenir?

→**Ary** izaho, inona no hiafarako?

- On ne pourrait pas dire tout ce qu'il a mangé **et** bu pendant ce voyage; il mange autant que trois personnes, en prenant sa part, celle de son maître **et** celle de Mrs Aouda.

→Tsy hay lazaina izay rehetra nohaniny sy nosotroiny nandritra ity dia ity ; mihinana anjaran'olona telo izy, dia ny anjarany, ny an'ny tompony **ary** ny an-dRtoa Aouda.

- Le 13, le Carnatic vient se ranger au quai de Yokohama **et** Passepartout met le pied, sans grand plaisir sur cette terre des Fils du soleil.

→Ny 13, maka toerana eo amin'ny seranam-baton'i Yokohama ilay Carnatic **ary** mampandia tsy ravo ny tongony i Bekarataka eo amin'ny tanin'ny Zanaky ny masoandro.

- Quand la nuit vient, il retourne vers le port **et** il se couche contre un mur.

→Rehefa tonga ny alina, dia miverina ho any an-tseranan-tsambo izy **ary** indro matory miankin-drindrina.

- Il ne demandera pas à être payé; l'important pour lui c'est d'avoir à manger **et** surtout de traverser ces quatre mille sept cents miles marins de Yokohama à San Francisco.

→Tsy hitaky karama izy, fa ny zava-dehibe aminy dia ny hahazo hanin-kohanina, **ary** indrindra ny hamakivaky ny fitonjato sy efatrarivo maila dia an-dranomasina manelanelana an'i Yokohama sy i San Francisco.

- Il offre aux voyageurs de porter leurs valises **et** de décharger leurs paquets.

→Dia indro izy manolo-tena hanampy ny mpandeha hitondra ny valiziny **sy** hampidina ny antontan'entany.

- Tout-à coup, il laisse tomber par terre ce qu'il tient, **et** il se met à courir comme un fou derrière un homme qui passe.

→Tampoka teo, latsaka teny an-tanany ilay enta-notazominy, **ka** iny izy mirifatra toa adala manenjika olona iray mandalo.

- Il le prend par la veste, le tourne, **et**, sans dire un mot, lui lance son poing dans la figure une force de bœuf.

→Rambasany amin'ny vozon'akanjony ilay olona, atodiny **ary** tsy miteny tsy mivolana, dia velesiny totohondry feno herin'ombalahy eo amin'ny tetezanorony.

- Passepartout a reconnu son ennemi Fix au milieu des gens qui vont **et** viennent sur le quai.

→Fantatr'i Bekarataka tao anatin'ny maro **mifamezivezy** eo amin'ny seranan-tsambo ilay fahavalony Lemadity.

- Vous êtes très en colère **et** je comprends bien vos raisons.

→Tezitra mafy ianao **ary** haiko tsara ny anton'izany.

- Vous avez compris que vous aviez tort **et** que Mr Fogg est un homme juste **et** bon.

→Azaonao amin'izay, fa diso ianao **ary** olo-marina **sy** tsara fanahy ingahy Rainizavona.

- Quand nous passions dans des villes où il y avait une police anglaise, j'attendais un ordre de mes chefs, pour pouvoir prendre Mr Fogg **et** le mettre en prison.

→Rehefa nandalo tanàna nahitana pôlisy angilisy isika dia niandry hatrany ny baiko avy amin'ireo lehibeko aho, hahafahako misambotra an'ingahy Rainizavona **ka** hampiditra azy an-tranomaizina.

- Nous sommes dans un pays étranger **et** que je n'ai plus rien faire.

→Efa aty amina firenena hafa isika **ary** tsy afaka manao na inona na inona intsony aho.

- Je vais m'efforcer de le rendre facile **et** rapide.

→Hiezaka ny hanamora **sy** hampalaky azy aho.

- Venez avec moi **et** dépêchez-vous; vous retrouverez Mr Fogg **et** Mrs Aouda sur le bateau du Général Grant.

→Avia hiaraka amiko **ary** faingàna ianao : ho hitanao ao an-tsambon'i Général Grant Ingahy Rainizavona **sy** Rtoa Aouda.

- Les hommes du Général Grant ont entendu le coup de canon tiré du Tankadère **et** le commandant a vu le pavillon de détresse.

→Ren'ny olon'ny Jeneraly Grant ilay poa-tafondro avy aty amin'ny Tankadère **ary** nahita ilay famantarana antso vonjy ilay komandin-tsambo.

- Il a donné l'ordre à ses marins de tourner doucement **et** de venir près du petit bateau qui appelait à l'aide.

→Nanome baiko ireo tantsambony izy hihodina moramora **ka** hanatona ilay sambo kely niantso vonjy.

- Mr Fogg, Mrs Aouda **et** Passepartout montent alors dans une voiture qui les conduit à International-Hôtel.

→Miakatra anaty fiara ho any amin'ny International-Hôtel àry ry Ingahy Rainizavona, Rtoa Aouda **ary** i Bekarataka.

- Il croyait trouver encore le San Francisco de 1849, la ville des hommes qui venaient chercher l'or **et** qui, prêts à tout oser, portaient toujours une arme à leur ceinture.

→Nihevitra izy fa mbola ilay San Francisco tamin'ny 1849 ihany no ho hitany, dia tanàna feno olona tonga hitrandraka volamena **ka** vonon-kisedra ny sarotra rehetra, tsy misaraka amam-basy eny am-balahanay.

- En 1872, San Francisco est une grande ville de commerce avec de larges rues **et** de belles avenues qui se coupent comme des lignes droites.

→Izao 1872, efa tanàm-barotra lehibe i San Francisco, ahitana lala-migodàna **sy** arabe tsara bika mifanapaka toa tsipika mahitsy.

- On m'a souvent dit que les Peaux-Rouges arrêtaient les trains **et** tuaient les voyageurs.

→Voalaza tamiko matetika mantsy fa misakana lamasinina ireo Peaux-Rouges **ary** mamono ny mpandeha.

- Mr Fogg **et** Mrs Aouda n'ont pas fait deux cents pas quand, au premier coin de rue, ils rencontrent Fix.

→Tsy mbola nahadingana indroanjato akory Ingahy Rainizavona **sy** Rtoa Aouda, no inty mifanena aminy i Lemadity eo ankodimirana.

- Mr Fogg répond que cela lui fera très grand plaisir, **et** Fix-qui ne veut pas perdre son homme de vue lui demande s'il peut rester avec eux pour visiter San Francisco.

→Mamaly ingahy Rainizavona fa hahafaly azy tokoa izany, **ary** i Lemadity, izay tsy te hamela ilay olona enjehiny hidify, manatsafa raha afaka miaraka amin-dry zareo izy hitsidika ny tanànan'i San Francisco.

- Ils regardent passer des groupes d'hommes qui portent de longs **et** larges drapeaux.

→Mitazana andian-dehilahy mandalo milanja saina lava taho **sy** be velarana izy ireo.

- Mr Fogg **et** Fix voudraient demander autour d'eux la cause de tout ce bruit. Mais on ne les écoute pas.

→Te hanontany ny manodidina azy Ingahy Rainizavona **sy** i Lemadity, ny anton'izao tabataba be izao. Fa tsy misy mihaino azy.

- Les drapeaux sont vite déchirés **et**, avec les batons cassés qui leur restent dans les mains, les hommes frappent à droite **et** à gauche.

→Vetivety dia rovitra ireo faneva, **ka** ny tahon-tsaina tapaka sisa teny an-tanany no ikapohan'ireto vatan-dehilahy **miankavia miankavanana**.

- On crie les noms de Kamerfield **et** de Mandiboy.

→Samy mikiakiaka ny anaran'i Kamerfielf **sy** i Mandiboy.

- Il voudrait entrer avec elle dans une maison ou dans une boutique, mais ils sont trop serrés par les gens **et** ils ne peuvent pas avancer.

→Te hitsorofoka miaraka aminy ao anatin-tranon'olona na trano fivarotana izy, nefà noteren'ny olona loatra **ka** tsy afaka mandroso.

- Un homme à petite barbe rouge, au visage bruni par le soleil, **et** très large d'épaules, a déjà levé son terrible poing sur Mr Fogg.

→Efa indro manangan-totohondry kanonta hamely an'Ingahy Rainizavona, lehilahy iray mivolombava kely mena, sy mitava daniky ny hainandro **sady** be ambosoroka.

- Il lui aurait fait beaucoup de mal, si Fix ne s'était pas jeté sur l'Américain **et** n'avait pas reçu le coup à sa place.

→Ho nahavoa mafy azy izy, raha tsy niantoraka teny amin'ilay Amerikana i Lemadity **ka** tsy nantefan'ilay daroka voatokana ho azy.

- Phileas Fogg. **Et** vous, comment vous appelez-vous ?

→Rafitia Rainizavona. **Ary** ianao, izy no iantsoana anao?

- Mr Fogg aide Fix à se relever **et** le remercie.

→Manampy an'i Lemadity hijarina Rafitia Rainizavona **ka** misaotra azy.

- Vous avez raison ; votre manteau est déchiré **et**, moi j'ai besoin d'un chapeau neuf.

- Marina ny anao, rotika ny akanjobenao, **ary** izaho, mila satroka vaovao aho.
- Une heure après, Mrs Aouda **et** les deux hommes reviennent à l'international-Hôtel.
- Adiny iray avy eo, miverina any amin'ny International-Hôtel Rtoa Aouda **sy** izy roa lahy.
- Les uns veulent élire Mr Mandiboy **et** les autres Mr Kamerfield.
- Ny sasany te hifidy an'Atoa Mandiboy **ary** ny hafa Atoa Kamerfield.
- Mrs Aouda parle avec Fix **et** les autres voyageurs;
- Rtoa Aouda kosa miresaka amin'i Lemadity **sy** ireto mpandeha hafa.
- Ils voient le mécanicien **et** le chef du train qui discutent avec les soldats.
- Tazany ilay mekanisianina **sy** ny ben'ny lamasinina miady hevitra amina miaramila.
- La force de l'eau a creusé les bords: Elle a emporté des pierres **et** démolí une partie du pont.
- Nandavaka ny sisiny ny herin'ny riaka : voasariny ny vato marobe, **ka** nahapotika ny ilan-tetezana.
- Passepartout crie aussi fort que les autres, **et**, naturellement, personne ne l'écoute.
- Mihiaka mafy toa ny hafa koa i Bekarataka, **nefa** mazava ho azy fa tsy misy mihaino.
- Il demande aux voyageurs de remonter dans le wagon **et** donne ses ordres au mécanicien.
- Asainy miakatra anaty vagao ny mpandeha **ary** manome baiko ireo mekanisianina izy.
- Il saute, pour ainsi dire, d'un côté à l'autre de la rivière **et** le mécanicien ne peut arrêter sa machine que huit kilomètre plus loin.
- Azo lazaina hoe mitsambinkimbikina mihitsy ilay izy, avy ety amin'ila-morondrano mihazo ny erè ampita, **hany ka** tsy tafajanon'ilay mekanisianina ny masininy, raha tsy lasa lavitra, valo kilometatra erè aloha.

- Les hommes **et** les femmes prennent leurs armes.
→Samy mandray ny basiny ny lehilahy **sy** ny vehivavy.
- Ils cassent les planches, démolissent les portes **et** les fenêtres.
→Vakiny ny hazofisaka, potehiny ireo varavarana **amam**-baravarankely.
- Il a jeté dehors le mécanicien **et** le chauffeur.
→Voatsipiny any ivelany ilay mekanismanina **sy** ilay mpamily.
- Les peaux-rouges tués tombent en bas du train **et** sont écrasés par les roues.
→Mianjera any ambany lamasinina ireo « Peaux-rouges » maty **ka** voahosin'ny kodiarana.
- Avant de mourir, il a la force de tirer Mr Fogg par la veste et lui crie: la gare! A deux miles d'ici, la gare !
→Alohan'ny hahafatesany, mbola manana hery hisintonana an'Ingahy Rainizavona amin'ny akanjony ihany izy ary miantso azy hoe : iry ny gara ! roa maila miala eto !
- Bientôt, quand tous les voyageurs seront tués ou blessés ils seront les maîtres du train et ils pourront prendre tout ce qu'il y a dedans.
→Tsy ho ela, rehefa ho faty na maratra daholo ireo mpandeha, dia ho tompon'ny lamasinina izy ka ho afa-mandroba izay zava-drehetra ao.
- Leur chef est resté sur la locomotive parcequ'il veut passer très vite devant la prochaine gare **et** essayer d'arrêter la machine seulement plusieurs kilomètres plus loin.
→Mitoetra eo amin'ny lohamasinina ilay sefon'izy ireo satria mitetika hiriotra mandalo ny gara akaiky indrindra **ka** hanandrana hampijanona ny milina, rehefa dila kilometatra maromaro any aloha.
- Puis il sort **et** il passe sous les wagons en accrochant ses pieds **et** ses mains à tout ce qu'il trouve.

→Dia mivoaka **ary** mikorisa ao ambany vagao izy, mamikitra tongotra **aman-tanana** amin'izay rehetra hitany.

- Il arrive à la locomotive **et** il monte dessus.

→Mby eo amin'ny lohamasinina izy, **dia** mihanika eo.

- Les soldats, qui entendent depuis un quart d'heure, les coups de fusil, courrent vers le train **et** tirent sur les peaux-rouges.

→Efa nandre poa-basy mandritra ny fahefatra adiny ireo miaramila ka miolomay mamonjy ilay lamasinina **ary** mitifitra amin'ireo Peaux-Rouges.

-Ceux-ci comprennent alors qu'ils n'ont plus aucune chance de gagner **et** se sauvent en criant.

→Tsapan'ileireto fa tsy misy hirika intsony handreseny, **ka** sady milefa izy **no** mihaikaika.

- On compte les morts **et** les blessés.

→Isaina ny maty **sy** ny maratra.

- Phileas Fogg **et** Mrs Aouda n'ont rien.

→Tsy maninon-tsy maninona Rafitia Rainizavona **sy** Rtao Aouda.

- Pour la première fois, son coeur **et** son esprit sont dechirés par deux idées contraires.

→Sambany no ahatsapany fa ifandrorian-kevi-droa loha mifanipaka ny fo **sy** ny sainy.

- Mr Fogg va vers le commandant des soldats **et** il lui dit :

→Indro mizotra ho eny amin'ilay lehiben'ny miaramila Ingahy Rainizavona **ka** manao aminy hoe:

- Fix vient près d'eux et demande à Mr Fogg :

→Manatona azy roa lahy i Lemadity, ary manontany an'ingahy Rainizavona hoe:

- Pendant ce temps-là, les ouvriers réparent comme ils peuvent les wagons **et** la locomotive.

→Mandritra izany fotoana izany, mamboatra ny simba amin'ireo vagao **sy** ny lamasinina ny mpiasa.

- Ne repartez pas avant que Mr Fogg **et** les soldats reviennent.

→Aza mbola mandeha re alohan'ny hiverenan'Ingahy Rainizavona **sy** ireo miaramila.

- Les blessés sont portés **et** couchés sur les bancs.

→Bataina ireo maratra, ampandriana ambony sezava.

- Fix **et** Mrs Aouda restent.

→Mijanona i Lemadity **sy** Rtoa Aouda.

- Quand le jour se lève, tout le monde est déjà dehors, les soldats **et** les employés.

→Rehefa mipoaka ny andro dia efa tafavoaka ny olona rehetra, ireo miaramila **sy** ireo mpiasa.

- Phileas Fogg marche devant avec Passepartout **et** les deux autres voyageurs, sauvés des mains des Peaux-rouges après un rapide combat.

→Misava lalana Rafitia Rainizavona, miaraka amin'i Bekarataka **sy** ireo mpandeha anankiroa, votsotra teo an-tanan'ny Peaux-rouges.

- Entre vingt **et** douze, la différence est huit. Ce sont ces huit heures qu'il faut que vous rattrapiez.

→Roapolo **analana** roa ambin'ny folo, valo ny elanelany. Ireo adim-pamantaranandro valo ireo no tsy maintsy enjehinao.

- Bien sûr, ce sera un voyage très peu confortable **et** même dangereux. Mais Phileas Fogg ne peut pas choisir : c'est ça ou rien.

→Mazava loatra, tena tsy hahazoana aina mihitsy **ary** mety hampidi-doza izy ity. Saingy tsy manan-tsafidy Rafitia Rainizavona: na izay na tsy misy.

- La plaine est plate comme un grand lac couvert de glace **et** le traîneau, lancé dans une course folle, va à une vitesse de presque soixante kilomètres à l'heure.

→Marindrano toa farihy be rako-dranomandry ilay tany lemaka, **ka** mirimorimo tapakofehy ilay fiarakorisa, manafosafo ny enimpolo kilaometatra isanora firiotra.

- Il respire avec peine **et** il a besoin de toutes ses forces pour ne pas être emporté.

→Mitamporitra zara raha afa-miaina **ary** henjaniny ny heriny mba tsy ho voafaokan'ny rivotra.

- Dès leur arrivée, Phileas Fogg **et** ses amis veulent sauter à terre, mais ils ne peuvent plus faire un mouvement parce qu'ils ont eu très froid.

→Vao tonga dia te hitsambikina handia tany Rafitia Rainizavona **sy** ireo namany, saingy tsy afaka mihetsika intsony satria ngoly mangatsiaka loatra.

- Mrs Aouda rit parce que le visage de Passepartout est rouge **et** cuit comme une brique, Passepartout, lui, ne trouve pas ça drôle, il a tellement mal aux yeux **et** aux oreilles !

→Vaky hehy Rtoa Aouda satria mahita ny tarehin'i Bekarataka mena **sy** masaka toa lokom-biriky, fa ileio kosa tsy mihevitra izany ho mampihomehy, marary loatra mantsy ny masonry **sy** ny sofiny !

- A New York, bien sûr, les bateaux ne manquent pas non plus **et** il en trouve un qui s'appelle l'Henrietta.

→Azo antoka eto New York fa tsy banga sambo mihitsy koa, **ka** mahita iray antsoina hoe Henrietta izy.

- Il n'est pas du tout content parce qu'il n'a pas fait de bonnes affaires à New York **et** parce qu'il est obligé de repartir tout de suite avec son bateau vide pour aller chercher du vin en France.

→Tsy faly tokoa izy satria tsy nahitam-bokatra ny aferany teto New York **ary** noho izy voatery hanainga avy hatrany miaraka amin'ny sambony tsisy entana mba hividy divay any Frantsa.

- Il ne veut donc pas aller en Angleterre **et**, de toute façon, il n'aime pas prendre des voyageurs.

→Tsy te ho any Angletera izy, araka izany, **ary** na ahoana na ahoana, tsy te hitondra mpandeha ihany koa.

- Il ne discute pas plus longtemps **et** dit:

→Tsy miady hevitra maharitra intsony izy **ka** miteny hoe:

- Le patron, rouge de colère, remuait **et** criait comme un fou; mais ils l'ont attaché à son lit par de solides cordes,

→Miboramenan'ny hatezerana ity tompon-tsambo, mikofokofoka, mikiakiaka toa adala ; fa nataony tsara fatotra tamin'ny farafarany,

- Mr Fogg le remplace **et** commande l'Henrietta qui, naturellement, prend la direction de l'Angleterre.

→Maka ny toerany Ingahy Rainizavona, mibaiko an'ilay Henrietta ka mazava ho azy fa mizotra ho any Angletera ny dia.

- Passepartout trouve cela très amusant; il n'a jamais été aussi gai; il fait rire tout le monde de ses histoires drôles, par son adresse à courir **et** à sauter partout. Fix, au contraire, commence à avoir peur.

→Tena nahafaly an'i Bekarataka izany, tsy mbola àry faly toa izao izy ; ampiomeheziny ny olona rehetra amin'izato tantara valamatiny, sy hakingany miolomay **sy** mivikimbikina etsy sy eroa. Fa manomboka matahotra kosa i Lemadity.

- Passepartout aide son maître **et** les marins.

→Manampy ny tompony **sy** ireo tantsambo i Bekarataka.

- Phileas Fogg donne à Passepartout l'ordre d'aller chercher Andrew Speedy **et** de lui rendre sa liberté.

→Manome baiko an'i Bekarataka Rafitia Rainizavona handeha haka an'i Andrew Speedy **ka** hanafaka azy.

- Ce qui est en fer **et** la machine.

→Izay vita amin'ny vy **sy** ny milina.

- Nous ne pourrons plus aller bien loin avec le peu de bois que nous avons **et** nous sommes seulement devant Queenstown.

→Tsy ho afaka handeha lavitra noho izao intsony isika amin'ireto hazo vitsy sisa ananantsika **sady** vao eto anoloan'i Queenstown fotsiny isika izao.

- Avec Fix qui ne quitte plus son homme d'un pas, avec Passepartout qui ne prend plus le temps de respirer, **et**, naturellement, avec Mrs Aouda, Phileas Fogg monte, à une heure du matin, dans le train de Queenstown.

→Io Rafitia Rainizavona, amin'ny iray ora maraimbe miondrana amin'ny lamasinina miala eo Queenstown, miaraka amin'i Lemadity manara-dia foana ity olona hazainy, miaraka amin'i Bekarataka izay tsisy fotoana iainana intsony, **ary** mazava loatra miaraka amin-dRamatoaa Aouda.

- Le 21 décembre, à midi vingt, il descend enfin sur le quai de Liverpool. Mais Fix, à ce moment-là, lui met la main sur l'épaule **et** lui dit :

→Ny 21 desambra, amin'ny mitataovovanana mahery roapolo, indro midina eo amin'ny seranam-baton'i Liverpool izy, nony farany. Amin'io fotoana io indrindra no miteny i Lemadity, mametraka ny tanany eo an-tsorony **ary** milaza aminy hoe:

- Comment! Mr Fogg, cet homme si bon, si courageux, **et** qui lui a sauvé la vie! Non certainement la police se trompe **et** va bientôt lui rendre sa liberté.

→Ahoana hoe! Ingahy Rainizavona, ilay lehilahy tsara fanahy, be herim-po ary nanavotra azy! Tsia, azo antoka fa diso hevitra ny pôlisy **ary** vetivety hamotsotra azy.

- Il donne l'ordre d'ouvrir la porte et explique à Phileas Fogg:

→Manome baiko ny hanokafana ny varavaram-ponja izy ary hanazava amin-dRafitia Rainizavona :

- Il vous ressemble beaucoup **et** j'ai cru que c'était vous.

→ Mitovy be aminao izy iny **ka** noheveriko fa ianao mihitsy.

- Phileas Fogg ne répond rien. Il marche vers le policier, le regarde bien en face, **et** faisant peut-être pour la première fois de sa vie un mouvement très rapide, il lance ses deux poings dans la figure de Fix qui tombe en arrière.

→ Tsy mamaly na teny tokana aza Rafitia Rainizavona. Mamindra manitsy an'ilay pôlisy izy, mibanjin-tava azy, **ary** indro manao fihetsika tselatra, voalohany teo amin'ny fiainany angamba, mandefa ireo totohondriny roa eny amin'ny tavan'i Lemadity ka lavo ilay io.

- Passepartout a pris la valise **et** nos trois amis sautent dans une voiture qui les conduit à la gare.

→ Noraisin'i Bekarataka ireo valizy **ary** indreny mitsorofoka anaty fiara iray hitondra azy hatrany amin'ny gara ireto mpandehantsika telo mianadahy.

- Elle demande à Passepartout de garder son maître, sans en avoir l'air, **et** de rester toute la nuit près de sa porte.

→ Miangavy an'i Bekarataka izy mba hijerijery ilay tompony, toa ny tsy manao izany akory, **ary** hihainohaino eo am-baravarany mandritra ny alina.

- Passepartout passe son temps à monter et à descendre l'escalier de la maison.

→ Mandany ny androny miakatra sy midina ny tohatra ao an-trano i Bekarataka.

- A sept heures **et** demie du soir, Mr Fogg va voir Mrs Aouda.

→ Amin'ny fito ora **sy** sasany hariva, tonga hizaha an-dRtoa Aouda Ingahy Rainizavona.

- J'étais à ce moment-là riche **et** je pensais pouvoir vous aider. Mais les choses ont changé ; la chance a tourné contre moi.

→ Mbola nanan-karena aho tamin'ireny **ary** nihevitra fa ho afaka manampy anao. Kanefa niova ny toe-javatra, nihodina tamiko ny vintana.

- Et vous, que deviendrez-vous,

→Ary ianao, inona no hiafaranao?

- Phileas Fogg en entendant ces mots, va vers Mrs Aouda **et** lui prend les mains:

→Nony mandre izany Rafitia Rainizavona, tamy manatona an-dRtoa Aouda **ka** mandray ny tanany.

- Mon garçon, Mrs Aouda **et** moi-même nous nous marions demain lundi.

→Ry ilaikeliko, hivady izahay **sy** Rtoa Aouda rahampitso alatsinainy.

- **Et** Passepartout sort en courant.

→**Dia** mivoaka mihazakazaka i Bekarataka.

- Phileas Fogg n'avait donc pas quitté l'Angleterre parce que la police le cherchait **et** il n'avait pas menti en disant qu'il voulait essayer de faire le tour du monde en quatre-vingt jours.

→Hay tsy hoe nandao an'i Angleterre Rafitia Rainizavona satria karohin'ny pôlisy **ary** tsy nandainga izy raha niteny fa hanandrana hamita ny dia mihodidina ny tany ao anatin'ny valopolo andro.

- Le samedi 21 décembre, ils sont tous les cinq réunis dans la grande salle du Reform Club **et** ils attendent, très curieux de savoir si Phileas Fogg arrivera avant huit heures quarante-cinq du soir.

→Ny sabotsy 21 desambra, vory lanona izy dimy lahy ato amin'ny efitrano lehibe ao amin'ny Reform Club **ary** miandry izy lian-te hahalala raha ho tonga alohan'ny amin'ny valo sy dimy amby efapolo minitra hariva tokoa Rafitia Rainizavona.

- A sept heure vingt-trois, répond Gauther Ralph, **et** le train suivant arrive seulement à minuit dix.

→Tamin'ny fito sy telo amby roapolo, hoy Gauther Ralph mamaly, **ary** ilay lamasinina manaraka amin'ny misasakalina sy folo minitra any vao tonga.

- **Et** moi, dit Andrew Stuart, même si je le voyais de mes yeux, je ne le croirais pas.

→**Ary** izaho, hoy Andrew Stuart, na dia ho hitan'ny masoko aza tsy hino aho.

- Bien sûr, répond Gauther Ralph, **et** demain nous pourrons aller à la banque,
→Izany mihitsy hoy Gauther Ralph, **ary** rahampitso dia mahazo mankany amin'ny banky isika.
 - Ils veulent avoir l'air tranquille **et** ils vont s'asseoir à une table pour jouer aux cartes.
Mais ils ne peuvent pas s'empêcher de regardez leur montre.
→Te hiseho ho tony izy ireo **ka** lasa mipetraka eo amina latabatra iray hilalao karatra.
Nefa tsy ariny ny tsy hijery ny famantarandrony avy.
 - Andrew Stuart et ses amis ne jouent plus.
→Tsy milalao intsony i Andrew Stuart sy ny namany.
 - Il avait décidé de se marier avec Mrs Aouda **et** que Passepartout était sorti pour aller tout préparer.
→Nanapa-kevitra hanambady an-dRtoa Aouda izy, **ary** lasa nivoaka i Bekarataka hanomana ny zavatra rehetra.
 - **Et** pourquoi donc?
→Fa nahoana àry?
 - Phileas Fogg, qui est allé toujours vers l'est, est donc arrivé à Liverpool le 20 décembre à midi **et** non pas le 21 comme il le croyait.
→Ity Rafitia Rainizavona izay miantsinanana-dava àry izany dia tonga teo Liverpool ny 20 desambra mitataovovanana **fa** tsy ny 21 araka ny niheverany azy.
 - Vingt-quatre heures plus tard, le lundi Mr Fogg et Mrs Aouda se marient.
→Efatra amby roapolo ora aty aoriana, ny alatsinainy, mifanambady Ingahy Rainizavona sy Rtoa Aouda.
 - **Et** Mr Fogg ferme doucement la porte.
→**Dia** nakaton-dRafitia Rainizavona moramora ny varavarana.
- ❖ Conjonction de coordination : « mais »

- Mais on ne savait pas comment il avait gagné tout cet argent.

→Kanefa tsy fantatra izay fomba nahazoany ity volabeny.

- Mais ce qu'il savait, il l'avait peut-être appris dans les livres

→Kanefa izay fantany dia angamba nianarany tamin'ny alalan'ny boky.

- Le jeu était pour lui une façon de se battre avec la chance, mais de se battre sans mouvement et sans fatigue, seulement par l'adresse de l'esprit.

→Ny lalao taminy dia fomba iadiana vintana, sady ady tsy ankihetsika no tsy mandreraka fa amin'ny alalan'ny hakingan-tsaina.

- Je crois être un bon garçon mais je dois vous dire que j'ai déjà fait beaucoup de métiers et que j'ai même travaillé au théâtre.

→Inoako fa mba zazalahy tsara ihany aho, nefà tsy maintsy aborako aminao fa efa nanao karazana asa maro aho, ary efa niasa tamina teatira aza.

- Jusqu'à maintenant j'ai travaillé dans beaucoup de familles, mais partout j'ai été très malheureux.

→Hatramin'izao aloha niasa tamina fianakaviana maro aho, kanefa tena ory tany rehetra tany.

- Je ne sais pas, répond Andrew Stuart, mais la terre est assez grande.

→Tsy fantatro hoy ny avalin'i Andrew Stuart, fa lehibe ihany anie ny tany e.

- Elle l'était dia Phileas Fogg mais maintenant elle est plus petite,

→Izany tokoa izy taloha, hoy Rafitia Rainizavona ; fa ankehitriny kely kokoa ilay izy.

- Mais, s'il a du retard, il perdra le double de cette somme : le prix du voyage d'abord et ensuite le chèque laissé à ses amis.

→Fa raha diso fotoana izy dia ho very vola avo roahenin'io: eo aloha ny vola lany amin'ny dia, ary avy eo ilay solovola tafajanona amin'ireto namany.

- Mais les valises ?

→**Ary** ny valizy ?

- Oui, **mais** je veux qu'on sache que je suis passé à Suez aujourd'hui 9 octobre à onze heures.

→Eny, **saingy** tiako ho fantatry ny olona fa tafandalo teto Suez aho androany 9 oktobra izao amin'ny iraika amby folo ora izao.

- **Mais** il ne sait pas qu'on doit enlever ses chaussures devant la porte.

→Tsy fantany **anefa** fa tokony hoesorina ny kiraron'ny tena eo an-tokonam-baravarana.

- C'est malheureux **mais** je ne peux rien pour vous aider.

→Mampalahelo **fa** tsy misy azoko anampiana anao.

- Mais tout à coup une idée lui traverse l'esprit, **et** il décide autre chose.

→Nefa tampotampoka teo, indro misy hevitra mitselaka ao an-tsainy, **ka** manapakevitra hanao zavatra hafa izy.

- **Mais** il vaut mieux ne pas perdre de temps parce que les autres voyageurs courrent déjà pour chercher des voitures et les louer.

→**Kanefa** aleo tsy very fotoana satria efa mihazakazaka sahady mitady izay voatiry hofainy ireo mpandeha.

- **Mais**, à certain moment, l'éléphant se met à remuer les oreilles d'une façon étonnante.

→**Nef**a misy fotoana, indro miranga sofina hafahafa ilay elefanta.

- **Mais** dans cette région que nous traversons, on garde encore les vieilles lois.

→**Fa** eto amin'ity faritra lalovantsika ity, mbola tanana hatrany ireny fomba trrainy ireny.

- Passepartout et son maître suivent de loin les gens qui portent le mort. **Mais** la pagode est bien gardée.

→Manaraka ety lavidavitra an'ireo olona mitondra ny maty i Bekarataka sy ny tompony. **Kanefa** ity tempoly tsara ambina ery !

- **Mais** les heures passent et ils ne pouvaient rien faire parce qu'aucun soldat ne s'est endormi.

→**Saingy** mandeha ny ora, nefà tsy mbola misy azony atao satria tsy misy tafatory ny miaramila.

- **Mais** déjà les gens ont levé la tête ; quand ils ont vu le vrai mort à sa place, ils ont tout compris.

→**Nefà** tafatràka sahady ireto olona ; rehefa nahita ilay maty teo amin'ny toerany izy ireo, dia fantany daholo ny zava-niseho.

- J'ai encore un bon oncle qui habite à Hong Kong, **mais** c'est trop loin.

→Manana dadatoa mipetraka any Hong-Kong ihany aho, **nefà** lavitra loatra.

- **Mais** je ne comprends pas comment les hommes de la forêt ont pu déjà prévenir la police.

→**Kanefa** tsy azoko ny fomba nataon'ireo olona tany anaty ala, nahafahany nampandre sahady ny pôlisy.

- **Mais** le bateau part à midi.

→Miainga amin'ny mitataovovonana **anefa** ny sambo.

- Ils se frottent les mains de plaisir; **mais** trop tôt, parce que Phileas Fogg a tout de suite répondu,

→Mitehaka moramora amin-kafaliana izy ireo ; **nefà** lasa aloha loatra izany, satria namaly avy hatrany Rafitia Rainizavona,

- **Mais** cette réponse, quand arrivera-t-elle ?

→Rahoviana **anefa** no ho tonga io valin-teny io?

- Il pense que ce sont des mensonges, **mais** il n'ose pas encore montrer sa véritable identité.

→Mihevitra izy fa lainga daholo izany, **nefa** mbola tsy sahiny ny maneho ny tena mahaizy azy.

- **Mais**, répond Fix assez gêné, je ne sais pas !... Peur-être...

→**Nefa** hoy i Lemadity, tena sadaikatra, tsy fantatral... Angamba...

- **Mais** de toute façon, le Rangoon aura un jour de retard et il arrive le 6 et non le 5.

→**Nefa** na ahoana na ahoana dia ho tara iray andro ilay Rangoon ka ho tonga ny 6 fa tsy 5.

- **Mais** depuis deux ans cet homme n'habite plus à Hong-Kong.

→**Saingy** efa roa taona izao no tsy monina eto Hong-Kong intsony io olona io.

- **Mais** je ne peux pas, j'ai peur de vous gêner.

→**Nefa** tsy azoko atao, manahy aho sao manelingelina anareo.

- **Mais** il ajoute:

→**Nefa** hoy ihany izy:

- Je ne sais pas si ce que vous dites est vrai ou faux, **mais** mon maître a toujours été bon pour moi.

→Tsy haiko na marina na diso izay lazainao, **fa** tsara fanahy amiko hatrany ny tompoko.

- Le bateau que vous voulez prendre pour aller à San Francisco passe par Yokohama, c'est vrai, **mais** savez-vous que son port de départ c'est Changhaï ?

→Ny sambo saika handehananao ho any San Francisco dia mandalo ao Yokohama, marina izany; **fa** fantatralo ve fa Changhaï no seranam-piaingana?

- **Mais** il sait bien que sa colère ne sert à rien.

→Fantany tsara **anefa** fa tsy hahavitana na inona na inona ny hatezerany.

- Mrs Aouda a peur, **mais** elle ne veut pas montrer et elle regarde en silence les voiles blanches tendues comme des ailes.

→Matahotra Rto Aouda, **fa** tsy te haneho izany ka mijery mangina ireto lain-tsambo fotsy mihenjana toa ela-borona.

- Vingt fois, on pense que les montagnes d'eaux qui se lèvent vont écraser le petit bateau, **mais** John Bunsy avec beaucoup d'adresse, empêche chaque fois l'accident.

→Indroampolokely no ahina hamotika ilay sambokely ireo onja misondrotra toa tendrombohitra, **nefa**, kinga fiasa i John Bunsy misakana ny loza tsy hihatra.

- Le bateau est sauvé **mais** les six cents livres ne sont pas encore gagnées.

→Avotra ilay sambo, **nefa** mbola tsy azo atao hoe azo ny eninjato livres.

- Il voit plusieurs voyageurs, **mais** aucun ne ressemble ni à Phileas Fogg ni à Mrs Aouda.

→Mahita mpandeha maro izy **saingy** tsy misy na iray aza mitovitovy amin-dRafitia Rainizavona na amin-dRto Aouda.

- Il ment peut-être ; **mais** s'il dit la vérité, alors vous comprenez que je suis aussi pressé que lui d'arriver à Londres.

→Mandainga angamba izy ; **fa** raha marina ny teniny, dia mazava amina fa mba dodona toa azy koa aho ny ho tonga any Londres.

- Oui, pour aujourd'hui. **Mais** si je vous revois encore une fois, je recommencerai.

→Eny, ny amin'ny androany. **Fa** raha mbola hitako indray ianao, dia hanindroa aho.

- **Mais** ce "beau temps" est passé.

→**Fa** « efa lasa ny zavatra taloha »

- **Mais** je vous permets, mon garçon, d'acheter ce que vous voulez.

→**Nef**a mamela anao hividy izay tianao aho, leiroa.

- Mr Fogg et Fix voudraient demander autour d'eux la cause de tout ce bruit. **Mais** on ne les écoute pas.

→Te hanontany ny manodidina azy Ingahy Rainizavona sy i Lemadity, ny anton'ity tabataba be ity. **Fa** tsy misy mihaino azy.

- Il voudrait entrer avec elle dans une maison ou dans une boutique, **mais** ils sont trop serrés par les gens et ils ne peuvent pas avancer.

→Te hitsorofaka anaty trano na anatina fivarotana miaraka aminy izy, **nefa** voaterin'ny olona loatra ka tsy afaka mandroso.

- Il veut se défendre avec ces deux armes naturelles que tout Anglais a au bout de ses bras. **Mais** ses efforts sont inutiles.

→Te hiaro tena izy, amin'ireto fiadiam-boajanahary samy entin'izay mety ho Anglisy an-tendron-tsandriny roa. Nefa very maina ny ezaka ataony.

- **Mais** non, monsieur, vous êtes fou...

→Tsia tompoko, adala angaha ianao...

- Puis elle descend vers de grandes plaines où le train peut aller plus vite, **mais** où vivent beaucoup de Peaux-Rouges.

→Dia midina mihazo lembalemba midadasika, ahazoan'ilay lamasinina mandeha mafy kokoa, **saingy** onenana « Peaux Rouges » marobe eny.

- Il voudrait arrêter la machine, **mais** ne sait pas comment il faut faire.

→Tiany hajanona ilay lamasinina **saingy** tsy hainy ny tokony hatao.

- Les balles volent au-dessus de sa tête, **mais** il saute, en se baissant, d'un banc à l'autre.

→Bala maro no misidina eo ambony lohany, **nefa** sady mitsambikina izy no miondrikondrika, miampitampita sez lava.

- **Mais** s'il va chercher, il perdra du temps et il manquera le bateau de New York.

→Raha handeha hitady azy anefa izy, ho very fotoana, tsy hahatratra ilay sambo ho any New York.

- Je peux vous donner trente soldats, **mais** je suis obligé, moi, de rester à mon poste.

→Azoko atao ny manome anao miaramila telopolo, **fa** izaho, dia voatery mijanona eto amin'ny anjara toerako.

- Il ne peut pas dire non, bien sur. **Mais** en restant avec la jeune femme, il laisse partir son voleur.

→Tsy afaka mandà izy, mazava loatra. **Nefà** raha mitoetra amin'ity ramatoa koa izy, dia hamela mandositra an'ilay mpangalatra enjehiny.

- **Mais** les autres voyageurs sont pressés; ils remontent tout de suite, s'installent à leurs places.

→Maika **anefa** ireo mpandeha sasany; miakatra avy hatrany izy ireo, samy maka ny toerany.

- Bien sûr, ce sera un voyage très peu confortable et même dangereux. **Mais** Phileas Fogg ne peut pas choisir : c'est ça ou rien.

→Mazava loatra, tena tsy hahazoana aina mihitsy ary mety hampidi-doza izy ity. **Saingy** tsy manan-tsafidy Rafitia Rainizavona: na izay na ho fotsy.

- Dès leur arrivée, Phileas Fogg et ses amis veulent sauter à terre, **mais** ils ne peuvent plus faire un mouvement parce qu'ils ont eu trop froid.

→Vao tonga dia te hitsambikina handia tany Rafitia Rainizavona sy ireo namany, **saingy** tsy afaka mihetsika intsony satria ngoly mangatsiaka loatra.

- **Mais** Andrew Speedy dit toujours non.

→Manda hatrany **anefa** i Andrew Speedy.

- Le jour d'après, 13 décembre, l'Henrietta avance à toute vitesse depuis déjà vingt-quatre heures, **mais** il n'est pas plus commandé par le même homme.

→Ny andro manaraka, ny 13 desambra, indro mimaona efa nandritra ny efatra amby roapolo ora sahady ity Henrietta, **saingy** tsy ilay olona teo intsony no mibaiko azy.

- Le patron, rouge de colère, remuait et criait comme un fou ; **mais** ils l'ont attaché à son lit par de solides cordes.

→Miboramenan'ny hatezerana ity tompon-tsambo, mikofokofoka, mikiakiaka toa adala ; **fa** nataony tsara fatotra tamin'ny farafarany.

- Nous avions assez de charbon pour aller à petite vapeur de New York en France, **mais** nous n'en avons pas assez pour aller à toute vapeur de New York en Angleterre.

→Ampy tsara ny kitay nentintsika hahavitana ny dia avy eo New York mankany Frantsa, raha tony fangotraka isika ; **fa** tsy ampy kosa hahavitana ny dia avy eo New York mankany Angletera raha dodom-pangotraka isika.

- Le 21 décembre, à midi vingt, il descend enfin sur le quai de Liverpool. **Mais** Fix, à ce moment-là lui met la main sur l'épaule et lui dit :

→Ny 21 desambra, amin'ny mitataovovanana mahery roapolo, indro midina eo amin'ny seranam-baton'i Liverpool izy nony farany. Amin'izay fotoana izay **indrindra** no miteny i Lemadity, mametraka ny tanany eo an-tsorony ary milaza aminy hoe:

- Mrs Aouda s'installe dans une autre pièce de la maison, **mais** elle ne peut pas prendre un seul moment de repos.

→Mahazo toerana ao an'efitrano iray Rtoa Aouda, **nefa** tsy afaka maka aina na fotoana fohy akory aza.

- J'étais à ce moment-là riche et je pensais pouvoir vous aider. **Mais** les choses ont changé ; la chance a tourné contre moi.

→Mbola nanan-karena aho tamin'ireny ary nihevitra fa ho afaka manampy anao. **Kanefa** miova ny toe-javatra, nihodina tamiko ny vintana.

- Ils veulent avoir l'air tranquille et ils vont s'asseoir à une table pour jouer aux cartes. **Mais** ils ne peuvent pas s'empêcher de regarder leur montre.

→Te hiseho ho tony izy ireo ka lasa mipetraka eo amina latabatra iray hilalao karatra.
Nefa tsy ariny ny tsy hijery ny famataranandroney avy.

- **Mais** comment est-ce que nos voyageurs s'étaient trompés ?

→**Fa** ahoana tokoa moa no nahadiso fanisa ireto mpandehantsika?

- **Mais** chère amie, cet argent est à vous.

→**Nefa** rahavako, anao anie io vola io e!

- **Mais** si nous n'avions pas traversé ce pays, nous n'aurions pas rencontré Mrs Aouda, elle ne serait pas ma femme, et...

→**Nefa** raha tsy nandalo an'io firenena io isika, tsy ho nifanena tamin-dRtoa Aouda, tsy ho lasa vadiko izy, ary...

❖ Conjonction de coordination : « ou »

- Je suis bon quand j'ai le temps et aujourd'hui nous pouvons perdre dix **ou** douze heures, pas plus.

→Tsara fanahy aho rehefa manam-potoana ka anio dia azontsika atao ny ho very adiny folo **na** roa ambin'ny folo ora fa tsy mihoatra.

- Sur le quai de Suez peut-être, **ou** dans les rues de Bombay.

→Teny amin'ny seranan-tsambon'i Suez angamba, **sa** teny amin'ny araben'i Bombay.

- Il faut à tout prix qu'il trouve quelque chose pendant trois **ou** quatre heures qui lui restent.

→Tsy maintsy mahita zavatra hatao izy ao anatin'ny ora telo **na** efatra sisa hiasany.

- Elles vident des tasses de thé **ou** des grands verres de bière forte.

→Mandany kaopy feno dite **na** veraben-dabiera mahery izy ireo.

- Je ne sais pas si ce que vous dites est vrai **ou** faux, mais mon maître a toujours été bon pour moi.

→Tsy haiko **na** marina **na** diso izay lazaina, fa tsara fanahy amiko hatrany io tompoko io.

- Quand la jeune femme veut remercier Phileas Fogg, **ou** s'excuser de tout le mal qu'elle lui a donné, celui-ci répond :

→Rehefa te hisaotra an-dRafitia Rainizavona **na** hiala tsiny aminy iny noho ny fisahiranany ilay tovovavy, dia mamaly toa izao ilay io.

- Il peut faire la cuisine **ou** servir à table.

→Mahavita mahandro **na** mandroso sakafo izy.

- Il voudrait entrer avec elle dans une maison **ou** dans une boutique, mais ils sont trop serrés par les gens et ils ne peuvent pas avancer.

→Te hitsorofoka anatina trano **na** anatina fivarotana miaraka aminy izy, nefo voaterin'ny olona loatra ka tsy afaka mandroso.

- Il ne peut pas laisser le pauvre garçon entre les mains des Peaux-Rouges qui vont sans doute le brûler **ou** lui couper la tête.

→Tsy azony atao ny mamela ilay zazalahy mahonena ho eo am-pela-tanan'ireo Peaux Rouges, izay tsy hisalasalana fa handoro azy velona **na** hanapa-doha azy.

- Bien sûr, ce sera un voyage très peu confortable et même dangereux. Mais Phileas Fogg ne peut pas choisir : c'est ça **ou** rien.

→Mazava loatra, tena tsy hahazoana aina mihitsy ary mety hampidi-doza izy ity. Saingy tsy manan-tsafidy Rafitia Rainizavona: **na** izao **na** ho fotsy.

❖ Conjonction de coordination: « donc »

- Il attend **donc** un nouveau serviteur.

→Miandry mpanampy vaovao izy **araka izany**.

- **Donc**, à partir d'aujourd'hui, onze heures vingt-neuf du matin, ce mercredi 2 octobre 1872, vous êtes à mon service.

→**Koa** manomboka anio, amin'ny iraika ambin'ny folo sy sivy amby roapolo minitra maraina, izao alarobia 2 oktobra 1879 izao, dia miasa eto amiko ianao.

- Où sont **donc** ces bureaux ?

→Aiza **àry** ireo birao ?

- Je vous demande **donc** de bien vouloir mettre votre signature et votre timbre.

→Miangavy anao aho **noho izany**, mba hanao sonia sy hametaka ny fitombokasenao.

- Il vient **donc**, dire bonjour à Passepartout et s'assied à côté de lui.

→Tonga **àry** izy miarahaba an'i Bekarataka ary mipetraka eo anilany.

- Les amis de son bon maître le juge **donc** si mal ?

→Mihevitra azy ho olon-dratsy **izany** ireo naman'ity tompony tsara fanahy ?

- Il a **donc** fini par comprendre qui je suis.

→Takany **amin'izay** ve hoe iza aho.

- Allons **donc** nous promener dans les vieux quartiers de la ville.

→Andao **àry** isika hitsangantsangana eny amin'ireo fokontany trrainay eto an-tanàna.

- Nous sommes aujourd'hui le 7; nous avons **donc** quatre jours devant nous, si nous partons tout de suite.

→Ny fahafiton'ny volana isika androany, manana efatra andro isika **izany** eo anoloantsika, raha mandeha izao dia izao.

- Il va **donc** le chercher vers l'arrière du bateau.

→Handeha hitady azy ireo eny am-para sambo **àry** izy.

- Il a **donc** cinq ou six jours devant lui.

→Manana andro dimy na enina manoloana azy izy, **noho izany**.

- Il doit **donc** attendre toute une journée dans la capital de Californie.

→Tsy maintsy miandry tontolo andro maninjitra **izany** izy eto amin'ny renivohitr'i Californie.

- Il ne veut donc pas aller en Angleterre et, de toute façon, il n'aime pas prendre des voyageurs.

→Tsy te ho any Angleterre izy **araka izany**, ary na ahoana na ahoana, tsy tia mitondra mpandeha koa.

- Phileas Fogg n'avait **donc** pas quitté l'Angleterre parce que la police le cherchait et il n'avait pas menti en disant qu'il voulait essayer de faire le tour du monde en quatre-vingt jours.

→**Hay** tsy hoe nandao an'i Londres Rafitia Rainizavona satria karohin'ny pôlisy ary tsy nandainga izy raha niteny fa hanandrana hamita ny dia mihodidina ny tany ao anaty valopolo andro.

- Nous pouvons **donc** penser que nous avons gagné.

→Azo atao ny mihevitra fa efa nandresy isika.

- Et pourquoi **donc** ?

→Fa nahoana **àry** ?

- Phileas Fogg, qui est allé toujours vers l'est, est **donc** arrivé à Liverpool le 20 décembre à midi et non pas le 21 comme il le croyait.

→Ity Rafitia Rainizavona izay miantsinanana-dava àry **izany** dia tonga ny 20 desambra mitataovovanana fa tsy ny 21 araka ny niheverany azy.

- Quoi **donc** ?

→Inona **izany** ?

❖ Conjonction de coordination : « Or »

Néant.

❖ Conjonction de coordination : « **Ni** »

- Il n'avait **ni** femme **ni** enfant, ce qui peut arriver à des personnes très bien.
→**Tsy** nanam-bady **tsy** nanan-janaka izy, fahita amin'ireo olona tena miadana ihany izany.
- Il n'avait **ni** parents **ni** amis, ce qui est plus rare en vérité.
→**Sady tsy** nanana havana **na** sakaiza izy, izany dia mahalam-pisy kosa raha ny marina.
- Vous n'avez pas reçu d'ordre d'arrestation contre ces deux personnes, **ni** moi non plus.
→Tsy mbola naharay didy fampisamborana ireo olona roa ireo ianao, izaho **koa**.
- Il ne se préoccupe pas du tout des changements du vent qui peuvent retarder la marche du bateau, **ni** du mouvement des vagues qui peuvent causer des accidents.
→Tsy miraharaha mihitsy akory izay fiovaovan'ny rivotra, mety mahatara ny fandehanan'ny sambo izy, **na** ny fisamboaravoaran'ny onja mety hitera-doza.
- En quelques minutes tout a été pris dans le village et on ne trouve plus **ni** chevaux, **ni** bœufs, **ni** voitures.
→Minitra vitsy, dia efa lasan'ny olona daholo ny tao an-tanàna ary tsy nahitana intsony **na** soavalyn **na** omby **na** voatiry.
- Il n'a l'habitude **ni** de porter **ni** de travailler, je vais lui apprendre à se battre et le rendre méchant en ne lui donnant à manger que du sucre et du beurre.
→**Sady tsy** zatra mitondra entana **no** tsy zatra miasa izy io ka ndeha hampianariko hiady sy ho lasa masiaka amin'ny alalan'ny tsy fanomezana azy afa-tsy siramamy sy ronono vongany.
- Il y a vingt-trois jours que nos voyageurs ont quitté Londres, ils arrivent au jour dit sans retard **ni** avance.
→Efa telo amby roapolo andro izay no nandaozan'ireo mpandeha an'i Londres, tonga eto izy amin'ny andro voatondro **tsy** tara **tsy** lasa aloha.

- Il voit plusieurs voyageurs, mais aucun ne ressemble **ni** à Phileas Fogg **ni** à Mrs Aouda.

→Mahita mpandeha maro izy, saingy tsy misy **na** iray aza mitovitovy amin-dRafitia Rainizavona **na** amin-dRtoa Aouda.

- Il a bien peur qu'au Japon il n'y ait plus pour lui **ni** bon repas **ni** bon sommeil.

→Matahotra izy fa rehefa any Japon dia tsy hisy intsony **na** sakafotsara **na** torimaso tsara ho azy.

- Phileas Fogg n'a **ni** gagné **ni** perdu un seul jour.

→**Sady tsy** mbola nahazo tombony **no tsy** very andro tokana Rafitia Rainizavona.

- On n'a pas de nouvelles de Phileas Fogg **ni** des hommes qui sont partis avec lui.

→Mbola tsy nahazoam-baovao **na** ny momba an-dRafitia Rainizavona **na** ny amin'ireo vatan-dehilahy niaraka taminy.

- Vraiment, se dit Fix, voilà un voleur qui ne manque **ni** de cœur ni de courage.

→Izany tokoa, hoy i Lemadity, ka mpangalatra **tsy** ilaozana herim-pitia **sy** herim-po.

- Demandez-lui de bien vouloir m'excuser si je ne descends pas, **ni** pour le déjeuner ni pour le dîner.

→Ialao tsiny any aminy aho raha toa ka tsy midina, **na** amin'ny sakafotsa antoandro izany **na** amin'ny sakafotsa hariva.

- Je suis seul, je n'ai **ni** parents **ni** vrais amis.

→Irery aho, sady tsy manana **na** havana **na** tena namana.

- Vous savez que notre ami n'arrive jamais **ni** trop tôt **ni** trop tard.

→Fantatrareo fa iny namantsika iny tsy mba tonga aloha **na** tonga tara na oviana na oviana.

❖ Conjonction de coordination: « car »

Inexistant

CONJONCTIONS DE SUBORDINATIONS

❖ Subordination complétive

- on savait seulement **qu'il** était beau et très poli.

→Fantatra fotsiny **fa** bikàna sy fatra-panaja izy.

- Je dois vous dire **que** j'ai déjà fait beaucoup de métiers.

→Tsy maintsy haborako aminao **fa** efa nanao karazana asa maro aho.

- J'étais sans travail quand j'ai appris **que** vous étiez l'homme le plus tranquille de la ville et je suis venu chez vous.

→Tsy an'asa iny indrindra aho no naheno fa ianao no olona farany izay milamim-piaina eto an-tanàna koa tonga eto aminao aho.

- J'espère au contraire **que** nous prendrons facilement le voleur.

→Manantena kosa aho fa ho tratranay mora foana ilay mpangalatra.

- Voici le compte **que** vous pouvez lire dans le journal Morning Chronicle.

→Inty ny fitantarana azy azonareo vakina ao amin'ny gazety Morning Chronicle.

- Sachez **que** c'est vous qui paierez.

→Fantaro **fa** ianareo no hianto-bola.

- Vous savez bien **que**, pour faire ce voyage en si peu de temps, il faudra sauter du bateau dans le train et du train dans le bateau.

→Fantatrareo tsara **fa**, raha hanao izany anatin'ny fotoana ambivitra kely, dia tsy maintsy mitsambikina avy an-tsambo mihazo lamasinina, ary avy an-damasinina miantsambo.

- Il a très rapidement compté dans sa tête **que** ce voyage autour du monde lui coûtera sans doute près de 20 000 livres sterling.

→Voakajiny haingana ao an-tsainy fa tsy maintsy handaniany vola 20 000 livres sterling eo ho eo ity dia mihodidina ny tany ity.

- Ils savent **que** leur ami va jouer un jeu très difficile.

Fantatr'izy ireo **fa** hisedra lalao sarotra ity namany.

- Les gens avaient cru d'abord **que** c'était un homme courageux

→Tam-boalohany, nino ny olona **fa** lehilahy be herim-po ileio.

- Ils pensent maintenant **que** c'est seulement un voleur qui essaie de se sauver.

→Heveriny kosa ankehitriny **fa** mpangalatra tsotra manao izay hitsoahany fotsiny izy io.

- Je crois **que** c'est le voleur que nous cherchons.

→Mino aho **fa** io ilay mpangalatra karohintsika.

- Je veux **qu'on** sache que je suis passé à Suez aujourd'hui 9 octobre à onze heures.

→Tiako ho fantatry ny olona **fa** nandalo teto Suez aho androany 9 oktobra tamin'ny iraika ambin'ny folo ora.

- Il ne s'intéresse pas non plus à la côte et aux villes **qu'on** voit loin.

→Tsy mahaliana azy koa ny moron-tsiraka sy ireo tanàn-dehibe **tazana** lavitra.

- Phileas Fogg avait compté **qu'il** devait arriver seulement le 22, il a donc deux jours d'avance.

→Niteta **ny** ho tonga ny 22 Rafitia Rainizavona, noho izany dia manana tombon'andro roa andro mialoha ny vinavina izy.

- Il ne sait pas encore **que** Phileas Fogg va repartir tout de suite.

→Tsy mbola fantany **fa** hiainga izao dia izao indray Rafitia Rainizavona.

- Passepartout, lui aussi, croyait d'abord **que** son maître voulait se reposer et visiter un peu la ville.

→Bekarataka, izy koa aloha nihevitra **fa** mba haka aina, taorian'ny harerahana vokatry ny dia ny tompony ka mba hitsidika kely ny tanàna.

- Il comprend alors **que** ce voyage est tout à fait sérieux et qu'il ne faut pas perdre une seule minute.

→Tonga saina izy, noho izany, **fa** hay tena matotra ity dia ity ka tsy mahazo manary na dia iray minitra aza.

- Il a surtout envie d'entrer dans une pagode qu'il voit près de là. Mais il ne sait pas **qu'on** doit enlever ses chaussures devant la porte.

→Maniry indrindra izy hiditra anaty tempoly iray hitany akaiky eo. Tsy fantany anefa **fa** tokony hoesorina ny kiraron'ny tena eo an-tokonam-baravarana.

- Je veux dire **que** le train ne continue pas.

→Te hilaza aho **fa** tsy manohy ny dia ilay lamasinina.

- J'ai lu dans les journaux que les travaux étaient finis.

→Novakiko tao anaty gazety **fa** efa tapitra ny asa.

- Il faut **que** vous trouviez vous-même un moyen pour aller jusqu'à l'autre village où vous reprendrez le chemin de fer.

→**Tsy maintsy** ianareo ihany no mitady izay fomba hahatongavanareo any amin'ilay tanàna hafa handraisanareo ny fiaran-dalamby.

- On voit bien **qu'il** a envie de faire une bonne affaire.

→Hita tsara **fa** te handraiki-barotra avo lenta izy.

- Les gens du village ont compris **que** Phileas Fogg est très riche et qu'ils peuvent tirer de lui beaucoup d'argent.

→Takatry ny olona ao an-tanàna **fa** manankarem-be Rafitia Rainizavona ka ho hainy atao ny manararaotra hahazoany volabe aminy.

- On comprend donc **qu'une** femme préfererait être brûlée tout de suite.

→Azo an-tsaina araka izany, **fa** aleom-behivavy dorana velona eo no ho eo.

- Phileas Fogg pense maintenant **qu'il** ne réussirera pas à la sauver.

→Tsapan-dRafitia Rainizavona **fa** tsy hahavotra azy izy.

- Passepartout pense alors **que** son maître est vraiment le meilleur homme du monde.

→Mihevitra àry i Bekarataka **fa** ny tompony no olona tsara indrindra eto ambonin'ny tany.

- Il y a vingt-trois jours **que** nos voyageurs ont quitté Londres.

→Efa telo amby roapolo andro izay **no nandaozan'**ireto mpandeha an'i Londres.

- Là ils comprennent **qu'ils** vont être jugés le matin même.

→Eo izy ireo no mahalala **fa** hotsaraina izao maraina izao ihany.

- Je ne crois pas **qu'ils** aient osé le faire.

→Tsy mino aho **hoe** sahiny ny manao izany.

- Mais j'attends **que** ces trois hommes disent aussi ce qu'ils voulaient faire dans la forêt.

→Fa mba andrasako koa ny **hilazan'**ireto olona telo ireto ny zavatra nokasainy hatao tany anaty ala.

- **Il faut qu'ils** racontent comment ils voulaient brûler la pauvre Mrs Aouda.

→**Tsy maintsy** tantarainy ny fomba saika handorany an'ilay Rtoa Aouda mahonena.

- On comprend **que** Phileas Fogg et Passepartout restent muets pendant quelques temps.

→Azo an-tsaina **ny** antony nahasina an'i Bekarataka sy Rafitia Rainizavona mandritra ny fotoana fohy.

- Il pense **qu'il** lui reste une dernière chance.

→Mihevitra izy **fa** mbola hanam-bitana farany.

- Est-ce-qu'il sait **que** son maître est un voleur ?

→Moa fantany **fa** mpangalatra ny tompony?

- Fix croit plutôt **qu'il** ne sait rien.

→Mirona hihevitra i Lemadity **fa** tsy mahalala na inona na inona ilay io.

- Il pense **que** ce sont des mensonges.

→Mihevitra izy **fa** lainga daholo izany.

- Vous croyez sans doute, vous aussi, **que** mon maître est fou ?

→Ianao koa angamba mino fa adala ny tompoko.

- Je crois même **que** c'est un homme très adroit.

→Mino aza aho **fa** olona tena kinga saina izy iny.

- Ils croient **qu'il** voudrait les tromper.

→Inoany **fa** te hamitaka azy ireo izy.

- Vous comprenez **que** ce n'est pas moi qui paie mon voyage.

→Fantatrao **fa** tsy izaho no miantoka ny diako.

- Il faudra **que** je lui parle une autre fois.

→**Tsy maintsy** miresaka aminy aho amin'ny manaraka.

- Je croyais qu'il devait partir hier.

→Ataoko fa tokony ho lasa omaly izy.

- Je suis sûr **que** vous avez décidé de venir avec nous jusqu'en Amérique.

→Azoko antoka **fa** nanapa-kevitra hiaraka aminay hatrany Amérique ianao.

- Il faut à tout prix **qu'il** trouve quelque chose pendant les trois ou quatre heures qui lui restent.

→**Tsy maintsy** mahita zavatra izy ao anatin'ny ora telo na efatra sisa.

- Il y a longtemps **que** j'ai compris.

→Efa ela aho no **tonga** saina.

- Je dois même vous dire **que** vous ne faites pas un joli métier.

→**Tsy maintsy** aborako aminao anefa fa tsy tsara ity asa ataonao.

- On voit bien **que** vous ne connaissez pas les chiffres.

→Hita mihitsy **fa** tsy hainao akory ny isam-bola.

- J'espère **que** maintenant vous allez m'aider.

→Antenaiko izao **fa** hanampy ahy ianao.

- Ils remarquent bien **que** Passepartout n'est pas rentré.

→Tsikaritr'izy ireo **fa** tsy mbola tafaverina i Bekarataka.

- Il faut **que** je sois le 14 novembre à Yokohama pour prendre le bateau de San Francisco.

→**Tsy maintsy** efa any Yokohama aho ny 14 novambra mba handray ny sambo ho any San Francisco.

- Mais savez-vous **que** son port de départ, c'est Changhaï ?

→Fa fantatrao ve **fa** Changahaï no seranam-piaingany?

- Il sait bien **que** sa colère ne sert à rien.

→Fantany tsara anefa **fa** tsy hahavita na inona na inona ny hatezerany.

- D'abord il faut **que** je m'occupe d'un pauvre garçon.

→**Tsy maintsy** mikarakara ny amin'izay ankizilahy mahonena izay aloha aho.

- Le patron pense **qu'il** va y avoir un très gros orage.
→Mihevitra ilay tompon-tsambo **fa** hisy oram-batravatra.
- Vingt fois, on pense **que** les montagnes d'eau qui se lèvent vont écraser le petit bateau.
→Indroampolokely **no** ahina hamotika ilay sambo kely ireo onja misondrotra toa tendrombohitra.
- On croit tout le temps **qu'elle** va démolir le bateau en mille morceaux.
→Heverina foana **fa** hitresaka tanteraka ilay sambo ka ho potipotika arivoarivo.
- Je crois **qu'il** va falloir aller plus près de la côte.
→Ataoko **fa** mety ny mandeha manakaiky kokoa ny moron-tsiraka.
- Il semble malheureusement **que** le vent soit fatigué.
→Indrisy anefa **fa** toa vizana ilay rivotra.
- Il faut **que** les marins du Général Grant remarquent le Tankadère et comprennent qu'ils doivent venir en aide.
→**Tsy maintsy** hatao tsikaritr'ireo tantsambon'ny Jeneraly Grant ny fisian'ilay Tankadera ka hahafantarany fa tokony ho tonga hamonjy azy izy.
- Ils ont vu **que** c'était un étranger.
→Hitan'izy ireo **fa** vahiny izy io.
- Je crois **que** j'ai bu ou que j'ai mangé quelque chose de mauvais.
→Ataoko **fa** nisotro be loatra aho na nihinana zavatra ratsy.
- J'espère bien **que** nous ne le verrons plus.
→Antenaiko **fa** tsy ho hitanay intsony izy iny.
- Il se rappelle **que** l'heure du départ du Carnatic a été changée et qu'il devait prévenir son maître.

→Tsaroany **fa** niova ny ora fiaingan'ilay Carnatic ary tokony ho nampandre ny tompony izy.

- Il a bien peur **qu'au** Japon il n'y ait plus pour lui ni bon repas ni bon sommeil.

→Matahotra izy **fa** rehefa any Japon dia tsy hisy intsony na sakafotsara na torimaso tsara ho azy.

- Vous avez enfin compris que vous aviez tort.

→Azonao amin'izay izany nony farany fa diso ianao.

- Je crois toujours **que** c'est un voleur.

→Mbola mino foana aho **fa** mpangalatra iny.

- Votre maître dit **qu'il** veut rentrer en Angleterre.

→Milaza **fa** hody any Angleterre ny mpampiasa anao.

- Vous comprenez **que** je suis aussi pressé que lui.

→Mazava aminao fa mba dodona toa azy koa aho.

- On m'a souvent dit **que** les Peaux Rouges arrêtaient les trains.

→Voalaza tamiko matetika mantsy **fa** misakana lamasinina ireo Peaux Rouges.

- Je ne pense pas que ce soit utile.

→Tsy neveriko fa ilaina izany.

- Il raconte **que** ses affaires l'obligent à revenir en Europe.

→Tantarainy **fa** manery azy hiverina any Erôpa ny asany.

- Fogg répond que cela lui fera aussi un très grand plaisir.

→Mamaly Rainizavona fa hahafaly be azy koa izany.

❖ Subordination relative: « qui »

- Il n'avait ni femme ni enfants, ce **qui** peut arriver à des personnes très bien, il n'avait ni parents ni amis, ce qui est plus rare en vérité.

→Tsy nanam-bady, tsy nanan-janaka izy, **fahita** amin'ireo olona tena miadana ihany izany, sady tsy nanana havana na sakaiza izy, nahalam-pisy kosa **izany** raha ny marina.

- Ce réveil est une très belle machine **qui** donne les heures, les minutes et les jours de l'année.

→Ity famohamandry ity dia milina kely tena raitra **afaka** manome ny ora, ny minitra ary ny andro rehetra ao anatin'ny taona.

- C'est le nouvel employé **qui** arrive enfin.

→Ilay mpiasa vaovao no inty **tonga** nony farany.

- Sur la cheminée il y a un réveil électronique **qui** ressemble à celui que Phileas Fogg regardait tout à l'heure.

→Eo ambony fatan-dririnina, misy famohamandry mandeha milina **mitovy** amin'ilay vao nojeren-dRafitia Rainizavona teo.

- Phileas Fogg, **qui** ne se dépêche jamais et **qui** est toujours prêt, a décidé de prendre à huit heures quarante-cinq le train de Londres à Douvres.

→Nanapa-kevitra ny handray ny lamasinina amin'ny valo ora sy dimy amby efapolo ao Londres ho any Douvres Rafitia Rainizavona, **ilay** tsy mba rototra mihitsy nefà vonona lalandava.

- Passepartout et son maître montent alors dans une voiture **qui** les conduit vite à la gare de Charing-Cross.

→Miakatra anaty fiara **hitondra** azy ireo ho any amin'ny garan'i Charing-Cross àry i Bekarataka sy ny tompony.

- Phileas Fogg aperçoit les messieurs du Reform Club, **qui** sont venus pour lui dire au revoir.

→ Tazan-dRafitia Rainizavona ireo lehiben'ny Reform Club **tonga** mba hanome veloma azy.

- Passepartout, **qui** ne comprend pas encore très bien, serre sur lui le sac plein d'argent.

→ Mamihina mafy eo an-tratrany ilay kitapo feno vola be ity i Bekarataka, mbola tsy **tonga** saina ihany.

- On ne peut pas compter non plus sur l'arrivée à l'heure juste des bateaux **qui** sont souvent le jouet de coups de vent.

→ Tsy azo antoka ihany koa ny fahatongavan-tsambofiara, amin'ny andro voatondro, **izay** mazàna lalaovin'ny tafio-drivotra.

- Ils pensent maintenant **que** cest seulement un voleur **qui** essaie de se sauver.

→ Heveriny kosa ankehitriny fa mpangalatra tsotra **manao** izay hitsoahany fotsiny izy io.

- Le mercredi 9 octobre, le Mongolia, grand bateau très rapide qui vient d'Italie, arrive à Suez.

→ Ny alarobia 9 oktobra, ilay Mongolia, sambo lehibe haingam-pandeha avy any Italie no indro tonga eto Suez.

- Il regarde avec attention les voyageurs **qui** descendant du bateau.

→ Mandinika tsara ireo mpandeha **midina** ny sambo izy.

- Il est comme ces Anglais **qui** envoient leurs serviteurs visiter les pays qu'ils traversent.

→ Toa ireny Anglisy **mandefa** ny mpanompony hizaha ny tany andalovany izy.

- Ils ne se préoccupent pas du tout des changements du vent **qui** peuvent retarder la marche du bateau, ni du mouvement des vagues **qui** peuvent causer des accidents.

→ Tsy miarahaba velively izay fiovaovan'ny rivotra, **mety** mahatara ny fandehan'ny sambo izy ireo, na ny fisamboaravoaran'ny onja **mety** hitera-doza.

- Pendant qu'il regarde avec attention toutes les belles sculptures **qui** sont à l'intérieur, trois prêtres en colère le prennent par les épaules, le jettent à terre, le frappent et essaient de tirer ses chaussures et ses chaussettes.

→Raha iny mandinika tsara ireo sary sikotra rehetra mahafinaritra **tao** an-trano iny izy, dia indreto pretra telo misafoaka, mandramby azy amin'ny sorony ka mandavo azy amin'ny tany, mikapoka azy ary miezaka misintona ny kirarony sy ny ban-kirarony.

- Il faut chercher encore, répond Passepartout **qui** a bien peur d'être obligé de marcher pendant deux jours sans chaussures.

→Tsy maintsy mikaroka ihany aloha, hoy i Bekarataka, **matahotra** mafy ny ho voatery hamindra mandritra ny roa andro tsy mikiraro.

- L'Hindou **qui** le conduit écoute avec attention.

→Manongilan-tsofina ilay karana **mibaiko** azy.

- Puis quelques prêtres couverts de riches manteaux poussaient une femme **qui** n'a Presque pas de force de marcher.

→Dia indreo pretra vitsivitsy misalotra akanjo sarobidy manesy vehivavy iray **efa mila** tsy hanan-kery hamindra intsony.

- Quelquefois même, des femmes **qui** aiment beaucoup leur mari veulent vraiment mourir avec lui.

→Indraindray misy vehivavy tena **tia** ny vadiny ka maniry marina hiara-maty aminy.

- On oblige toujours les femmes **qui** vont mourir à fumer beaucoup d'opium.

→Terena hatrany ireo vehivavy **hovonoina** hifòka zava-mahadomelina.

- Dans une pagode qui est près d'ici.

→Ao anaty tempoly **akaiky** eto.

- L'Hindou **qui** conduit l'éléphant attendra la nuit et amena la bête près de la pagode quand le ciel sera bien noir.

→**Mitarika** ilay elefanta hiandry ny alina sy hitondra azy akaikin'ny tempoly ilay karana.

- Passepartout et son maître suivent de loin les gens **qui** portent le mort.

→Manaraka ety lavidavitra ireo olona **mitondra** ny maty i Bekarataka sy ny tompony.

- Elle marchait comme une personne **qui** a trop bu.

→Mamindra toa ny olona **nisotro** tafahoatra izy.

- Il suit quand même les gens **qui** avancent en chantant vers l'endroit où le grand feu de la mort est préparé.

→Notanarahiny ihany anefa ireto olona **mandroso** sady mihira mankamin'ilay toerana efa nanomanana an'ilay afo ben'ny fahafatesana.

- J'ai encore un bon oncle **qui** habite à Hong-Kong, mais c'est trop loin.

→Manana dadatoa mipetraka any Hong-Kong ihany aho, nef a lavitra loatra.

- On les fait monter tous les trois dans une voiture **qui** les conduit au poste de police.

→Ampidirina ao anaty fiara **hitondra** azy ho any amin'ny biraon'ny pôlisy izy telo mianadahy.

- Pour aller de Calcutta jusqu'à Hong-Kong ils prennent un bateau, le Rangoon, **qui** n'est pas confortable.

→Raha avy eo Calcutta ho any Hong-Kong, dia mandeha sambo antsoina hoe Le Rangoon, **izay** tsy dia tsara loatra.

- Un soir, Passepartout, qui est en train de dîner, remarque un homme qu'il a déjà vu pendant le voyage.

→Indray takariva, teo **am-pisakafoanana**, dia mahatsikaritra lehilahy iray efa hitany nandritra ny dia i Bekarataka.

- Cette personne, c'est Fix, **qui** n'a pas perdu courage et qui, en sortant du tribunal, a couru acheter un billet de bateau pour continuer à suivre Phileas Fogg.

→I Lemadity io olona io, tsy **kivy** fa rehefa nivoaka ny fitsarana dia nividys bien-tsambo, hanohy manara-dia an-dRaftitia Rainizavona.

- Comment ça ? demande Fix qui veut paraître étonné.

→Ahoana izany? hoy i Lemadity manontany **te hiseho** ho gaga.

- Vraiment ce monsieur Fix a l'air drôle avec ce sourire de quelqu'un **qui** sait beaucoup de choses.

→Marina raha tsy hafahafa ity Atoa Lemadity ity amin'izato fitsikin'olona **mahalala** zavatra maro.

- Ce n'est pas moi **qui** paie mon voyage.

→Tsy izaho no **miantoka** ny diako.

- Il crie contre les marins **qui**, à son avis, ne travaillent pas assez.

→Miiaka an'ireo tantsambo heveriny **fa** tsy miasa tsara izy.

- Je vais prévenir mon maître **qui** en sera content.

→Handeha aho hilaza amin'ny tompoko, **fa** ho faly izy ny amin'izany.

- Je veux vous montrer un endroit **qui** vous amusera.

→Te hanoro anao toerana iray **mahafaly** anao aho.

- Votre maître est un voleur **qui** réussi à prendre 55 000 livres sterling à la banque.

→Mpangalatra ny tomponao, **efa nahavita** nangalatra vola 55 000 livres sterling tao amin'ny banky izy.

- Fix en prend une, la donne à Passepartout **qui** la porte à ses lèvres sans faire attention.

→Mandray iray amin'ireo i Lemadity, ka manolotra azy an'i Bekarataka, **izay** mampakatra azy imolony tsy mivaky loha.

- Un garçon de l'Hôtel va prévenir Mrs Aouda, **qui** est prête elle aussi.

→Iny zazalahy mpiasan'ny hotely, hampandre an-dRtoa Aouda, **izay** efa vonona koa rahateo.

- La seule personne connue c'est Fix qui est venu là pour voir comment Phileas Fogg va se débrouiller.

→Ny hany olona fantatra eo dia i Lemadity, **tonga** mba hizaha izay ala olana hataondRafitia Rainizavona.

- Il y a peut-être un moyen **qui** va vous arranger.

→Mety misy fomba angamba ho **mety** aminao.

- Vingt fois, on pense que les montagnes d'eau **qui** se lèvent vont écraser le petit bateau.

→Indroapolokely no ahina hamotika ilay sambo kely ireo onja **misondrotra** avo toa tendrombohitra.

- C'est le Général Grant **qui** est déjà sorti du port.

→Ny jeneraly Grant io efa **tafavoaka** ny seranana io.

- Le matin du 8, les marins pouvaient voir sur le bateau un voyageur **qui** marchait encore difficilement, comme un homme mal réveillé.

→Ny marain'ny 8, dia nahatazana mpandeha iray mbola **mitsirepirepy** famindra ireo tantsambo toa ny olona tapa-tory.

- Les agents de police **qui** passaient l'ont ramassé.

→Nisy pôlisy **sendra nandalo** nandraoka azy teo.

- Les marins **qui** ont l'habitude de ces sortes de choses, ont installé Passepartout dans sa cabine.

→Mametraka an'i Bekarataka ao an'efi-tsambony ireo tantsambo **efa zatra** tranganjavatra toa izao.

- C'est une histoire **qui** ne tient pas debout.

→Tsy **mitombina** izany.

- Il se met à courir comme un fou derrière un homme **qui** passe.
→Lasa mirifatra toa adala manenjika olona iray **mandalo** izy.
 - Passepartout a reconnu son ennemi Fix au milieu des gens **qui** vont et viennent sur le quai.
→Fantatr'i Bekarataka tao anatin'ny maro **mifamezivezy** eo amin'ny seranan-tsambo ilay fahavalony i Lemadity.
 - Mr Fogg, Mrs Aouda et Passepartout montent alors dans une voiture **qui** les conduit à International-Hôtel.
→Miakatra anaty fiara **ho any** amin'ny International-Hôtel àry ry Rafitia Rainizavona, Rto Aouda sy i Bekarataka.
 - San Francisco est une grande ville de commerce avec de larges rues et de belles avenues **qui** se coupent comme des lignes droites.
→Efa tanàm-barotra lehibe i San Francisco ahitana lala-migodàna sy arabe tsara bika **mifanapaka** toa tsipika mahitsy.
 - Ils regardent passer des groupes d'hommes **qui** portent de longs et larges drapeaux.
→Mitazana andian-dehilahy mandalo **milanja** saina lava taho sy be velarana izy ireo.
- ❖ Subordination relative: « que »
- Il a surtout envie d'entrer dans une pagode **qu'il** voit près de là. Mais il ne sait pas qu'on doit enlever ses chaussures devant la porte.
→Maniry indrindra izy hiditra ao anaty tempoly iray **hitany** akaiky eo. Tsy fantany anefa fa tokony hoesorina ny kiraron'ny tena eo an-tokonam-baravarana.
 - Mais dans cette region **que** nous traversons, on garde encore les vieilles lois.
→Fa eto amin'ity faritra **lalovantsika** ity, mbola tanana hatrany ireny fomba tranainy ireny.
 - C'est une histoire **que** tout le monde connaît dans la region.

→Tantara **fantatry** ny rehetra ao an-tanàna izany.

- Elle est bien étonnée de se trouver dans un wagon avec deux hommes **qu'elle** ne connaît pas du tout.

→Gaga mafy izy mahita ny tenany anaty vagao miaraka amina lehilahy roa tsy **fantany** mihitsy.

- Phileas Fogg veut aller tout de suite sur le bateau pour installer confortablement Mrs Aouda **qu'il** ne doit plus quitter un seul moment, dans un pays si dangereux pour elle.

→Manapa-kevitra avy hatrany ny hiakatra ao an-tsambo Rafitia Rainizavona mba hametraka tsara an-dRamatoa Aouda **izay** tsy azony ilaozana na iray minitra aza eto amin'ity tany mety hampidi-doza azy ity.

- Ces trois hommes, **que** vous voyez près de moi, sont venus pour se plaindre de vous.

→Ireo olona telo, **hitanareo** eto akaikiko, dia tonga mitaraina ny aminareo.

- Un soir, Passepartout, qui est en train de dîner, remarque un homme **qu'il** a déjà vu pendant le voyage.

→Indray takariva, teo am-pisakafoanana, dia mahatsikaritra lehilahy iray efa **hitany** nandritra ny dia i Bekarataka.

- Il pose des questions à toutes les personnes **qu'il** rencontre.

→Mametra-panontaniana amin'**izay** olona mifanena aminy izy.

- Vers midi, le bateau le Tankadère, **que** commande John Bunby, sort du port de Hong-Kong.

→Amin'ny mitataovovonana, mivoaka ny seranan'i Hong-Kong ilay Tankadera, **entin'i** John Bunsby.

- Je perds les deux cents livres **que** l'Anglais avait promis de me donner.

→Votsotra ireo roanjato livres **nampantanain'**ilay Anglisy homena ahy.

- Le pavillon de détresse est un petit drapeau **qu'**on lève quand un bateau se trouve en danger.

→Saina kely **hatsangana** rehefa misy sambo tra-doza io faneva fiantso vonjy io.

- Il questionne tous les employés **qu'**il rencontre.

→Anontaniany avokoa izay mpiasa **mifanena** aminy.

❖ Subordination relative : « où »

- Il vivait seul dans sa maison de Saville-Row où personne n'entrant.

→Nipetra-drery izy tao amin'ilay tranony ao Saville-Row tsy **nidiran'**iza na iza.

- J'ai quitté France il y a cinq ans et je suis en Angleterre **où** je voudrais avoir une vie de famille.

→Nandao an'i Lafrantsa ahoefa dimy taona izay, ary izao, eto Angletera **toerana iriko** mba hanorenan-tokantrano.

- Passepartout remarque un papier **où** son maître a écrit comment tout doit être fait chaque jour.

→Mahatsikaritra taratasy irayefa **nanoratan'**ny tompony ny fomba tsy maintsy anatanterahana ny zava-drehetra isanandro i Passepartout-Bekarataka.

- En Europe, **où** les voyages ne sont pas très longs, on peut être sûr de l'heure d'arrivée des trains, mais quand ils mettent trois jours à traverser les Etats Unis, nombreuses sont les causes de retard.

→Any Erôpa, tsy **ahitana** dia lava loatra, mba azo antoka ny fotoam-pahatongavan-damasinina, kanefa raha telo andro no hitetezana an'i Etats Unis, dia maro ireo antony mahatara.

- Pendant ce temps là, Mr Fogg est remonté dans sa cabine **où** il s'est fait servir son déjeuner.

→Mandritra izany fotoana izany, Rainizavona diaefa tafakatra indray ao an'efi-tsambony izay nanateran-tsakafo ho azy.

- Il faut que vous trouviez vous-même un moyen pour aller jusqu'à l'autre village **où** vous reprendrez le chemin de fer.

→Tsy maintsy ianareo ihany no mitady izay fomba hahatongavanareo any amin'ilay tanàna hafa **handraisanareo** ny fiaran-dalamby.

- Là, on a mis un tas très haut de branches sèches, et, au milieu, on a installé le lit **où** le corps du vieux mari est étendu sous un droit.

→Eo dia nananganana tontan-dratsakazo maina avobe, ary eo anivony, namelarana fandriana **ivalamparan'**ny vata-mangatsiakan'ilay vady anti-dahy voasaron-damba mainty.

- Mrs Aouda, très fatiguée, reste tout le temps dans sa cabine où elle se repose.

→Vizana mafy Rto Aouda ka mitoetra foana ao an'efitsambony, maka aina.

- Deux garçons le prennent alors par les pieds et par les épaules, et ils le tirent jusqu'à un des lits **où** il s'endort comme un enfant.

→ Raisin-jatovo roa lahy amin'ny tongony sy ny sorony izy ka sarihiny hatreny amin'ny fandriana **hatoriany** toa zaza.

- Quand nous passions dans des villes **où** il y avait une police anglaise, j'attendais un ordre de mes chefs, pour pouvoir prendre Mr Fogg et le mettre en prison.

→Rehefa nandalo tanàna **misy** pôlisy anglisy isika dia niandry hatrany ny didy avy amin'ireo lehibeko aho, hahafahako misambotra an'ingahy Rainizavona ka hampiditra azy an-tranomaizina.

- Il va faire signer son passeport à San Francisco comme toutes les autres villes où il est passé.

→Hampanisy sonia ny pasipaoriny ao San Francisco izy, toa izay efa nataony tamin'ireo tanàna hafa rehetra **nandalovany**.

❖ Subordination relative : « dont »

Inexistant

❖ Subordination conjonctive interrogation indirecte

Avec le subordonnant : « si »

- Il est pressé de savoir **si** on a reçu de Londres la réponse à son télégramme.
→ Dodona erÿ izy hahafantata **raha** efa voaray avy any Londres, ny valin'ny telegramany.
- Depuis quelque temps déjà il se demande s'il ne pourrait pas se servir de Passepartout.
→ Tato ho ato dia efa manontany tena sahady izy **ny amin'ny** mety hakany an'i Bekarataka hitsikombakomba aminy.
- Cet homme est peut-être envoyé par les gens du Reform Club pour voir **si** Phileas Fogg fait vraiment le tour du monde.
→ Olona nirahin'ireo olon'ny Reform Club angamba ity lehilahy ity mba hijery **raha** manao ilay dia mihodidina ny tany tokoa Rafitia Rainizavona.
- Je ne sais pas **si** ce que vous dites est vrai ou faux.
→ Tsy haiko na marina na diso izay lazainao.
- Passepartout se demande s'il doit raconter tout cela à Phileas Fogg.
→ Manontany tena i Bekarataka **raha** tokony hotantarainy amin-dRafitia Rainizavona avokoa izany rehetra izany.
- Il va donc demander à plusieurs patrons de bateaux **s'ils** ont besoin d'un employé.
→ Lasa àry izy manontany tompon-tsambo maro raha mila mpiasa izy ireo.

Avec le subordonnant : « où »

- Mr Fogg, froid comme d'habitude, demande seulement **où** la jeune femme veut aller.
→ Tsy taitra toa ny mahazatra Atoa Rainizavona, manontany fotsiny ny **toerana** tian'ilay ramatoa aleha.

- Et après Hong-Kong, c'est le Japon, l'Amérique, les pays étrangers où Fix, agent de la police anglaise, ne pourra plus rien faire.

→Ary manaraka an'i Hong-Kong dia i Japon, i Amerika, sy ireo firenena hafa, tsy **hahafahan**'ny olon'ny pôlisy anglisy manao na inona na inona.

Intérrogation indirecte avec : « pourquoi » :

- L'employé n'a jamais compris **pourquoi** ce voyageur lui avait dit cela.

→Tsy azon'ilay mpiasa mihitsy **ny antony** nilazan'ity mpandeha ity an'izany.

❖ Subordination conjonctive circonstancielle de cause : « parce que »

- Mr. Fogg a besoin de remplacer Foster, **parce que** ce garçon lui a apporté pour le raser une eau qui n'était pas assez chaude.

→Tapa-kevitra ny hanolo an'i Foster ingahy Rainizavona **satria** nitondra rano hiharatany tsy dia ampy fana ity zazalahy.

- Jean, monsieur, Jean Passepartout, ainsi nommé **parceque** je sais me débrouiller.

→Jean, Tompoko, Jean Passepartout, antsoina toy izany **satria** mahay mikarataka aho.

- Dans cette maison il n'y a pas de livres, pas de bureau, même pas de papier à lettres, **parce que** Phileas Fogg lit et écrit toujours au reform Club.

→Ato anatin'ity trano ity, tsy misy boky, tsy misy birao, na dia taratasy fanoratana aza, **satria** mamaky sy manoratra any amin'ny Reform Club foana i rainizavona.

- Elle l'était, dit Phileas Fogg; mais maintenant elle est plus petite, **parce que** nous pouvons en faire le tour beaucoup plus vite qu'il y a cent ans.

→Izany tokoa izy taloha, hoy Rafitia Rainizavona ; fa ankehitriny kely kokoa ilay izy, **satria** vitantsika ny mandeha manodidina azy haingana kokoa, noho ny tamin'ny zato taona lasa.

- Ils sont un peu gênés **parce qu'ils** savent que leur ami va jouer un jeu très difficile.

→Somary sadaikatra izy ireo **satria** fantany fa hisedra lalao sarotra ity namany.

- Il apprend que non, et cela est tout naturel **parce que** l'ordre d'arrestation est parti bien après Phileas Fogg et ne peut pas être là en même temps que lui.

→Fantany fa tsia, ary rariny izany **satria** lasa taorianaben'ny nandehanan-dRafitia Rainizavona ilay didy fampisamborana ka tsy mety ho tonga miaraka aminy eto.

- Mais il vaut mieux ne pas perdre de temps **parce que** les autres voyageurs courent déjà pour chercher des voitures et les louer.

→Kanefa aleo tsy very fotoana **satria** efa mihazakazaka sahady mitady izay voatiry hofainy ireo mpandeha.

- Mais les heures passent et ils ne pouvaient rien faire **parce qu'**aucun soldat ne s'est dormi.

→Saingy mandeha ny ora, nef a tsy mbola misy azony atao **satria** tsy misy tafatory ny miaramila.

- La famille de mon mari était bien contente **parce que**, de cette façon, elle gardait tout notre argent.

→Faly aoka izany ny fianakaviam-badiko **satria**, amin'izay, lasany avokoa ny volanay.

- Et Mr Fogg sera puni lui aussi, **parcequ'il** devait empêcher son serviteur d'entrer ainsi dans la pagode.

→Ary Atoa Rainizavona koa ho voasazy, **satria** tokony ho noraràny ny mpanompony tsy hidikidi-poana ny tempoly.

- Il se frotte les mains de plaisir ; mais trop tôt, **parce que** Phileas Fogg a tout de suite répondu.

→Mitehaka moramora amin-kafaliana izy ireo; nef a lasa aloha loatra izany, **satria** namaly avy hatrany Rafitia Rainizavona.

- Ainsi le Carnatic est encore là **parcequ'il** a fallu réparer ses machines.

→Araka izany, dia mbola ao ilay Carnatic **satria** nilaina namboarina ireo miliny.

- Après le repas, les deux voyageurs montent tout de suite, chacun dans son appartement, **parcequ'ils** doivent partir tôt le matin.

→Vita ny sakafo dia miakatra avy hatrany izy roa mpandeha, samy mamonjy ny efiranony, **satria** hiainga vao maraina koa rahampitso.

❖ Subordination conjonctive circonstancielle de condition

- Je vous donnerai 4 000 livres sterling **si** vous réussissez à faire le tour du monde en 80 jours.

→Homeko vola 4 000 livres ianao **raha** mahavita mihodidina ny tany ao anatin'ny 80 andro.

- **Si** je ne suis pas revenue; chacun de vous gagnera 4 000 livres sterling.

→**Raha** tsy tafaverina aho dia hahazo 4 000 livres sterling avy ianareo.

- **Si** je ne suis pas à Londres ce jour là, vous pourriez aller le lundi d'après à la banque pour prendre l'argent.

→**Raha** tsy eto Londres aho amin'io andro io, dia azonareo atao ny mandeha any amin'ny banky ny alatsinainy manaraka maka ny vola.

- **Si** au contraire vous réussissez, c'est nous qui vous donnerons chacun 4 000 livres sterling.

→**Raha** mahomby kosa ianao dia izahay no hanome anao 4 000 lives sterling isanisany.

- **S'il** entre à Londres le jour dit, il retrouvera justement ce qu'il aura dépensé, sans rien gagner de plus.

→**Raha** tafaverina amin'ny andro voatondro eto Londres izy, dia hamantam-bola mitovy isa amin'izay nolaniany, tsy misy tombony.

- Mais **s'il** a du retard, il perdra le double de cette somme.

→Fa **raha** diso fotoana izy dia ho very vola avo roahenin'io.

- Les signatures des polices étrangères sur mon passeport vous montreront **si** j'ai vraiment fait le tour du monde.

→Ireo sonian'ny pôlisy any an-kafa eo amin'ny pasipaoroko no hampiseho aminareo **raha** nahavita ny dia mihodidina ny tany tokoa aho.

- **Si** vous ne restez pas à Suez, vous n'êtes pas obligé de me présenter vos papiers d'identité.

→**Raha** tsy mijanona eto Suez ianareo, tsy voatery mampiseho ahy ireo karapanondronareo.

- **Si** le mort est marié, sa femme doit se jeter elle aussi dans le même feu.

→**Raha** manambady ilay maty, dia tsy maintsy mirotsaka miaraka aminy ao anatin'ilay afo koa ny vadiny.

- **Si** la femme ne voulait pas mourir avec son mari, on lui couperait les cheveux, on lui donnera à manger seulement un peu de riz, on ne la recevrait plus dans aucune maison et elle finira ses jours dans un coin comme un chien malade.

→**Raha** tsy te ho faty miaraka amin'ny vadiny ilay ramatoa, dia borîna ny volony, vary kely fotsiny no homena azy hohaniny, tsy ampandrosoina an-tranon'iza na iza ary manapitra ny fiainany an-jorom-bala toa ny alika marary.

- La loi nous permet de rester libres **si** nous vous laissons une certaine d'argent.

→Mamela anay ho afâ-mandeha ny lalàna, **raha** mametraka antontam-bola izahay.

- **Si** vous préférez, vous pouvez nous laisser 2 000 livres sterling.

→**Raha** tianao, azonareo atao ny mametraka aminay 2 000 livres sterling.

- Là encore il peut arrêter son voleur **s'il** reçoit la réponse qu'il attend de Londres.

→Ka eo dia mbola azony atao ny misambotra ilay mpangalany **raha** maharay ny valinteny andrasany avy any Londres izy.

- **Si** nous manquons à Hong-Kong le bateau qui part pour Yokohama, mon maître est perdu.

→**Raha** tsy mahatratra ny sambo mankany Yokohama ao Hong-Kong isika, dia ho very ny tompoko.

- **Si** vous venez avec nous, cela me ferait un grand plaisir.

→**Raha** miaraka aminay ianao dia tena hahafaly ahy izany.

- **Si** je réussis, on me donnera 2 000 livres sterling.

→Raha mahomby aho, dia homena 2 000 livres sterling.

- Les amis de mon maître vous donneront 2 000 livres **si** nous ne pouvons pas rentrer à Londres le jour dit.

→Hanome anao 2 000 livres ireo naman'ny tompoko **raha** tsy tafiditra an'i Londres amin'ny fotoana voatondro izahay.

- **Si** monsieur veut se promener un peu en mer, je suis sûr qu'il sera très content.

→**Raha** te hitsangantsangana kely eny an-dranomasina Ramose, dia azoko antoka fa ho tena faly izy.

- Je vous affre cent livres sterling par jour de voyage, plus deux cents livres sterling, **si** j'arrive le 14.

→Omeko vola livres sterling zato isaky ny dia indray andro ianareo, ampiana roanjato livres sterling **raha** tonga ny 14 aho.

- Nous avons donc quatre jours devant nous, **si** nous partons tout de suite.

→Manana efatra andro izany isika eo anoloantsika, **raha** mandeha izao dia izao.

- **Si** vous prenez les choses comme cela, moi je n'ai plus rien à ajouter.

→**Raha** toa izany no andraisanao ny zava-misy, dia tsy manan-kanampy na inona na inona intsony raha izaho.

- Mais **si** je vous revois encore une fois, je recommencerai.

→Fa **raha** mbola hitako indray ianao, dia hanindroa aho.

-Mais s'il dit la vérité, alors vous comprenez que je suis aussi pressé que lui.

→Fa **raha** marina ny teniny, dia mazava aminao fa mba dodona toa azy koa aho.

❖ Subordination conjonctive circonstancielle de but.

- Phileas Fogg a donné des ordres aux femmes de service **pourqu'elle** ne manque de rien et soit très bien soignée.

→Nanome baiko ireo vehivavy mpiasan'ny sambo Rafitia Rainizavona, **mba** tsy ho orin'inona na inona izy ary ho tena voakarakara tsara.

❖ Subordination conjonctive circonstancielle de temps :

Avec le subordonnant : « **quand** »

- J'étais sans travail **quand** j'ai appris que vous étiez l'homme le plus tranquille de la ville et je suis venu chez vous.

→Tsy an'asa iny indrindra aho **no naheno** fa ianao no olona farany izay milamimpaina eto an-tanàna koa tonga eto aminao aho.

- **Quand** ils s'arrêtent, une vieille femme très pauvre vient vers eux.

→**Rehefa** nijanona ny dian'izy ireo dia inty misy vaviantitra iray fadiranovana manatona azy.

- **Quand** on est en Amérique, on est presque arrivé en Europe.

→**Rehefa** tonga ao Amerika, dia toa nyefa ao Erôpa.

- Quand elle apprend cela, Mrs Aouda reste un moment sans rien dire.

→Raha nandre izany Rtoa Aouda, tsy nateny fotoana fohy.

- **Quand** la nuit vient, il retourne vers le port.

→**Rehefa** tonga ny alina, dia miverina ho an-tseranan-tsambo izy.

- **Quand** nous passions dans des villes où il avait une police anglaise, j'attendais un ordre de mes chefs, pour pouvoir prendre Mr. Fogg et le mettre en prison.

→**Rehefa** nandalo tanàna misy pôlisy anglisy isika dia niandry hatrany ny didy avy amin'ireo lehibeko aho, hahafahako misambotra an'ingahy Rainizavona ka hampiditra an-tranomaizina.

Avec le subordonnant : « **avant que** »

- Alors, **avant que** le soleil se lève, Passepartout, sans rien dire, monte sur les branches d'un arbre, et son maître ne le voit plus.

→Araka izany, **alohan'ny** hiposahan'ny masoandro, dia indro i Bekarataka, lasa tsy ankiteny miantsampy amin'ireo sampan-kazo ary tsy tazan'ny tompony intsony izy.

- En Europe, où les voyages ne sont pas très longs, on peut être sûr de l'heure d'arrivée des trains, mais **quand** ils mettent trois jours à traverser les Etats Unis, nombreuses sont les causes de retard.

→Any Erôpa, tsy ahitana dia lava loatra, mba azo antoka ny fotoam-pahatongan-damasinina, kanefa **raha** telo andro hitetezana an'i Etazonia, dia maro ireo antony mahatara.

- **Quand** les deux voyageurs sont sortis, il tourne la tête vers Fix.

→**Rehefa** nivoaka ireo mpandeha roa lahy, mitodika any amin'i Lemadity izy.

- On fait de la musique, on danse même, **quand** la mer le permet.

→Mandefa mozika, mandihy mihitsy aza, **rehefa** mamela hanao izany ny toedranomasina.

- Je suis bon **quand** j'ai le temps.

→Tsara fanahy aho **rehefa** manam-potoana.

- L'Hindou qui conduit l'éléphant attendra la nuit et amènera la bête près de la pagode **quand** le ciel sera bien noir.

→Mitarika ilay elefanta hiandry ny alina sy hitondra azy eo akaikin'ny tempoly ilay karana **rehefa** tena mainty ny lanitra.

- **Quand** ils ont vu le vrai mort à sa place, ils ont tout compris.

→**Rehefa** nahita ilay maty teo amin'ny toerany ihany izy ireo, dia fantany daholo ny zava-niseho.

- **Quand** vous voudrez, vous irez en prison, et à ce moment-là l'argent vous sera rendu.

→**Rehefa** vonona ianareo, dia haiditra am-ponja ka haverina aminareo amin'io fotoana io ny volanareo.

- **Quand** nous serons arrivés à Hong-Kong, aurons-nous le malheur de vous laisser?

→**Rehefa** ho tonga ao Hong-Kong isika, dia ho azon-doza inona izahay no handao anao?

- Il quitte Hong-Kong **quand** le soleil se lève.

→Hiala eto Hong-Kong izy **rehefa** mipoka ny masoandro.

- Quand elle apprend cela, Mrs Aouda reste un moment sans rien dire.

→**Raha** nandre izany Rtoa Aouda, tsy nahateny fotoana fohy.

- **Quand** la jeune femme veut remercier Phileas Fogg, ou s'excuser de tout le mal qu'elle lui done, celui-ci répond :

→**Rehefa** te hisaotra an-dRafitia Rainizavona na hiala tsiny aminy iny noho ny fisahiranany ilay tovovavy, dia mamaly toa izao ilay io :

- **Quand** vous pourrez, vous me rendez l'argent que je vous prête aujourd'hui.

→**Rehefa** afaka ianao dia hamerina amiko ny vola ampindramiko anao anio izao.

- Dans cette région la mer est souvent mauvaise, surtout en automne, **quand** les coups de vent sont terribles.

→Ao amin'io faritra io, matetika ratsy ny ranomasina, indrindra amin'ny fararano, **rehefa** masiaka fitsioka iny ny tafio-drivotra.

- Le pavillon de détresse est un petit drapeau qu'on lève **quand** un bateau se trouve en danger.

→Saina kely atsangana **rehefa** misy sambo tra-doza io faneva fiantso vonjy io.

Avec subordonnant « **pendant que** »

- **Pendant qu'il** regarde avec attention toutes les belles sculptures qui sont à l'intérieur, trois prêtres en colère le prennent par les épaules, le jettent à terre, le frappent et essaient de tirer ses chaussures et ses chaussettes.

→**Raha iny** mandinika tsara ireo sary sikotra rehetra mahafinaritra tao an-trano iny izy, dia indreto pretra telo misafoaka, mandramby azy amin'ny sorony ka mandavo azy amin'ny tany, mikapoka azy ary miezaka misintona ny kirarony sy ny ban-kirarony.

- Le matin du 21 octobre, dans le train de Bombay à Calcutta, Passepartout dort, les pieds dans la chaude couverture de son maître, **pendant que** celui-ci parle avec son voisin.

→Ny marain'ny 21 oktobra, tao anaty lamasinina miainga teo Bombay hankany Calcutta, renoky ny tory i Bekarataka, mibonoka ao anaty lamba mafanan'ny tompony ny tongony, **mandritra** ny fotoana iresahan'ilay io amin'ny mpifanila toerana aminy.

Avec le subordonnant : « **au moment où** »

- Tous les chants s'arrêtent **au moment où** quelques hommes mettent le feu au bois.

→Mijanona ny hira rehetra **rehefa tonga ny fotoana** itsoloran-dehilahy vitsivitsy afo amin'ny kitay.

❖ Subordonnant conjonctive participiale

- Là elle passera la nuit **en attendant** d'être brûlée demain matin avec le corps de son mari.

→Mandany ny alina ao izy **miandry** ny handorana azy rahampitso maraina miaraka amin'ny vatan'ny vadiny.

- **En parlant** avec lui il espère apprendre des choses intéressantes.

→**Rehefa** miresaka aminy izy dia antenainy ny hahafantarany zavatra maro mahaliana azy.

FIZARANA MANDIKA TENY²

CONJONCTIONS DE COORDINATION

❖ Conjonction de coordination: « **et** »

- Je veux que la rencontre du matin soit jolie, que ma robe aille avec le temps **et** l'heure, et que la dernière phrase qu'on dit le soir fasse bonne « fin d'acte », « rideau ».

→Tiako hahafatifaty ny fifankahitana ny maraina, tiako hifanaraka amin'ny toetr'andro sy ny ora ny akanjoko. Tiako ho toa « faran'akta » sy « fikatonan-dridao » mendrika tsara ny teny hifandaozana ny hariva.

- **Et** j'en veux au partenaire qui gâte mes effets...

→**Ary** omeko tsiny izay miaraka amiko ka manimba ny fihetsika kendreko...

- **Et** comme je savais qu'il ne le ferait pas, je lui ai dit...

→**Ary** satria fantatro fa tsy hanao izany izy dia nolazaiko azy ny faniriako...

- Nous savions que le bonheur n'est pas fait de l'abandon de la tristesse ; nous allions fiers **et** forts, au-delà des pires détresses.

→Fantatray fa tsy fandaozana ny alahelo akory ny hasambarana ; lasa àry izahay feno fireharehan-tsaina **sy** tanjam-panahy, niampita ny fahoriana faran'izay mangidy.

- Il avait beaucoup vu mourir, **et** aidé par son éducation japonaise, il avait toujours pensé qu'il est beau de mourir de sa mort, d'une mort qui ressemble à sa vie. **Et** mourir est passivité, mais se tuer est acte.

→Betsaka izay olona hitany niala aina izay, **ary** notohanan'ny fitaizana japoney azony izy ka nino hatrany fa tsara izany hoe matin'ny fahafatesan'ny tena, dia ny fahafatesana mitovy endrika amin'ny fiainan'ny tena. **Ankoatra izany** dia zava-mihatra ny fahafatesana fa zavatra atao kosa ny famonoan-tena.

² RAJAONA (S), *Fizarana mandika teny*, Librairie Ambozontany, Fianarantsoa, 1972.

- Il ne reverrait pas May, **et** la seule douleur à laquelle il fût vulnérable était sa douleur à elle,

→Tsy hahita an'i May intsony izy, **ary** ny hany fangirifirim-panahy tsaroany mety hahazo azy dia ny fangirifirim-panahin'i May,

- Je me représentais mon père, ma mère **et** ma bonne , comme des géants très doux, témoins du premier jour du monde, immuables, éternels, unique dans leur espèce.

→Toa rapeto malemy paika izaitsizy, nanatri-maso ny niandohan'izao tontolo izao, tsy miova, misy mandrakizay, maningana amin'ny karazan'olona toa azy no niheverako ny ray aman-dreniko **sy** ilay mpiasa vavy nitaiza ahy.

- J'avais la certitude qu'ils sauraient me garder de tout mal **et** j'éprouvais près d'eux une entière sécurité.

→Nino marina aho fa ho hain'izy ireo ny hiaro ahy amin'ny ratsy rehetra, **ary** tsaroako ho tena nandry fehizay aho teo akaikiny.

- Mille choses, à la fois familières **et** mystérieuses, occupaient mon imagination,

→Zavatra arivoarivo **sady** mahazatra no saro-pantarina mazava koa anefa no nameno ny fisainako tamin'izany,

- J'étais heureux de voir et d'entendre.

→Sambatra aho tamin'izay, sambatra nahita, sambatra nandre.

- Ma mère n'entrouvrait pas son armoire à glace sans me faire éprouver une curiosité fine **et** pleine de poésie.

→Isaky ny nanafitafy ny lalimoarany misy fitaratra i Neny, dia tsy nety fa liana te hahita zavatra izany foana aho, zavatra toa faran'izay tsara **ka** nanainga ny fanahiko.

- Elle en avait de toute sorte **et** en prodigieuse quantité.

→Nananany daholo ny karazany rehetra, **ary** igagana ny isany.

- **Et** ces boîtes, qu'il m'était interdit de toucher, m'ispiraient de profondes méditations.

→**Ary** noho izy ireo tsy navela hokasihiko, dia nahalasalasa eritreritra ahy lalina dia lalina.

- L'esprit assiégié de solitudes **et** qui sait le prix d'une minute.

→Ny saina ifantohan-java-manahirana, **ary** fantany ny vidin'ny minitra iray.

- Sa femme l'écoutait sans perdre les enfants de l'œil **et** sans s'interrompre de les éduquer.

→**Sady** mihaino azy ny vavy no tsy mijanona manara-maso ny ankizy **ary** tsy mitsahatra manorotoro ny fomba fanao.

- Je sens bien qu'il y a quelqu'un d'autre : moi... **Et** ce quelqu'un-là, il est étouffé...

→Dia tsaroako tsara misy olona hafa : ny tenako... **Ary** voageja io olona io...

- Et tous mes confrères sont comme moi...

→Ary ireo dokotera namako dia mitovy amiko daholo...

- Le matin du seize avril, le docteur Bernard Rieux sortit de son cabinet **et** buta sur un rat mort, au milieu du palier.

→Ny marainan'ny enina ambin'ny folo avril, raha ilay nivoaka ny efitra fizahany marary i Dokotera Bernard Rieux **dia** nahadaka fatim-boalavo iray, teo ampovoan'ny lalan-tsaran-tohatra.

- Sur le moment, il écarta la bête sans y prendre garde **et** descendit l'escalier.

→Teo no ho eo aloha, dia nailiny fotsiny ilay biby, tsy noheveriny akory, **ary** dia lasa izy nidina.

- Mais, arrivé dans la rue, la pensée lui vint que ce rat n'était pas à sa place **et** il retourna sur ses pas pour avertir le concierge.

→Nony teny amin'ny arabe anefa, dia tonga tao an-tsainy fa tsy tokony ho eo no hisy iny voalavo iny **ka** lasa izy niverina ilalana hilaza amin'ny mpiandry trano.

- Le docteur eut beau l'assurer qu'il en avait un sur le palier du premier étage, **et** probablement mort, la conviction de M. Michel restait entière.

→Na inona na inona anefa filazan'i Dokotera taminy fa hoe misy anankiray ao an-dalan-tsaran-toharry ny rihana voalohany **ary** angamba efa maty, dia tsy nihontsona tamin'ny heviny Rangahy.

- Le soir même, Bernard Rieux, debout dans le couloir de l'immeuble, cherchait ses clés avant de monter chez lui, lorsqu'il vit surgir, du fond obscur du corridor, un gros rat à la démarche incertaine **et** au pelage mouillé.

→Ny harivan'ny ihany, nijoro teo an-dalan-tsara iny indrindra i Bernard Rieux, mikaroka fanalahidy alohan'ny hiakarany any aminy, no indro nisy voalavo iray makadiry, hitany nifongatra avy any amin'ny vody lalatsara maizina any, mivembena fandeha, mitsiotsio volo.

- La bête s'arrêta, sembla chercher un équilibre, pris sa course vers le docteur, s'arrêta encore, tourna sur elle-même avec un petit cri **et** tomba enfin en rejetant du sang par les babines entrouvertes.

→Niahona ilay biby toa mitady hanarin-tena, dia lasa niezaka nankeny amin'i Dokotera, niahona fanindroany indray, nihodinkodina teo am-pitoerana **sady** nikiakiaka kely, **ary** farany dia nianjera **ka** namoaka rà avy ao am-bavany misongasonga.

- Le docteur la contempla un moment **et** remonter chez lui.

→Nibandrina azy kelikely teo i Dokotera **dia** lasa niakatra any aminy.

- Cet enseignement austère trouvait une âme préparée, naturellement disposée au devoir, **et** que l'exemple de mon père **et** de ma mère **joint** à la discipline puritaine à laquelle ils avaient soumis les premiers élans de mon cœur,achevait d'incliner vers ce que j'entendais appeler : la vertu.

→Sendra fanahy efa voaomana **sy** vonon-ko azy hanao izay adidy izany fampianarana mitory famolahan-tena izany, fanahy nentin'ny oha-pitondran-tena nomen'ny ray amandreniko ahy **sy** ny fitsipi-piaina henjana namehezany ny voaloham-pientanam-poko hany ka tafarona tanteraka tamin'izay reko nantsoin'ny olona hoe : hatsaram-panahy.

- Il m'était aussi naturel de me contraindre qu'à d'autres de s'abandonner, **et** cette rigueur à laquelle on m'asservissait, loin de me rebuter, me flattait.

→Nandeha ho azy ho ahy ny mamehy tena toy ny mivarilavo ho an'ny sasany, **ary** izany fitondrana henjana toa nanandevozana ahy izany, dia tsy vitan'ny hoe tsy nankaleo ahy, fa vao mainka koa aza namelom-bolo ahy.

- Je quêtais de l'avenir non tant le bonheur que l'effort infini pour l'atteindre, **et** déjà confondais bonheur et vertu.

→Ny nokatsahiko tamin'ny hoavin'ny fainako dia tsy ny fahasambarana loatra akory fa ny fihezahana tsy misy farany hahatratarana azy, **ary** tamin'izay dia efa zavatra iray ihany ho ahy ny hasambarana sy ny hatsaram-panahy.

- Je m'apparus replié, mal éclos, plein d'attente, assez peu soucieux d'autrui, médiocrement entreprenant, **et** ne rêvant d'autres victoires que celles qu'on obtient sur soi-même.

→Toa olona mikombon-tsaina no nahitako ny tenako, toa voninkazo ratsy fivelatra, toa olona miandry ny zavatra foana, tsy mieritreritra firy ny sasany, kely fahasahiana, **ary** tsy maniry ny handresy olona na zavatra hafa afa-tsy ny tenako ihany.

- On pourrait dire sans doute que ce révolté dressé contre les dieux est le modèle de l'homme contemporain **et** que cette protestation élevée, il y a des milliers d'années, dans les déserts de la Scythie, s'achève aujourd'hui dans une convulsion historique qui n'a pas son égale.

→Azo lazaina angamba fa io mpikomy nijoro hanohitra ireo andriamaniny io no sarin'ny olona amin'izao androntsika izao, **ka** ilay hiakam-panoherana nodradradrainy tany an'efitra tany Scythie taona an'arivony maro izay, dia mifarana ankehitriny eo anivom-pikorontanana tsy misy toa azy eo amin'ny tantara.

- Ce persécuté continue de l'être parmi nous **et** que nous sommes encore sourds au grand cri de la révolte humaine dont il donne le signal solitaire.

→ Izany lehilahy nenjehina fahiny izany dia mbola enjehina foana ankehitriny, eto ambany masontsika, **ka** toa tsy mbola rentsika foana ilay hiaka manakoako itarihan'izy samy irery ny fikomian'ny zanak'olombelona.

- l'homme d'aujourd'hui est en effet celui qui souffre par masses prodigieuses sur l'étroite surface de cette terre, l'homme privé de feu **et** de nourriture pour qui la liberté n'est qu'un luxe qui peut attendre ; **et** il n'est encore question pour cet homme que de souffrir un peu plus, comme il ne peut être question pour la liberté **et** ses derniers témoins de disparaître un peu plus.

→ Ny olona amin'izao fotoana izao tokoa manko dia irony karazan'olona mijaly an'andiany maro tsy hita pesipesenina eto ambonin'ity tany ety dia ety ity, karazan'olona tsy manana afo **na** hanin-kohanina, ka aminy haitraitra azo ampandeferina ny fahafahana ; **ary** ho azy ny hany azo saintsainina dia ny mbola hijalijaliany bebe kokoa ihany hatrany, toy ny amin'ny fahafahana **sy** izay tandindony sisa tavela, tsy misy zavatra hafa azo isaintsainina afa-tsy ny hoe mbola hihifoana izy ireny hatrany.

- Prométhée, lui, est ce héros qui aima assez les hommes pour leur donner en même temps le feu **et** la liberté, les techniques **et** les arts.

→ I Prométhée dia tsy iza fa ilay lehilahy be herim-po **sy** fatra-pitia ny zanak'olombelona ka hainy ny nanome azy indray miaraka ny afo **sy** ny fahafahana, ny tekinika **sy** ny zava-kanto.

- L'humanité, aujourd'hui, n'a besoin **et** ne soucie que de technique.

→ Ankehitriny kosa ny taranak'olombelona dia tsy mila **ary** tsy miahys zavatra hafa afa-tsy tekinika.

- Elle tient l'art **et** ce qu'il suppose pour un obstacle **et** un signe de servitude.

→ Heveriny ho vato misakana **sy** ho mari-panandevozana ny zava-kanto **sy** izay rehetra mifanankina aminy.

- Il pense qu'on peut libérer en même temps les corps **et** les âmes.

→Ataony fa azo afahana miaraka ny vatana **sy** ny fanahy.

- Quand on conseille aux hommes de rechercher une vie moyenne, tranquille **et** assurée, on ne leur dit pas assez qu'il leur faudra aussi beaucoup de sagesse pour la supporter.

→Rehefa manome toro hevitra ny olona iny isika hitady fiaainana antonony, milamina **sy** azo antoka, **dia** tsy voalazantsika firy aminy fa mila fahendrena lehibe koa izy hoentimizaka izany fiaainana izany.

- La nécessité étalée comme un grand pays, bien au clair, **et** hors de nous, vaut toujours mieux que cette nécessité repliée que nous sentons au creux de nous.

→Ny fahaporetana mivelatra toa tany midadasika, miharihary, **ary** avy aty ivelany dia tsara kokoa na ahoana na ahoana noho ny fahaporetana mampikainkona ao anaty ao ka heno toa mandoaka antsika.

- J'ai le même cœur qu'à vingt ans, **et** tu es sorti de moi.

→Ny foko tamin'izaho roapolو taona ihany no ahy amin'izao, **ary** tato amiko no nivoahanao.

- Et même une mère peut attirer la tête de son grand fils **et** baisser ses cheveux ; mais le père, lui, ne peut rien, hors le geste que fit le docteur Courrèges posant la main sur l'épaule de Raymond, qui tressaillit **et** se retourna.

→**Ary** na dia ny reny aza dia afaka misarika ny lohan-janany lahy lehibe **ka** manoroka ny volony ; fa ny ray kosa dia tsy afaka manao na inona na inona afa-tsy izay nataon'i Dokotera Courrèges, nametraka ny tananany teo amin'ny sorok'i Raymond izay taitra **ka** nitodika.

- Le père déroba ses yeux **et** demanda :

→Nahodin-drainy ny masonry **ary** hoy izy nanontany azy:

- Elle l'avait rencontrée jadis, comme il advient dans les villes de province, **et** plaignait la malheureuse d'être à ce point disgraciée.

→Efa nifankahita taminy ihany i Laure taloha, sahala amin'ny ifankahitan'ny olondrehetra any amin'ny tanàn-dehibe any ambany, **ary** nangoraka azy niangaran'ny vintana, amin'izato bikany diso ratsy loatra.

- Sur son visage se lisait sans mensonge les sentiments d'admiration **et** d'envie qui remuaient son cœur ;

→Indro hita taratra eo amin'ny tarehiny, tsy misy mafina, ny figagany, **sy** ny fitsiriritany an'i Laure zary nanetsika ny fony.

- Le port de la tête **et** du corps, l'ovale du visage, l'accord des cheveux **et** du teint, faisaient une réussite qu'il était impossible de ne pas reconnaître.

→Izany izy amin'izato lohany **sy** izato vatany, izato tarehiny somary boribory lavalava, izato volony mifanaraka amin'ny fihodirany, izany rehetra izany dia toa nivaingana ho karazan-javatra tonga lafatra izay tsy azo odian-tsy hita.

- Madeleine n'était jamais venue aux Trembles, **et** ce séjour un peu triste **et** fort médiocre lui plaisait pourtant.

→Tsy mbola tany Trembles hatramin'izay niainany i Madeleine, **nefa** toa nahafinaritra azy izany toerana malahelohelo **sy** tsizarizary izaitsizy izany.

- Elle m'en avait si souvent entendu parler, que mes propres souvenirs en faisaient pour elle une sorte de pays de connaissances **et** l'aidaient sans doute à s'y trouver bien.

→Matetika loatra aho no henony niresaka azy, hany ka ireo zavatra tafaraikitra tao antsaiko ka notantaraiko taminy dia nahatonga io taninay io ho toa efa fantany, **ka** nanampy azy mihitsy aza angamba ho tamana tao.

- Votre pays est soucieux, paisible **et** d'une chaleur douce.

→Feno ahiahy, mipetrapetraka, **ary** malefadefaka hafanana izany ny tany niavianaao.

- Et je m'explique maintenant beaucoup mieux certaines bizarries de votre esprit, qui sont les varies caractères de votre pays natal.

→**Ary** mazava amiko bebe kokoa ankehitriny ny antony mahahafahafa ny toe-tsaina indraindray, satria izany no tena toetran'ny tany nahalatsahan'ny tavoninao.

- Outre la volonté de l'entourer de bien-être, de distractions **et** de soins, il y avait ce secret désir d'établir entre nous mille rapports d'éducation, d'intelligence, de sensibilité, presque de naissance **et** de parenté, qui devaient rendre notre amitié plus légitime en lui donnant je ne sais combien d'années de plus en arrière.

→Na dia teo aza ny fitadiavako hanolokolo azy tao anatin'ny fiadanana **sy** ny fanarian-dia maro **ary** ny fikajikajiana isan-karazany, dia mbola nisoko mangina koa ny faniriana hampifandray amin'ny fomba maro ny fitaizana azonay, ny fomba fijerinay zavatra ary ny fihetseham-ponay **ka** hahatonga izany ho toa avy amina rà iombonana **sy** fihavanana iraisana, **sy** hampanjary ny fifankatiavanay ho ara-dalàna kokoa, fa tamin'izay dia toa nitovona, asa, **na** taona firy **na** taona firy, tany aloha tany, izany fifankatiavanay izany.

- Nous allions fiers **et** forts.

→Lasa àry izahay feno fireharehan-tsaina **sy** tanjam-panahy

- Quand je m'y suis mis quelquefois, à considérer les diverses agitations des hommes, **et** les périls **et** les peines où ils s'exposent, dans la cour, dans la guerre, d'où naissent tant de querelles, de passions, d'entreprises hardies **et** souvent mauvaises, etc..., j'ai découvert que tout le malheur des hommes vient d'une seule chose, qui est de ne savoir pas démeurer en repos, dans une chambre.

→Raha ilay rafitra mandinika iny aho indraindray, mandinika ny fihetsiketsehan'ny olona manketsy **sy** mankeroa, **ary** ny loza **sy** ny fijalijaliana itonoany tena any an-dapa **sy** any an'ady, mandidika hoe avy aiza irony ady tsy tambo isaina, irony firehadrehetam-po amin'ny ratsy, **ary** irony tetika feno hasahiana ary mazàna mamoa fady irony..., **dia** hitako fa zavatra iray ihany no iavian'ny fahorian'ny olona, **dia** izy tsy mahay mipetraka mitombin-tsaina tsara ao amin'izay efitrano misy azy.

- On n'achetera une charge à l'armée si cher que parce qu'on trouverait insuportable de ne bouger de la ville, **et** on ne recherche les conversations **et** les divertissements des jeux que parce qu'on ne peut demeurer chez soi avec plaisirs.

→Ny hany antony ividianana toerana lafo be ao amin'ny fitondran-tafika, dia satria tsy ho zaka izany hoe tsy hivoaka ny tanàna, **ary** ny hany antony itadiavana resaka **sy** fanarian-dia amin'ny loka, dia satria tsy afaka mipetraka finaritra fotsiny ao an-trano ny tena.

- Nous allons prendre un fiacre **et** là, je me serrerai contre ma mère.

→Handeha haka voatiry izahay mianaka, **ary** rehefa mby eo dia hitampify amin'i Neny aho.

- Le cheval avance lentement parce que la rue de France monte **et** dessine une large courbe.

→Mandeha miadana ny soavalysatria miakatra ny lalana Frantsa **ary** miolaka be.

- Je vais vous dire ce que je me rappelle, tous les ans, le ciel agité de l'automne, les premiers dîners à la lampe **et** les feuilles qui jaunissent dans les arbres qui frissonnent ;

→Indro ho lazako aminao izay mitamberina ato an-tsaiko, isan-taona, rehefa misamboaravoara iny ny lanitra amin'ny fararano, rehefa ireny manomboka mampirehitra jiro ireny ny hariva rehefa hisakafo, **ary** rehefa indreny mihamavo ny ravina eny amin'ny hazo toa zary mivihivihy;

- Je vais vous dire ce que je vois quand je traverse le Luxembourg dans les premiers jours d'octobre, alors qu'il est un peu triste **et** plus beau que jamais ; car c'est le temps où les feuilles tombent une à une sur les blanches épaules des statues.

→Indro holazaiko aminao izay hitako rehefa mamakivaky ny Luxembourg iny aho amin'ny voalohandoan'ny oktobra, amin'irony toa mampalahelohelo **nefa** mahatsara azy indrindra irony ; izay manko no fotoana ihintsanan'ny ravinkazo ka ianjerany tsirairay eo ambonin'ny soroka fotsin'ny sarin'ny sary mivongana.

- Ce que je vois alors dans ce jardin, c'est un petit bonhomme qui, les mains dans les poches **et** sa gibecière au dos, s'en va au collège en sautillant comme un moineau.

→Ny hitako amin'izany ao amin'io zaridaina io, dia tapak'olona iray, manao tanana am-paosy **sy** mibaby kitapo, mizotra mankany amin'ny kolejy, mitsambikimbikina toa fody kely.

- Il était bien étourdi ; mais il n'était pas méchant **et** je dois lui rendre cette justice qu'il ne m'a pas laissé un seul mauvais souvenir ;

→Lalina izy izay raha ho varimbariana ; nefo tsy naditra, **ary** tsoriko ho fiderana azy fa tsy namela fahatsiarovana ratsy ho ahy na dia iray aza izy,

- Il est bien naturel que je le voie en pensée **et** que mon esprit s'amuse à ranimer son souvenir.

→Ara-dalàna raha hitako an'eritreritra foana izy **ka** finaritra ny saiko mamoafoha ny fahatsiarovana azy.

- Pourtant il trottais, ses livres sur son dos, **et** sa toupie dans sa poche.

→Na dia izany aza anefa, maimaika ihany izy mandeha, ny bokiny amin'izay eo ambabeny, **ary** ny tandrimony ao am-paosiny.

- Il avait tant de choses à dire **et** à entendre !

→Maro izaitsizy ny zavatra tiany holazaina **na** hohenoina !

- **Et** puis, c'est si bon de retrouver des camarades !

→**Ary** ankoatra izay, dia mahafinaritra erè izany hifankahita amin'ny namana!

- Quand il s'agit d'apprendre le violon ou l'équitation, chacun comprend qu'il faut recommencer bien des fois, **et** ne jamais céder à la tentation de se croire mal doué.

→Raha hianatra hitendry lokanga na hitaingin-tsoavalys, dia iaraha-mahalala fa tsy maintsy mamerimberina imbetsaka **ka** tsy ho resin'ny fakam-panahy na oviana na oviana hihevi-tena ho tsy ampy fahaizana, satria karazam-panetren-tena faran'izay mamitaka izany.

- **Et** ce qui importe, quand l'apprenti croit qu'il manque de bonheur ou d'adresse, c'est que le maître lui rappelle et lui prouve qu'il manque seulement de courage.

→Ny tena ilaina, isaky ny mihevi-tena ho tsy ampy talenta na hakingana ilay mpiana-draharaha, dia ny hampahatsiahivan'ilay mpampianatra azy sy ny hanaporofoany aminy fa ny herim-pony fotsiny ihany no tsy ampy.

- C'est ainsi que je formerais l'enfant à chercher **et** à aimer la difficulté.

→Izany no hamolavolako ny sain'ny ankizy hitady **sy** ho tia ny zava-manahirana.

❖ La conjonction de coordination « **mais** »

- **Mais** déjà les grands froids commençaient;

→**Nefa** injany manomboka sahady ny hatsiaka be mamirifiry;

- **Mais** je ne veux surtout que l'on sache que ce ne fut ni désespoir ni par prudence timorée, **mais** bien par une volonté de folie, car nous pouvions encore, rompant la glace, fuir l'hiver et partir vers où le soleil avait fui; mais c'eût été vers le passé.

→Tiako mihitsy **anefa** ny hahafantarana fa tsy noho izahay namoy fo akory na noho izahay toto-tahotra ka malina, **fa** noho izahay ninia nanao hadalana, satria mbola azonay atao ny namaky ny ranomandry, nandositra ny hatsiaka hitodi-doha hanara-dia ny masoandro nandositra ; ho fiverenana tany amin'ny lasa anefa izany.

- Et mourir est passivité, **mais** se tuer est acte.

→Ankoatra izay dia zava-mihatra ny fahafatesana **fa** zavatra atao **kosa** ny famonoantena.

- Mille choses, à la fois familières et mysterieuses, occupaient mon imagination, mille choses qui n'étaient rien en elles-même, **mais** faisaient partie de ma vie

→Zavatra arivoarivo sady mahazatra no saro-pantarina mazava koa anefa no nameno ny fisainako tamin'izany, zavatra arivoarivo tsinontsinona raha ny maha izy azy fotsiny, **nefa** nanana anjara teo amin'ny fiainako.

- Elle était toute petite, ma vie ; **mais** c'était une vie, c'est-à-dire le centre des choses, le milieu du monde.

→Kely dia kely izany fiainako tamin'izay ; **nefa** fiainana ihany, izany hoe laka nivondronan'ny zavatra rehetra, toa foiben'izao tontolo izao.

- Ce n'était point affectation, **mais** économie de temps chez un homme surmené.

→Tsy hoe fihetsika volena akory, hono, izany **fa** fitsitsiam-potoana ho an'ny olona matin'asa toa azy.

- **Mais** arrivé dans la rue, la pensée lui vint que ce rat n'était pas à sa place et il retourna sur ses pas pour avertir le concierge.

→Nony teny amin'ny arabe **anefa**, dia tonga tao an-tsainy fa tsy tokony ho eo no hisy iny voalavo iny ka dia lasa izy niverina ilalana hilaza amin'ny mpiandry trano.

- Sans doute, comme un enfant de quatorze ans, je restais encore indécis, disponible ; **mais** bientôt mon amour pour Alissa m'enfonça délibérément dans ce sens.

→Marina fa toy ny ankizy rehetra efatra ambin'ny folo taona dia mbola feno fisalasalana teny foana aho, tsy raikitra tamin'ny hevitra tokana ; **nefa** vetivety foana ny fitiavako an'i Alissa dia nampifantoka ahy tsy am-pisalasalana tamin'io lalam-piainana io.

- On pourrait dire sans doute que ce révolté dressé contre les dieux est le modèle de l'homme contemporain et que cette protestation élevée, il y a des milliers d'années, dans les déserts de la Scythie, s'achève aujourd'hui dans une convulsion historique qui n'a pas son égale. **Mais**, en même temps quelque chose nous dit que ce persecuté continue de l'être parmi nous.

→Azo lazaina angamba fa io mpikomy nijoro hanohitra ireo andriamaniny io no sarin'ny olona amin'izao androntsika izao, ka ilay hiakam-panoherana nodradradradrainy tany an'efitra tany Scythie taona an'arivony maro izay, dia mifarana ankehitriny eo anivom-pikorontanana tsy misy toa azy eo amin'ny tantara. Toa misy ihany koa **anefa** antonanton-javatra milaza amintsika fa izany lehilahy nenjehina fahiny izany dia mbola enjehina foana ankehitriny, eto ambany masontsika.

- L'ambitieux court toujours après quelque chose où il croit qu'il trouvera un bonheur rare ; **mais** son principal bonheur, c'est d'être bien occupé ;

→Misy zavatra enjehin'ny tia voninahitra foana, dia izay heveriny hahitana fahasambarana vitsy mpanana : ny fahasambarany lehibe indrindra **anefa**, dia izy be herehina ;

- Et même une mère peut attirer la tête de son grand fils et baisser ses cheveux ; **mais** le père, lui, ne peut rien, hors le geste que fit le docteur Courrèges posant la main sur l'épaule de Raymond, qui tressaillit et se retourna.

→Ary na dia ny reny aza dia afaka misarika ny lohan-janany lahy lehibe ka manoroka ny volony ; **fa** ny ray kosa dia tsy afaka manao na inona na inona afa-tsy izay nataon'i Dokotera Courrèges, nametraka ny tananany teo amin'ny sorok'i Raymond izay taitra ka nitodika.

- Laure n'était plus alors une très jeune fille, **mais** une femme accomplie.

→Tsy tovovavy kely intsony i Laure tamin'izay, **fa** efa tena vehivavy lehibe.

- Elle n'avait plus ce charme un peu vert qui paraît de graces acides de l'adolescente de Barterand, **mais** elle possédait la force de séduction qui est propre à la femme aux approches de la trentaine.

→Tsy teo intsony ilay fihetsika mahafatifaty toa soamaravo mandravaka ho toa voankazo marikivikivy tamin'izy mbola tovovavy tany Barterand, **nefa** teo **kosa** ilay hahasoa mahababo ananan'ny vehivavy manokana raha handray ny fahatelopo taona iny izy.

- Elle était habillée pauvrement, ce que Mathilde nota d'un regard cruel, **mais** il n'y paraissait guère, tant le moindre vêtement se transformait sur elle, empruntait à sa grâce d'autres vertus.

→Tsy zarizary ny fitafin'i Laure, ary fijery tsy misy antra no nentin'i Mathilde nanamarika izany ; tsy hita firy **anefa** izany toetran'akanjony izany, satria niova endrika daholo rehefa akanjo teny aminy na dia izay tapany kely indrindra aza, fa toa nahazo hatsarana hafa avy amin'ny hasoan'ny bikany.

- **Mais** quand j'ai pensé de plus près, et qu'après avoir trouvé la cause de tous nos malheurs, j'ai voulu en découvrir la raison, j'ai trouvé qu'il y en a un bien effectif, qui

consiste dans le malheur naturel de notre condition faible et mortelle, et si misérable, que rien ne peut nous consoler, lorsque nous y pensons de près.

→**Nefà** nony nandinika akaiky kokoa aho, ary nony hitako ny antony mahatonga ny fahoriana rehetra manjo antsika, ka niezahako ny hahatsapa ny fototra ipoiran'izany toe-javatra izany, dia hitako fa misy iray tsy azo lavina, dia ny fahoriana raiki-tampisaka amin'ny toetra mahaolona antsika, toetra osa sy mety maty ary tena mahonena ka tsy misy na inona na inona afaka hanala alahelo antsika rehefa mandinika azy akaiky iny isika.

- Je ne vois pas l'homme à qui elle s'adresse **mais** j'entends et je me serre contre elle.

→Tsy hitako ilay olona iresahany, **nefa** henoko ny resany ka indro aho misisika mankeo amin'i Neny.

- Je ne me rappelle plus si je me rapproche de son corps, **mais** je me souviens aujourd'hui encore du saut de mon sang vers elle, comme vers le seul havre, la seule sécurité du monde.

→Tsy tadiriko intsony na nanakaiky azy marina aho na tsia, **fa** mbola tsaroako ankehitriny foana ny fiontan'ny ràko niantsampy teny aminy, sahala amin'izy irery iny no hany tanjona hiaferana, hany toerana azo antoka eto an-tany.

- **Mais** il y a une pieuvre dans mon corps.

→ **Nefà** sahala amin'ny misy horita izany ao anatiko ao.

- Je vais accomplir “mon temps” du côté paternel, pas chez son père, **mais** chez son frère et sa belle-sœur.

→Handeha hanefa ny « fe-potoanako » any amin-dry dada aho, tsy tena any aminy **anefà**, fa any amin'ny rahalahiny sy ny zaobaviny.

- Vraiment, il m'intéresse, ce petit: quand il existait, je ne me souciais guère de lui ; **mais**, maintenant qu'il n'est plus, je l'aime bien.

→Tsy azo lavina, manintona ahy izy iny, iny tapak'olona iny : fony izy mbola teo, dia tsy norarahaiko firy ; **fa** izao izy efa tsy eo intsony izao vao tiako aoka izany.

- Il était bien étourdi ; **mais** il n'était pas méchant et je dois lui rendre cette justice qu'il ne m'a pas laissé un seul mauvais souvenir ;

→Lalina izy izay raha ho varimbariana ; **nefa** tsy naditra, ary tsoriko ho fiderana azy fa tsy namela fahatsiarovana ratsy ho ahy na dia iray aza izy,

❖ Conjonction de coordination : ou

- Je le plains dès que l'âge **ou** la maladie le toucheront un peu ; car il pensera trop à lui-même ;

→Mampalahelo ahy satria raha vao tonga ny fahalehibeazana **sy** ny aretina hikasika azy dia hieritreritra be loatra ny tenany izy ;

- Après ce jour de fièvre, il aurait aimé se confier, **ou** plutôt s'attendrir ;

→Taorian'io andro nampihotakotaka azy io, dia ho finaritra hono izy raha afaka namboraka ny tao am-pony **na** hoe angaha afaka namela ny fihetseham-pony handeha ho azy.

- J'ai quatre **ou** cinq ans.

→Efatra **na** dimy taona aho tamin'izay.

- Quand il s'agit d'apprendre le violon **ou** l'équitation, chacun comprend qu'il faut recommencer bien des fois, et ne jamais céder à la tentation de se croire mal doué.

→Raha hianatra hitendry lokanga **na** hitaingin-tsoavalys, dia iaraha-mahalala fa tsy maintsy mamerimberina imbetsaka ka tsy ho resin'ny fakam-panahy na oviana na oviana hihevi-tena ho tsy ampy fahaizana, satria karazam-panetren-tena faran'izay mamitaka izany.

- Et ce qui importe, quand l'apprenti croit qu'il manque de bonheur **ou** d'adresse, c'est que le maître lui rappelle et lui prouve qu'il manque seulement de courage.

→Ny tena ilaina, isaky ny mihevi-tena ho tsy ampy talenta **na** hakingana ilay mpiana-draharaha, dia ny hampahatsiahivan'ilay mpampianatra azy sy ny hanaporofoany aminy fa ny herim-pony fotsiny ihany no tsy ampy.

❖ Conjonction de coordination : « **or** »

- **Or** le courage de ceux qui apprennent ces choses devrait faire rougir ceux qui manquent de patience dans l'apprentissage qu'ils ont choisi.

→Ny herim-pon'ireny olona mianatra ireny zavatra ireny dia tokony hahamenatra ireo tsy ampy faharetana eo am-pianarana ny zavatranofidiny.

❖ Conjonction de coordination : « **ni** »

- Mais je ne veux surtout que l'on sache que ce ne fut **ni** désespoir **ni** par prudence timorée, mais bien par une volonté de folie, car nous pouvions encore, rompant la glace, fuir l'hiver et partir vers où le soleil avait fui; mais c'eût été vers le passé.

→Tiako mihitsy anefa ny hahafantarana fa **tsy** noho izahay namoy fo akory **na** noho izahay toto-tahotra ka malina, fa noho izahay ninia nanao hadalana, satria mbola azonay atao ny namaky ny ranomandry, nandositra ny hatsiaka hitodi-doha hanara-dia ny masoandro nandositra ; ho fiverenana tany amin'ny lasa anefa izany.

- Réfléchir, ça **n'est** pas penser à mes malades, **ni** même à la médecine

→Ieritreretana, **tsy** hoe iheverana ny marary tsaboiko, **na** izay momba ny fitsaboana.

- Je plains, disait quelqu'un, un homme qui vit seul, qui n'a pas de besoins **ni** d'inquiétudes que ses ressources ne puissent calmer.

→Mampalahelo ahy, hoy ilay olona anankiray izay, ny olona mitoetra irery, tsy manam-pahaporetana **na** ahiahysy voasoroky ny hareny.

❖ Conjonction de coordination : « **car** »

- Mais je ne veux surtout que l'on sache que ce ne fut ni désespoir ni par prudence timorée, mais bien par une volonté de folie, **car** nous pouvions encore, rompant la glace, fuir l'hiver et partir vers où le soleil avait fui; mais c'eût été vers le passé.

→Tiako mihitsy anefa ny hahafantarana fa **tsy** noho izahay namoy fo akory **na** noho izahay toto-tahotra ka malina, fa noho izahay ninia nanao hadalana, **satria** mbola

azonay atao ny namaky ny ranomandry, nandositra ny hatsiaka hitodi-doha hanara-dia ny masoandro nandositra ; ho fiverenana tany amin'ny lasa anefa izany.

- Tous les hommes occupés, peut-être, sont comme moi...les meilleurs, justement... **car** ce sont toujours les meilleurs qui font le sacrifice d'eux-même.

→Ny olona rehetra raikitra amin'ny asany, angamba, dia sahala amiko daholo... indrindra ny olona tena tsara... **satria** ny olona tena tsara ihany no mahafoy tena foana hatrany.

- Je le plains dès que l'âge ou la maladie le toucheront un peu ; **car** il pensera trop à lui-même ;

→Mampalahelo ahy **satria** raha vao tongany fahalehibeazana sy ny aretina hikasika azy dia hieritreritra be loatra ny tenany izy ;

- Je vais vous dire ce que je vois quand je traverse le Luxembourg dans les premiers jours d'octobre, alors qu'il est un peu triste et plus beau que jamais ; **car** c'est le temps où les feuilles tombent une à une sur les blanches épaules des statues.

→Indro holazaiko aminao izay hitako rehefa mamakivaky ny Luxembourg iny aho amin'ny voalohandohan'ny oktobra, amin'irony toa mampalahelohelo **nefa** mahatsara azy indrindra irony ; izay manko no fotoana ihintsanan'ny ravinkazo ka ianjerany tsirairay eo ambonin'ny soroka fotsin'ny sary mivongana.

- Ma pensée seule le voit ; **car** ce petit bonhomme est une ombre ; c'est l'ombre de moi que j'étais il y a vingt- cinq ans.

→Ny eritreritro ihany no mahita azy ; **satria** aloka io tapak'olona io ; aloky ny tenako, izaho fahiny dimy amby roapolo taona lasa izay.

❖ Conjonction de coordination : « **donc** »

→**Donc** préférant les rives les plus dures, pourvu qu'elles fussent futures, c'est vers la nuit que nous marchâmes, notre jour étant accompli.

→**Koa** ny moron-dranomasina manahirana indrindra àry nonofidinay harahina, raha any amin'ny ho avy ihany no hitondrany anay, hany ka ny lalana mankany amin'ny alina no nizoranay fa efa tapitra mantsy ny andro ho anay.

- Il n'y avait pas de rat dans la maison, il fallait **donc** qu'on eut apporté celui-ci du dehors.

→Tsy misy voalavo, hono, ao an-trano, **ka** tsy maintsy olona avy any ivelany no ho nampiditra ilay izy tao.

CONJONCTIONS DE SUBORDINATION

❖ Subordination complétive: « **que** »

- Je veux **que** la rencontre du matin soit jolie.

→Tiako hahafatifaty ny fifankahitana ny maraina.

- Je me souviens **que** quand j'avais quinze ans (j'étais très jolie, à quinze ans), j'avais un petit cousin qui était amoureux de moi.

→Tsaroako fa tamin'izaho dimy ambin'ny folo taona (tsara tarehy erÿ anie aho tamin'izaho dimy ambin'ny folo taona e) dia nisy zanak'olo-mianadahy amiko izay, tiako ary tia ahy koa.

- Un soir, par une nuit admirable, sur le balcon de ses parents, (...) il m'a dit **qu'il** m'aimait.

→Indray takariva, nahasondriana erÿ ny andro tamin'izay, teo amin'ny lavarangan-kelin'ny rainy aman-dreniny, dia nivaky fitiavana tamiko izy.

- Il faut, pour **que** tout soit parfait, qu'il m'envoie demain matin des roses blanches.

→Mba ho lavorary anefa izany, dia tsy maintsy mandefa raozy fotsy ho ahy izy rahampitso maraina.

- Et comme je savais **qu'il** ne le ferait pas, je lui ai dit...

→Ary satria fantatro **fa** tsy hanao izany izy dia nolazaiko azy ny faniriako...

- Mais je veux surtout **que** l'on sache **que** ce ne fut ni par désespoir ni par prudence timorée, mais bien par une volonté de folie,

→Tiako mihitsy anefa ny hahafantarana **fa** tsy noho izahay namoy fo akory na noho izahay toto-tahotra ka malina, fa noho izahay ninia nanao hadalana,

- Il avait beaucoup vu mourir, et, aidé par son éducation japonnaise, il avait toujours pensé **qu'il** est beau de mourir de sa mort, d'une mort qui ressemble à sa vie.

→Betsaka izay olona hitany niala aina izay, ary notohanana'ny fitaizana japoney azony izy ka nino hatrany **fa** tsara izany hoe matin'ny fahafatesan'ny tena, dia ny fahafatesana mitovy endrika amin'ny fiainanan'ny tena.

- J'avais la certitude **qu'ils** sauraient me garder de tout mal.

→Nino marimarina aho **fa** ho hain'izy ireo ny hiaro ahy amin'ny ratsy rehetra.

- Sous le docteur Thibault, je sens bien **qu'il** y a quelqu'un d'autre: moi.

→Ao voarakitr'i Dokotera Thibault ao, dia tsaroako tsara misy olona hafa: ny tenako.

- Mais, arrivé dans la rue, la pensée lui vint **que** ce rat n'était pas à sa place et il retourna sur ses pas pour avertir le concierge.

→Nony teny amin'ny arabe anefa, dia tonga tao an-tsainy **fa** tsy tokony ho eo no hisy iny voalavo iny ka dia lasa izy niverina ilalana hilaza amin'ny mpiandry trano.

- On pourrait dire sans doute que ce révolté dressé contre les dieux est le modèle de l'homme contemporain.

→Azo lazaina angamba fa io mpikomy njoro hanohitra ireo andriamaniny io no sarin'ny olona amin'izao androntsika izao.

- Je crois que j'ai déjà appris à ne pas pleurer.

→Ataoko fa efa nianatra izany hoe mitana ranomaso aho.

❖ Subordination relative: « **qui** »

- Et j'en veux au partenaire **qui** gâte mes effets...

→Ary omeko tsiny izay miaraka amiko ka manimba ny fihetsika kendreko...

- quand j'avais quinze ans (j'étais très jolie, à quinze ans), j'avais un petit cousin **qui** était amoureux de moi.

→tamin'izaho dimy ambin'ny folo taona (tsara tarehy ery anie aho tamin'izaho dimy ambin'ny folo taona e) dia nisy zanak'olo-mianadahy amiko izay, tiako ary tia ahy koa.

- Il avait beaucoup vu mourir, et, aidé par son éducation japonnaise, il avait toujours pensé qu'il est beau de mourir de sa mort, d'une mort **qui** ressemble à sa vie.

→Betsaka izay olona hitany niala aina izay, ary notohanana'ny fitaizana japoney azony izy ka nino hatrany fa tsara izany hoe matin'ny fahafatesan'ny tena, dia ny fahafatesana mitovy endrika amin'ny fiainanan'ny tena.

- Car ce sont toujours les meilleurs qui font le sacrifice d'eux-mêmes, **qui** acceptent l'exigence dévorante du travail professionnel.

→Satria ny olona tena tsara ihany no mahafoy tena foana hatrany ka manaiky ny hohanin'ny asa aman-draharahany mitambesatra aminy.

- Un homme **qui** a assez de biens pour vivre, s'il savait démeurer chez soi avec plaisir, n'en sortirait pas pour aller sur la mer ou au siège d'une place.

→Ny olona manan-karena ampy ivelomany, raha hainy ny mipetraka finaritra ao antanony, dia tsy hivoaka ao izy hamakivaky ranomasina na handeha hanao fahirano tanàna mimanda.

❖ Subordination relative: « que »

- La confiance que m'inspirait ma mère était quelque chose d'infini : quand je me rappelle cette divine, cette adorable confiance, je suis tenté d'envoyer des baisers au petit bonhomme **que** j'étais.

→Toa tsy nisy fetra ny fahatokisako an-dreniko; isaky ny mahatsiaro izany fitokisako toa lani-datsaka sy tonga lafatra izany aho, dia alaim-panahy hanoroka an-tsaina ity tapak'olona iray, tsy iza fa izaho fahiny.

❖ Subordination relative : « où »

Néant

❖ Subordination relative: « dont »

Néant

❖ Subordonnée conjonctive interrogative indirecte

Avec le subordonnant: « si »

- Sa femme lui demandait s'il avait entendu sonner, déclarait qu'avec un service si décousu, il n'y avait pas moyen de garder un domestique.

→Anontanian'ny vavy azy **raha** henony ny lakolosy kely fiantsoana hisakafo, ka lazainy fa raha henony ny lakolosy kely fiantsoana hisakafo, ka lazainy fa raha misaritaka tahaka izao foana ny fandehan'ny sakafo, dia tsy misy hevitra mihitsy ny hahatamana ny mpiasa.

Avec le subordonnant: "ou "

Néant

Avec subordonnant : combien

- quand je me rappelle cette divine, cette adorable confiance, je suis tenté d'envoyer des baisers au petit bonhomme que j'étais, et ceux qui savent **combien** il est difficile en ce monde de garder un sentiment dans sa plénitude comprendront un tel élan vers de tels souvenirs.

→Isaky ny mahatsiaro izany fitokisako toa lani-datsaka sy tonga lafatra izany aho, dia alaim-panahy hanoroka an-tsaina ity tapak'olona iray, tsy iza fa izaho fahiny; ary ireo mahalala **fa** tena sarotra, raha mbola eto an-tany ihany, ny mampaharitra tanteraka tsy misy fiovana ny fihetseham-pontsika, dia hahatakatra ny fientanam-panahy toy izany miantefa amin'ny fahatsiarovana toa ireny.

❖ Subordination conjonctive circonstancielle de cause: “**parce que**”

- Le cheval avance lentement parce que la rue de France monte et dessine une large courbe.

→Mandeha miadana ilay soaval, satria miakatra ny lalana any Frantsa.

❖ Subordination conjonctive circonstancielle de condition

Néant

❖ Subordination conjonctive circonstanciel de but

Néant

❖ Subordination conjonctive circonstancielle de temps:

Avec le subordonnant: “quand”

- **Quand** elles sont arrivées, elles m’ont fait autant de plaisir que si je ne les avais pas commandées moi-même...

→**Nony** tonga ireo raozy dia nahafinaritra ahy tahaka ny tsy izaho iny no nampividy azy.

- **Quand** je me rappelle cette divine, cette adorable confiance, je suis tenté d’envoyer des baisers au petit bonhomme que j’étais, et ceux qui savent combien il est difficile en ce monde de garder un sentiment dans sa plénitude comprendront un tel élan vers de tels souvenirs.

→**Isaky** ny mahatsiaro izany fitokisako toa lani-datsaka sy tonga lafatra izany aho, dia alaim-panahy hanoroka an-tsaina ity tapak’olona iray, tsy iza fa izaho fahiny; ary ireo mahalala fa tena sarotra, raha mbola eto an-tany ihany, ny mampaharitra tanteraka tsy misy fiovana ny fihetseham-pontsika, dia hahatakatra ny fientanam-panahy toy izany miantefa amin’ny fahatsiarovana toa ireny.

- **Quand** Laure apparut sur le seuil de la chambre, elle fut frappée de l’air de violence et de désespoir qui se peignait sur le visage de Mathilde.

→**Raha** niditra ny tokonan’i Mathilde i Laure, dia taitra nahita izato fihenjanana mahery vaika sy izato famoizam-po nisoritra teo amin’ny tarehiny.

- **Quand** on fait une pareille chose, ce n'est pas pour la tenir cachée.

→Raha manao zavatra toy izany, dia tsy ny hanafina azy no kendrena.

- **Quand** il s'agit d'apprendre l'équitation, chacun comprend qu'il faut recommencer bien des fois, et ne jamais céder à la tentation de se croire mal doué, ce qui est un genre de modestie très perfide.

→Raha hianatra hitendry lokanga na hitaingin-tsoavalny, dia iaraha-mahalala fa tsy maintsy mamerimberina imbetsaka ka tsy ho resin'ny fakam-panahy na oviana na oviana hihevi-tena ho tsy ampy fahaizana, satria karazam-panetren-tena faran'izay mamitaka izany.

- Il est rare que l'homme cède à lui-même.

→Mahalana foana ny olona no mba mikemo eo anatrehan'ny tenany.

Avec le subordonnant “pendant que” :

Néant

Avec le subordonnant: “au moment où” :

Néant

Avec le subordonnant : « dès que »

- **Dès qu'**on viendrait chercher le premier des leurs, il se tuerait en pleine conscience...

→**Raha vantany vao** tonga izay olona haka voalohany ny iray amin'ireo mpiray antoko aminy, dia hamono tena, hono, izy ary ho fantany tsara ny ataony amin'izany.

❖ Subordonnant conjonctive participiale

Néant.

FITENY ROA³

AMPANDRIFEHIZAY	LE VILLAGE DE LA PAIX
Ny anaran'ny tanàna, tsy fantatra tsy haiko	Le nom de ce village, je ne sais ni ne connais
F'izay nanaitra indrindra ny jeriko sy saiko	Mais ce qui frappait le plus ma vue et mon esprit
D'izato filaminana manerana tanàna	C'était cet ordre emplissant tout l'endroit :
Ny sendra mivahiny, tonga dia tamana	L'éventuel visiteur s'y plait déjà.
Feno voninkazo ny lalana rehetra	Toutes les petites rues sont égayées de fleurs
Ny tanimbariny, iny, toa tsy misy fetra	Les rizières ressemblent à des champs sans frontières
Vahoaka feno tsikin'ny andro fararano	Des gens au sourire ampli du temps des moissons
No hitanao miasa isan-tokantrano	Travaillent dans chacune des maisons.
Ny adin-tsaina ve? Tsy fantatra any intsony	Les tourments pénibles, ici sont inconnus
Tony ny tontolo. Tony ny ao am-pony	La paix règne dehors ainsi que dans les cœurs
Alaim-panahy ianao hihevitra sahady	Vous êtes tenté de croire au vu des alentours
F'ity tanàna ity tsy nandalovan'ady.	

³ Rado, 2005.

	Que ce village-ci, n'a jamais vu la guerre.
Tsy fantany tokoa ny ady sy ny ngidiny Ny varavarana any dia tsy mba misy hidiny Mifankatia ny imponina. Tsy misy fialonana Ny firaisan-kina no sora-piankohonana	Oui. Il n'a point connu la guerre et ses souffrances Les portes dans ce lieu n'ont jamais eu de clé Les habitants s'y plaisent et s'aiment sans jalouseie, Leur livret de famille ? la solidarité.
Ireo anaran-dalana no tena mahaliana Samy tazana eo ny "lalam-pitovina" Ny "araben'ny Rariny", ny "Kianjam-Pahafahana" Sy ny "Tsangambaton'ny Zo sy Halalahana"	Et tous les noms de rues y sont très édifiants : Vous pouvez y trouver « Rue de l'égalité » « Rue de la justice », « Place de la Libération » Ainsi que ce « monument des droits et Liberté »
Tamana tao ny foko ka dodona terÿ Hamantatra ny anaran'ity tanàna ity Nitsiky sy niteny ny zazakely iray F'ity tanàna ity no Ampandrifehizay.	Ce village conquit mon cœur et mon âme J'eus hâte de connaître le nom qui le décrit. Un enfant me sourit puis me répondit : Ce village s'appelle : « Village de la paix »
RADO (18.09.75)	RADO (18.09.75)

“Zo”, takila faha77	<p>« Zo », page 77 Traduction : Richard ANDRIAMANJATO</p>
---------------------	---

AMPIANARO	APPRENDS-MOI
Ampianaro aho ry Raiko	Apprends-moi, o Père,
Mba hahay misaotra Anao	A savoir te remercier
Rehefa misy fahoriana	Dans les instants malheurs
Fa ny zavatra mba haiko	Car la seule chose que je connaisse
Dia fisaorana fanao	C'est le remerciement d'usage
Rehefa misy fifaliana	Dans les moments de bonheur
Ka raha hoe miandrohandro	Que dans le désarroi
Sady jembim-pahoriana	Que dans le désespoir
Toy izao anio izao	Comme il en est aujourd'hui
Aoka ho toy ny isanandro	A la façon coutumière
Amin'ny andro fifaliana	Dans les moments de joie
No isaorako Anao	Je sache te dire merci.
Ampianaro koa ho haiko	Apprends-moi aussi à savoir
Ny hahatsiaro, hitadidy	Me souvenir sans oublier
Irony soa natolotrao	Le bien que tu m'avais donné
Fa ny velona ao an-tsaiko	Car ce qui vit dans mon esprit
Dia ny zavatra mangidy	Ce sont les choses amères
Izay nihatra toy izao	Que j'ai vécues comme aujourd'hui
Ka raha toa miandrohandro	Que même dans le désarroi
Fa mba sendra ny mangidy	Né de la douleur
Sy mafaitra mahalao	Et du malheur qui accable

Aoka koa mba isanandro	Fait que chaque jour
No hahazoako mitadidy	Je puisse me souvenir
Ny tsara avy taminao	Du bien qui vient de toi
RADO (Jolay 1993)	RADO (Juillet 1993)
“Sedra”, takila faha 64	« Sedra » page 64
	Traduction : Jeannine Rapiera RAMBELOSON

ANARAN-DRAIKO	LE NOM DE MON PERE
Ilay anaran-draiko?	Le nom de mon père ?
Anarana lalaiko	C'est un nom qui m'est cher
Satria neken'i neny ho anaram-paharoa	Parce que Mère l'a accepté comme un deuxième nom
Halahatra amin'ny azy ka mamiko ao am-po.	A ajouter au sien, je l'aime de tout mon cœur
Dia maika koa hajaiko	Je le respecte d'autant plus
Fa eken'ny saiko	Que mon esprit l'agrée
Ho satroka hisatrhoako	Comme coiffure dont je me couvre,
Sy ilo teo an-dohako.	Huile sainte sur ma tête.
Ka raha mitanintanina	Et lorsque se fait pressante
Izay fankam-panahy mikendry sy mitily	La tentation qui cherche et vise
Hanova lalana ahy	A me dévier de ma route,
Dia io no arofanina	C'est lui mon garde-fou
Miaro ny fizotry ny diako tsy hivily.	Qui empêche mes pas de se perdre en chemin.
RADO (1988)	RADO (1988)
“Sedra”,takila faha-18	« Sedra », page 18
	Traduction : Jeannine Rapiera RAMBELOSON

AOKA	LAISSE
Aoka izay ny amin'iny, ka aza asiana teny intsony	Laisse donc tout cela, n'en dis plus un seul mot
Sao mikobana tsy fidiny	Pour ne pas remuer sans le vouloir
Ireto fotaka efa mandry sy matory tao ampony	La boue déjà dormante enfouie dans son cœur
Hany raki-tsarobidiny	Le seul trésor de sa mémoire !
Ho inonao ny fahoriany raha raraka eo ny lasa	Que ferais-tu de son désespoir si se déversait le passé
Namenoany izato sininy?	Dont il a rempli sa cruche ?
Nefa ireny no hany sisa tamin-javanokinasa	Car celui-ci est fait des ruines de ce qu'il a projeté
Mba navela hohamasininy?	Qu'il a gardées pieusement
Laingalainga, fa raha misy tapadamban'ny fahiny	A dire vrai, s'il y a un lambeau du passé
Sendra maso mahatsiaro...	Qui tombe sous des yeux qui se souviennent...
Na ho izy na ianao, tsy azoko omena tsiny	Que ce soit toi ou lui, je comprendrai
Raha manjary saro-piaro	Qu' on veuille jalousement le préserver
RADO (19 Oktobra 1972)	RADO (19 octobre 1972)
“Dinitra”, takila faha 159	« Dinitra », page 159. Traduction : Jeannine Rapiera RAMBELOSON

AOKA IZAY	CA SUFFIT!
Ho an'ny zaza menavava tsy mba manan-kandosirana	Pour ce bébé qui pleure qui ne sait où s'enfuir,
Ho an'ireo mpiasa tany te hamokatra ny taniny	Pour tous ces paysans qui voudraient bien produire,
Ho an'ireo izay tsy an'asa miady saina sy sahirana	Pour ces chômeurs las de chercher et de lutter
Italahoako indrindra ianao tsy hanjera baomba aminy	Je t'en supplie, ne leur jette pas tes bombes !
Ho an'ny rivotra mitsoka sy ny lanitray tomaratra	Pour la brise qui souffle et nos cieux si radieux,
Ho an'ny voninkazo manitra eny antsisin-doharano	Pour le parfum des fleurs qui embaument nos sources,
Ho an'ny kalom-borokely indray marainam-pahavaratra	Pour ce gazouillis d'oiseau un beau matin d'été,
Aza asiana ady intsony! Izay no hafatro ka tano!	Je te le recommande, n'y porte plus la guerre !
Ho an'ireo tsy te hahita latsak'aina latsadra	Pour ceux qui ont marre de voir le sang couler,
Ho an'ireo namoy ny rainy tamin'ny Ady Lehibe	Pour ceux qui ont perdu leur père à la Grande Guerre,
Ho an'ireto sisam-patin'ny Afoben'i Hiroshima	Pour tous les rescapés d'Hiroshima, l'Enfer,
Aoka izay ny rahon'ady mba ho foana tsy ho re!	Qu'on cesse de proférer des menaces de guerre !

<p>Ho an'ny tranonay najoro tamin-tsembom-piezahana</p> <p>Ho an'ny mponina eran-tany mbola eo am-panarenana</p> <p>Ho an'ny tany izay mioitra mba hahazo fahafahana</p> <p>Mba henoy ny antsonay fa te handry fahalemana.</p> <p>RADO (07 Desambra 1983)</p> <p>“Zo” takila faha-144.</p>	<p>Pour notre humble maison si pénible à construire,</p> <p>Pour ces peuples du monde qui veulent bien rebâtir</p> <p>Pour ce pays qui s'efforce d'avoir sa liberté</p> <p>Entends l'écho des cris qui aspirent à la Paix !</p> <p>RADO (07 Décembre 1983)</p> <p>« Zo » page 144</p> <p>Traduction : Richard ANDRIAMANJATO</p>
--	---

<p>AVELA</p> <p>Avela ho sorena izay te ho sorena</p> <p>F’isika tsy maintsy midrikina hatrany</p> <p>Raha toa mbola misy ny tsindrihazolena</p> <p>Mahazo ny mainty eto ambonin’ny tany.</p> <p>Avela izay sofina vaky ho vaky</p> <p>Mandre antsoantso tsy azo tsindrina</p> <p>F’isika rehetra tsy maintsy mitaky</p> <p>Ny zo sy ny satan’ny fampitoviana.</p> <p>Avela izay maso manjola ho njola</p> <p>F’isika tsy handevo na olona adala</p> <p>Antsika ny aina ary azy ny vola...</p> <p>Raha tsy mifanaraka samy miala!</p> <p>RADO (17 may 1969)</p> <p>“Dinitra”, takila faha-105</p>	<p>LAISSEZ DONC</p> <p>Laissez donc se fâcher ceux qui veulent se fâcher</p> <p>Mais pour nous, il nous faut sans cesse protester</p> <p>Tant qu’existeront encore les injustices Que subissent les noirs sur cette planète</p> <p>Laissez donc se casser les oreilles qui se cassent</p> <p>En entendant les cris qu’on ne peut étouffer</p> <p>Mais pour nous, il nous faut ensemble réclamer</p> <p>Le droit et le statut d’une même «égalité</p> <p>Laissez donc les regards loucher de colère</p> <p>Mais pour nous, nous ne sommes ni esclaves ni fous</p> <p>A nous la force, à eux l’argent</p> <p>S’il n’y a pas entente, chacun pour soi !</p> <p>RADO (17 mai 1969)</p> <p>« Dinitra », page 105. Traduction : Jeannine Rapiera RAMBELOSON</p>
---	---

ANY AORIANA ANY	PLUS TARD
Hitraky taolam-bato ny havoana tomandavana	Ces chaînes de montagnes exhiberont leurs os
Hikentrona toa nofon'ny antitra ho faty	Ainsi que leur chair frippée de vieux mourant
Fahagagana sisa raha mbola hisy mavana	Ce sera miraculeux si des lieux verdoyants peuvent encore subsister en ce désert
Tsipalotry ny maso ny hay mimainan- draty	rougeaud.
Takolaky ny tany tsy misy tandran'ala	Cette aire dépouillée de ses charmantes forêts
No hany ho tsinjo any : maina tsisy menaka	N'offrira au regard que son triste visage
Toa tavan-jazavavy nilaozana malala	Ravagé comme celui d'une femme en veuvage
Fa lasa koa ny maitso niankanjoan'ny lemaka	Ayant perdu l'attrait de ses vertes vallées.
Vinavina sisa tefen'ny eritreritra	Comme les enfants à venir ne verront qu'en pensée
Mandokoloko volo ny lasa feno renty	Les habits colorés autrefois merveilleux
Ny zanaky ny ho avy hitroatra sy ho tezitra	De tout ce paysage dévasté par le feu,
Fa nodorantsika ny tampon'ny tanety.	Indignés ils seront ; contre nous, revoltés.
Hitsangana izy ireny hanozona ny razany	Ils se mettront à maudire leurs aïeux En nous imputant la mort de la terre

<p>Handevilevy antsika , ka saino sy tsahivo Fa tany karakaina sy maty sisa tazany Napetrakao ho lovan'ny "Taona roa arivo".</p>	<p>Soyons donc conscients que Le Second Millénaire N'hésitera de nous que des lots miséreux.</p>
<p>RADO (septambra 1976) « Zo » takila faha-89</p>	<p>RADO (septambra 1976) « Zo » page 89 Traduction : Voahangy Ramiejamanana ANDRIAMANANTENA</p>

<p>AVRILY</p> <p>Hafahafa fihariva izato volana avrily!</p> <p>Ny fara-lafika hafanana mbola re manevokevoka</p> <p>Ny hatsiaka koa anefa, toa manomboka mitily</p> <p>Mirehareha fitsidi-doha no somary kevokevoka</p> <p> </p> <p>Mifampila kisa foana ny hazavana sy ny aloka</p> <p>Mifanorisory lava toy ny tsiky sy ny sento</p> <p>Ny marimaritra iraisana? Manahirana sy sarotra</p> <p>Miady lava tsy an-kiato... izany ve no fiainana eto?</p> <p> </p> <p>Ato anatiko ato koa miavriliriliry izany</p> <p>Ny vaninandroko baliaka toa manomboka ho lefy</p> <p>Hitampody indray angamba ilay ririniko omaly!</p> <p>Miovaova ny eto an-tany... toa mandresy ianao dia resy.</p> <p> </p> <p>RADO (11 avrily 1994)</p>	<p>AVRIL</p> <p>Curieuse est cette fin de jour en avril</p> <p>Le dernier fond de lit reste encore très chaud</p> <p>Mais le froid commence déjà à se mettre aux aguets</p> <p>Et semble vouloir entrer en se pavant</p> <p> </p> <p>La lumière et l'ombre semblent se disputer</p> <p>S'ennuyer mutuellement comme sourire et sanglot</p> <p>Le juste milieu ? délicat, difficile</p> <p>On se fait la guerre sans arrêt... est-ce cela la vie?</p> <p> </p> <p>Et moi aussi je me sens comme « avril »</p> <p>Mes journées radieuses commencent à décliner</p> <p>Mon hiver d'hier, reviendrait-il déjà ?</p> <p>Et tout change sur cette terre.</p> <p>Vous semblez triompher et vous êtes vaincu !</p> <p> </p> <p>RADO (11 avril 1994)</p>
--	--

“Voninkazo adaladala” takila faha-37	« Voninkazo adaladala page 37 Traduction : Richard Andriamanjato.
--------------------------------------	--

« EFA ATAO NY FAMOTORANA »	“L’ENQUETE SUIT SON COURS”
Rehafa nisy zava-doza izay nitranga teto Imerina	Chaque fois qu’un malheur s’est produit en Imerina
Ka mandalo fitsarana dia izao no averimberina :	Que la justice est saisie, voici ce qu’on répète à satiéte :
“Tsy azo afenina ny marina fa ho lazaina am-pahatsorana	« On ne peut pas cacher la vérité, elle sera révélée en toute transparence
Saingy mahandrasa kely fa efa atao ny famotorana!”	Cependant un peu de patience, car l’enquête suit son cours ».
Io ny lapan’ny Tanàna: kila, rava fa nodorana	Ceci, c’est l’Hôtel de ville : calciné, détruit dans un incendie
Dia izao no teny re: “ Efa atao ny famotorana ...”	Et l’on entend le refrain : « L’enquête suit son cours... »
Maty koa Ratsimandrava: tapi-dalana nizorana	Ratsimandrava est tué : l’affaire est au point mort
Dia izao no teny re: “Efa atao ny famotorana...”	Et l’on entend le refrain : « L’enquête suit son cours... »
Forehitra Andafiavaratra! Ny tenanao nangorangorana	En cendres Andafiavaratra ! Vous en avez frémi
Nefa izao no teny re: “Efa atao ny famotorana...”	Mais l’on entend le refrain : « L’enquête suit son cours... »
Kila koa Antanimora! Tomany isika torantorana	Calciné aussi le Rova ! nous avons suffoqué de larmes
Nefa izao no teny re: “Efa atao ny famotorana...”	Mais l’on entend le refrain : « L’enquête suit son cours... »

<p>“Efa atao ny famotorana...” Firy taona lasa izay?</p> <p>Tsy nisy valiny mba re, fa ny may dia tena may!</p> <p>Ireo izay fototry ny afo ‘ngamba tojo famotsorana</p> <p>Ka tsy re hatramin’izao ny vokatry ny famotorana!</p>	<p>L’enquête suit son cours ! cela fait combien d’années ?</p> <p>Nulle suite n’est donnée, pourtant le feu a réellement brûlé</p> <p>Les incendiaires sont peut-être déjà en liberté</p> <p>Pour que rien ne filtre à ce jour des résultats de l’enquête !</p>
<p>Raha izany, mitandrema ianao ry Ambohitsorohitra!</p> <p>Sao mandady any indray ry zareo mpanani-bohitra!</p> <p>Tsotra kosa izao ny teny izay omeko anao ry Merina</p> <p>Aza dia “mpiasabe” manaiky foana ampandeferina!</p>	<p>S’il en est ainsi, fais attention à toi Ambohitsorohitra !</p> <p>Il se peu que de nouveau se faufile les ennemis !</p> <p>Ces quelques mots très simples, je te les dis, ô Merina :</p> <p>Ne sois pas trop bonasse, et ne te laisse plus faire !</p>
<p>RADO, (05 Novambra 1998)</p>	<p>RADO, (05 novembre 1998)</p>
	<p>Traduction : Jeannine RAPIERA RAMBELOSON</p>

EKEKO	JE RECONNAIS
Eeko fa misy veloma tokoa	Je reconnais qu'il existe bien des adieux
Atao amin'ny maty : arahina saona	Que l'on adresse aux morts, suivis de tant de deuil !
Fa fara-veloma mangidy kokoa	Mais le dernier adieu qui le plus amer,
Ny an'izay velona tsy afaka hiaona	C'est celui des vivants ne peuvent plus se voir
RADO (Mey 1969)	RADO (Mey 1969)
“Dinitra”, takila faha- 102	« Dinitra », page 102
	Traduction : Richard ANDRIANJATO

ETSY MATORIA	DORS MON ENFANT!
Anaka!	Mon enfant!
Etsy àry matoria, ka dia manofisa mamy	Viens et dors mon enfant et alors fais de beaux rêves
Ary akipio ny maso...’ty ny tanako iondàny!	Ferme tes yeux... fais de mon bras ton oreiller !
Idada ity mandrotsirotsy, fa i neny efa trotraka	C'est papa qui te berce, car maman est fatiguée !
Nitaom-biriky anikeo ary efa saika potraka	Elle transportait des briques et faillit bien trébucher
Noho ny haben'ny havizanany...	Car elle était trop lasse
Ka savolaina be ny tanany!	Si je bougonne un peu ... ne te réveille pas
Raha mingononganona aho aza atao manaitra anao	Car ce que je peu dire ne te concerne guère !
Fa tsy momba anao akory izao ventesiko eto izao...	Je te remercie Dieu que tu ne saches point
...Isaorako aza Andriamanitra, raha tsy fantatrao akory	Ce qui me passe par la tête,
Izay alehan'ny fisainako	Ou la lutte que je mène
Na izay adin'ny fiainako	Et toutes les difficultés qui m'emplissent la vie
Feno zava-mifamaho mila tsy ahitako tory	Et m'empêchent de dormir
Efa an-taona maro izao!	Depuis bien des années !
... Soa fa niafina aminao,	Heureusement pour toi mon enfant
Izany izaho mifoha maraina	Que tu n'es pas conscient
Mieritreritra ao an-tsaina	Que je me lève très tôt chaque matin,
Sy mitetika ny asa hamonoako ny	

masoandro	La tête pleine de projets
Ho sakafontsika anio, na dia hoe indray mahandro...	Qui doivent m'aider à tuer le soleil...
... Nefa ny hofan'ny sarety nitaterako aza mbola	Ne serait-ce qu'une marmitée !...
Notrosaiko tato atsimo... Nisy ihany mantsy vola	Et cette charrette que j'ai louée
Teo am-pelatanantsika,	De notre voisin du sud et que je n'ai pas payée !
Nokendrena tsy hipika, nefa lasandreninao hividianan-tapa-damba	Certe, nous avions thésaurisé un peu d'argent
Hanapenana 'ty lobako... Ary ny ambiny, hono, angamba	Que nous voulions garder
Raha misy, dia hatao	Mais ta mère l'avait pris, acheta avec,
Akanjo anatiny ho anao	Un morceau d'étoffe pour rapiècer ma chemise,
Fa mamirifiry loatra ity ririnintsika ity!	Et de ce qu'il en restera éventuellement,
...Nefà, etsy, matoria,	On fera pour toi, une petite chemisette
Fa hadalana ny an'Idada, resak'olona efa lanaka	Car notre hiver est tellement dur !
Ka ny adin-tsainy indray no entiny hampatory zanaka...	
... Ts'hita moa ry sombinaiko,	
F'efa miady be ny saiko!	
Rahampitso fotsiny aza: hifindra trano ny	

ato avaratra	Tiens ! demain par exemple, nos voisins déménagent
Ka izaho no hokaramainy...Mety ho vitan'io ny karatra	Ils m'ont sollicité pour faire le service.
Kanjo reko indray izao, fa ny lalana ho sakanana	Cela pourrait m'aider à payer mon impôt !
Rahampitso vao maraina... Hisy mantsy fitokanana	Hélas ! je viens d'apprendre que la rue sera fermée
Ato akaikintsika ato, ka ny sarety izay mandeha	Demain matin... Une inauguration
Dia havily avokoa fa handalo ireo Lehibe...	Aura lieu tout près de chez nous, Et toutes les charrettes verront leur itinéraire dévié Car les Grands vont passer !
Ary izay 'lay mahavoa	C'est ça qui est pénible
Sady mahavaky fo	Et nous brise le cœur, à nous qui trimons dur
Ny mpitrongy tahaka anay... fa toa maro ny hetraketraka	Et à tous nos semblables !
Tongatonga fotsiny eny, ka dia mahaketaketraka...	Les brimades à subir viennent comme par hasard Et vous laissent pantois !
Nefa , etsy, matoria	Mais , viens, dors mon enfant
Mikipia ka mikipia...	Ferme, ferme tes yeux
Ary aza omenao tsiny Idada sy ny redirediny	Et ne donne pas tort à ton père divaguant
F'efa tafahoatra loatra ny ahiahysy tebiteby...	Nombreux sont ses soucis et il est trop inquiet
... Miondàna sombinaina,	Appuie-toi tendrement

Eto am-poko be taraina...	Sur mon cœur en tourment !
RADO (1969) “Dinitra”, takila faha-117-118	RADO (1969) « Dinitra », page 117-118
	Traduction : Richard ANDRIAMANJATO

<p>FA NONY INJAY...</p> <p>Mba te hitendry lira ny rantsako, kanefa</p> <p>Tsy mahara-dia ny rimorimom-poko</p> <p>Fa savolain'ny sento... K'injao mirefarefa</p> <p>Manjoy izay nomban'ny tiako sy tsy foiko</p> <p>Mba te handranto toky mafonja koa ny saiko</p> <p>Kanefa tsy mahita antoka azo andrasana</p> <p>K'injao malefolefo sy toa midraikodraiko</p> <p>Fa tandidomin'ito aloky ny fasana...</p> <p>Fa nony injay ny foko nitady an'Andriamanitra</p> <p>Dia Tanana alin-kisa mivimbina fitiavana</p> <p>No nentiny hampitony 'ty ratram-by maranitra</p> <p>K'injay ilay ali-mainty fa nitsirian'ny Avana</p>	<p>MAIS LORSQUE</p> <p>Mes doigts aimeraient bien jouer de la lyre, et pourtant</p> <p>Ils n'arrivent pas à rattraper la course folle de mon cœur</p> <p>Qu'étreignent les soupirs ... De sorte qu'ils s'essoufflent</p> <p>A suivre les pas de l'être cher auquel je ne peux renoncer</p> <p>Mon esprit voudrait aussi chercher une assurance sans faille</p> <p>Mais n'obtient nulle promesse sur laquelle compter</p> <p>De sorte qu'il faiblit et va clopin-clopant</p> <p>Car pèse sur lui l'ombre du tombeau...</p> <p>Mais lorsque mon cœur a voulu trouver Dieu</p> <p>Alors ce sont des milliers de mains remplies d'amour</p> <p>Qu'il m'a offertes pour panser l'entame profonde</p> <p>Aussitôt la nuit noire a fait naître l'arc-en-ciel.</p>
--	--

RADO (20 Mey 1993) “Sedra”, takila faha-52	RADO (20 Mai 1993) « Sedra », page 52 Traduction : Jeannine Rapiera RAMBELOSON
---	---

<p>DIMY AMBY FITOPOLO TAONA</p> <p>Dimy amby fitopolo taona niainana?</p> <p>Làlana leitsy, ka làlana izany!...</p> <p>Mandinika anefa dia lasa fisainana</p> <p>Manadihady sy te hanontany...</p> <p> </p> <p>Dia mifanaretsaka ny hoe inona avy</p> <p>No tombokavatsa na tafy nasalony</p> <p>Sa toy ny seran'iry tovovavy</p> <p>Nitsiky dia lasa any mbamin'ny alony?</p> <p> </p> <p>Marina aloha fa nisy ny maminy</p> <p>Satria io dia fenitra iray mba nandrasana</p> <p>Kanefa dinihiko koa etsy an-daniny:</p> <p>Tsy lavitra intsony avy eto ny fasana.</p> <p> </p> <p>Samy efa hitako impiry impiry</p>	<p>SOIXANTE-QUINZE ANS</p> <p>Soixante-quinze ans de vie?</p> <p>C'est un bon bout de chemin, mon ami !</p> <p>Cependant, je médite et je songe</p> <p>Essayant de comprendre et posant de questions...</p> <p> </p> <p>Se bousculent dans ma tête les interrogations</p> <p>Ma vie a-t-elle laissé des marques, posé son voile ?</p> <p>Ou n'a-t-elle fait que passer comme cette jeune fille,</p> <p>Qui a souri pour disparaître jusqu'à son ombre ?</p> <p> </p> <p>C'est vrai qu'elle a connu des moments de douceur</p> <p>Parce que c'était un des buts poursuivis</p> <p>Mais si j'en examine l'autre face :</p> <p>Le tombeau n'est plus très éloigné d'ici.</p> <p> </p> <p>J'ai déjà vu tant de fois</p> <p>Aussi bien les printemps éclatant de</p>
--	--

<p>Na ireo lohataona mitomarataratra</p> <p>Na ngolin-dririnina mamirifiry</p> <p>Na jojon'ny oran'ireo fahavaratra.</p> <p>Tao irony tsiky sy fahafinaretana</p> <p>Natao hozehena, hay voatondro iray...!</p> <p>Tao koa ny sento natao hiaretana</p> <p>An'orany vitsy hay mandrakizay...!</p>	<p>lumière</p> <p>Que les morsures glaciales de l'hiver</p> <p>Ou les torrents de pluie des saisons estivales.</p> <p>Il y eut les sourires, il y eut les plaisirs</p> <p>On les croyait immenses, ils ne faisaient qu'un pouce... !</p> <p>Il y eut aussi les soupirs qu'on pensait ne durer</p> <p>Que quelques heures, mais qui sont éternels... !</p>
<p>RADO (01 Oktobra 1998)</p> <p>“Voninkazo Adaladala” takila faha-118</p>	<p>RADO (01 Octobre 1998)</p> <p>« voninkazo Adaladala » page 118</p> <p>Traduction Jeannine Rapiera RAMBELOSON</p>

DISO VE?	AI-JE TORT?
Ataonao fa mora àry ve ny mamoy Izay tiana malala voalaingon'ankaso? Tsy mbola niharany ianao ka mivoy Miampanga ny tenako ho be ranomaso.	Croyez-vous que c'est donc simple de perdre Une personne aimée que la fatalité a cueillie dans sa jeunesse Vous ne l'avez point encore enduré c'est pourquoi Vous êtes enclin à m'accuser de trop de lamentation
Ihomehezanao aho mandalo eny foana Sady mazàna no miteny irery... Tsy fidiny akory na very fotoana Tsy mbola nidonany ianao ka mahery.	Vous ironisez sur le fait que je passe toujours là-bas Et que souvent je parle tout seul Je ne l'ai pas choisi et ne perds pas mon temps Vous faites le brave car vous ne l'avez pas encore vécu
Raha misy àry ve vaki-boky naàto Tolorako maso ka indro vakiko Dia diso aho ve raha toa ka niàto Miondrika kely vao nanohy ny diako?	Comme pour une lecture suspendue Puis après reflexion reprise Ai-je tort si j'ai arrêté ma route Et baissé la tête avant de la reprendre ?

“Voninkazo Adaladala” takila faha-50	« Voninkazo Adaladala » page 50 Traduction : Serge Henri RODIN
--------------------------------------	---

FANILO	FLAMBEAU
Tsy ho ahy intsony anio no antony itenenako eto	Ce n'est plus pour moi que je parle aujourd'hui
Fa ho anareo mpandimby izay taranaka sy zanako	Mais pour vous qui suivez, mes enfants, ma descendance
Hoy ny antso izay ataoko:"Raiso indray ka areheto	Je vous lance cet appel ; « Prenez et allumez
Ilay fanilo nolanjaiko an-taona maro teny an-tanako"	Ce flambeau que j'ai porté de langues années durant ! »
Tsy ho ahy efa osa sady efa zokiolona:	Il n'est plus pour moi, recru d'ans et de fatigue :
Masoandro takariva eny an-dalam-pilentehana	Un soleil au soir qui va vers son déclin
Fa ho anareo tanora, tsofin-drano hanoy ny tolona	Mais pour vous les jeunes, voués à continuer la lutte
Ho mpandimby anaran-dray ka tsy hisy hiala vehana.	Préservant, sans faillir, la gloire de vos pères.
Asandrato avo indray ilay fitiavan-tanindrazana	Levez haut, vous aussi, l'amour de la patrie
Nisaloran'ireo zoky, ka ny haja nisatrophany	Qu'ont revêtu vos aînés, que la couronne de l'honneur
Aza avela ho maty momoka na ho mora na ho mazana	Ne soit pas dépréciée, quelqu'en soit pour vous le prix,
Fa kajio mba tsy ho very ny "ilo" teo an-	Veillez à ce que l'huile sainte ne soit pas

tampon-dohany.	répandue.
Voninahitra sy vola ny azy ireny no mibahaha, Fa ny antsika kosa, leitsy, ilay voady tao am-po.	Argent, honneurs, pour eux tiennent la première place, pour nous, mes amis, c'est le serment du cœur.
Koa raha tonga izay tsy mety fa halohalika ny rano	Alors si l'incident survient qui met tout en péril
Fa nahitsy izay nahitsy, anefa avona no valiny	Si malgré les efforts on n'essuie que mépris
Tsy mba heloka leiroa, ny mikiky rindrin-trano,	Ce n'est pas un crime, camarades, de raceler les murs des maisons
Satria isika tsy hanaiky homaintisin'ny molaliny.	Pour n'être pas souillés par leurs moisissures.
Ampy izay ka 'ndeha itsy izy, tohizo indray io lalana io!	C'est dit, allons donc continuer la route déjà tracée !
Izay no hafatry ny foko ka naloak'ireto molotro	Exhortation du cœur que délivrent mes lèvres
Rehefa antitra ianao, tsarovy indrindra tadio:	Quand tu prendras de l'âge, surtout ne l'oublie pas :
Omeo an-janako indray ilay Fanilo izay natolotro.	Donne à tes enfants, à ton tour, le flambeau que je t'ai tendu.
RADO (18 jona 1991)	RADO (18 juin 1991)

“Sedra”, takila faha-34.	« Sedra », page 34 Traduction : Jeannine Rapiera RAMBELOSON
FITIAVANA Izay hoe fatiantoka? teny tsy fantany Fa vonon-kanolotra izay sarobidiny Na dia hikosoka izay famiratany Raha toaahasambatra ilay nofinidiny. RADO (1982) “Zo”, takila faha-131	L’AMOUR Le mot “perdant”? il ne connaît pas Car il est prêt à tout donner Et veut bien se sacrifier Pour rendre heureux son être cher. RADO (1982) « Zo », page 131 Traduction : Voahangy Ramiejamana ANDRIAMANANTENA

FITSANGANANA AMIN'NY MATY	RESURRECTION
Sora-komavoka saro-bakiana	Mots poussiéreux presque illisibles
Tsy Fanta-piandoha ary tsy fiafara	D'origine inconnue, de destination obscure
Raha tamina io dia efa nariana	S'il n'en tenait qu'à toi, ils seraient effacés
Fa tamiko kosa dia sombin-tantara	Mais pour moi, ce sont des lambeaux d'histoire
Kalo miserana indray takariva	Des chants qui ne font que passer un soir
Dia ampy namaha ilay tady nivona	Suffisent à défaire les noeuds de la corde
Toa bitsibitsika mamy ivaiva	Comme de doux murmures prononcés à voix basse
Namaky ny laingan'ny fanadinoana.	Qui brisent les mensonges de l'oubli.
Maso mba sedra nifanitsy jery	Des yeux, dont j'ai croisé le regard par hasard,
Dia ampy nandraraka sy nampihanaka...	Ont suffi pour vider et répandre
Irony tahiry nasaiko niery:	Tous les secrets que j'avais fait taire :
Izao nohehezin'akoho tokana anaka	Les voilà exhumés par une poule à l'unique poussin !
Lazaina fa rakotry ny fahalovana	On dit que la pourriture envahit
Ny lasa, ny nisy: milevina anaty fa ny fiseran'ny fahatsiarovana	Le Passé, ce qui fut, enseveli en nous
No ilay fitsanganan'ny tena amin'ny matry	Mais le passage du souvenir
RADO (Marsa 1991)	Nous permet de renaître d'entre les morts.

“Sedra”, takila faha-30	RADO (Mars 1991) « Sedra », page 30. Traduction : Jeannine Rapiera RAMBELOSON.
-------------------------	---

FOANA	LE TEMPS N'EST PLUS
Foana	Vide
Ny fotoana	Est le temps
Fa toy ny vao omaly ny roapolo taona	Car comme si ce fut hier les vingt ans
Nahalalako anao	Que je te connus !
Ny efiranontsika	Que notre chambre
Impiry niova bika...	Combien de fois n'a-t-elle changé d'allure
Ny zanatsika aza manomboka ho tia...	Et voilà nos enfants qui commencent à aimer...
Mianatra mandihy...firifiry koa	Apprendre à danser...
Raha isaina moa	Combien aussi,
Ny volana efa dila	Si l'on comptait
Sy ny tapakilan'	Les mois qui ont passé,
Ny hofan-tranontsika... tsy hary ho voatanisa!	Et les reçus
Kanefa dia izao	De nos loyers... innombrables !
Jereko ny endrikao	Pourtant
Ka mbola kanto, faly...	Je vois ton visage
Toy ny vao omaly!	Beau... radieux
	Comme ce fut hier.
RADO (1976)	RADO (1976)
“Zo”, takila faha-85.	« Zo », page 85
	Traduction : Richard ANDRIAMANJATO

<p style="text-align: center;">HADINO VE</p> <p>Na inona tevin'ny andro sy taona Natao hanakonana izay nolalovako Tsy maintsy mitriatra io hirodana foana Rehefa trobaran'ny fahatsiarovako</p> <p>Ka sasatra foana ny fanadinoana Miremby ny foko hamily ny lalako Heveriny angaha fa kely finoana Ny fahatsiarovako ireny malalako</p> <p>Avela ny andro sy taona hanakona Fa ny tsiaroko tsy mba ho rendriny Avela hikiky ny hazo ny vankona Fa iny mainka ho kanto ny endriny.</p> <p>RADO (11 mey 1995) “Voninkazo adaladala” takila faha -63</p>	<p style="text-align: center;">OUBLIER</p> <p>Quelle que soit l'épaisseur des jours et des années Faite pour dissimuler le chemin parcouru Elle doit se déchirer pour s'écrouler enfin Lorsque ma mémoire viendra la transpercer.</p> <p>L'oubli s'épuisera en vain S'il s'amuse à dévier mon cœur de sa route Croit-il peut –être que j'ai si peu de foi Dans le souvenir de ceux que j'ai aimés ?</p> <p>Laissons les jours, les ans chercher à tout voiler Mais ma mémoire, jamais, ne sera submergée Laissons faire le rabot qui élimine la planche La beauté de celle-ci en sortira grandie</p> <p>RADO (11 mai 1995) « Voninkazo adaladala » page 63 Traduction : Jeannine Rapiera RAMBELOSON</p>
---	---

HAFATRA	NE LUI DITES RIEN
Ho any ianao kanefa...	Vous allez la voir, mais
Aza ataonao fantany	Que ma vieillesse
‘Zao fahoriako izao. Fa aoka hiafina aminy	Blanche et ridée. elle ne sache rien
Ny ketoky ny jaly	De ma peine.
Nanempaka ny aiko, tanatin’ny longoa	Elle ne doit rien savoir
Izay namandrihany ahy...	Des cruelles morsures qui ont déchiré mon âme
Ny dinity ny foko manorika ahy mangina,	Dans les rêt qu’elle m’avait tendus,
Fa sempo-tsasakalina	Et de mon cœur en suée qui m’étouffe à minuit
Misaina ity anjarako	Quand je songe à mon sort
Aza ataonao fantany!	Si elle s’enquiert de moi, Pour une fois Mentez !
... raha manontany izy	Dites-lui que mes pensées l’ont complètement oubliée
Iangaviako ianao handainga indray mandeha!	Et que les fleurs ont recouvert les cendres du passé
Lazao fa nanadino ny momba azy rehetra	Brûlé par les feux de la passion
Ny saiko manontolo.	Comme ces journaux intimes
“Rako-boninkazo hoe ireo lavenon-dasa Natoraky ny Adaoro”.	Que vous voyez là.
Ireto diary ireto lazao fa efa may	
Sy tapitra efa kila...	
...Fa ny volofotsiko,	

Ny ketronkentron'handriko	Taisez ma vieillesse
Afeno dia afeno!	Blanche et ridée.
Azonao izany?	M'avez-vous compris ?
Etsy kely koa	J'ai encore quelque chose
Hafarako ianao!	A vous demander :
Jereo raha sambatra izy! Mba hamantaranao	Voyez si elle est heureuse Voici les signes qui vous aideront :
Dia ireto no fambara: “ao an'efitranony: misy voninkazo	Il y a des fleurs, Roses, sûrement,
Tsy maintsy mavokely...	Dans sa chambre
Eo an-doha fandriany	Et la photo de son amant
Ny sarin'olon-tiany... na iza n'iza izay”	A son chevet
Raha izay no hitanao diaefa sambatra izy	Si vous en voyez, c'est qu'elle est heureuse,
Ka aza asiana resaka momba ahy akory	Alors , ne lui dites rien de moi :
F'izany rahateo no niriako ho azy...	Il lui est arrivé Ce que je souhaitais pour elle.
Izay no hafatrafatro	N'oubliez rien de tout cela,
Ka tazony tsara... ary dia veloma!	Et adieu !
Saingy etsy ange!	Oh ! une dernière recommandation
‘ty tananao ity, aza akasi-javatra	Ne touchez nulle chose de votre main-ci
Mandra-pifandraisan'ny tananao sy ny	Avant de serrer la sienne.

<p>azy...</p> <p>Eny e! Ampy izay. Tongava soa amantsara!</p> <p>Dia akatony mora io varavarako io</p> <p>Fa hitomany aho...</p> <p>RADO (21 janoary 1966)</p> <p>“Dinitra “, takila faha-75-76</p>	<p>Oui... cela suffit. Bonne route</p> <p>Et refermez doucement cette porte</p> <p>Sur mes larmes.</p> <p>RADO 521 janvier 1966)</p> <p>« Dinitra », page 75-76</p> <p>Traduction : Serge Henri-RODIN.</p>
--	---

INY	COMME LUI
Sambatra iny lalana iny, lalovanao marain-tsy hariva!	Heureux est ce chemin où tu passes chaque jour!
Ary angamba noho izany	C'est pour cela peut-être
No hanirian'ny voninkazo	Que sans cesse des fleurs
Tsy mitsahatra mamony	Eclosent épanouies
Eny an-tsisisintsin eny!	Le long de ses bords
Hoy aho miteny irery:	En moi-même je me dis :
Mba izaho aza no lalovanao marain-tsy hariva!	Que ne suis-je le chemin où tu passes tous les jours !
Sambatra iny efitra iny, onenanao mandavantaona!	Heureux est ce logis où tu vis toute l'année !
Ka mahafantatra avokoa	Aucun de tes secrets
Ny tsiambaratelonao.	Ne lui est inconnu...
Ary mahatamana anao	Et toi, tu t'y complais
Toy ny zaza izay tamana	Ravi, tel un enfant
Am-pofoan'ny renibeny	Dans le giron maternel
Mba ny foko aza no onenanao mandavantaona!	Que plutôt dans mon cœur ne vis-tu tant d'années !
RADO (1958)	RADO (1958)
“Dinitra”, takila faha-29	« Dinitra », page 29 Traduction : Voahangy Ramiejamanana ANDRIAMANANTENA

IRAY MINITRA MONJA	UNE SEULE MINUTE
Ny iray minitra monja	Une seule minute
Tsy eo anilanao	Sans être près de toi
Dia toy ny zato taona	Semble durer cent ans
Ny alina ao am-ponja	Une nuit en prison
Raha eo anilanao	Si je suis près de toi
Manjary lohataona	Se change en printemps.
Ny tebitebin-tsaina	Les tourments de l'esprit
Lavitra anao	Quand je suis loin de toi
Tsy zakako lanjaina	Me sont insuportables
Izany re ry aiko	Voilà jusqu'à ce jour
Tsapako hattrizao	Ce que je ressens, ma vie,
Ka sahiko lazaina.	Et que j'ose exprimer.
Iny volana iny no homeko anao	Cette lune, je te la donnerai
Iny kintana iny hataonao kilalao	Cette étoile, elle sera ton jouet
Tsy ekeko intsony hattrizao	Je ne peux plus désormais accepter
Ny ho velona tsy eo anilanao	De vivre sans être près de toi
Fa amiko: izao tontolo izao ianao.	Car pour moi, tu es le monde entier.
Mamiko ka mamiko	Ce qui m'est le plus cher

Ny hiaraka aminao	C'est d'être à tes cotés
Sahiko ka sahiko	Et tout ce que je veux
Ny hanao izay sitrakao	C'est faire ce qui te plaît
Eny, fa ny tanindrazanao	Oui, la terre de tes ancêtres
No ekeko ho tanindrazana	J'en fais mon origine
Ka ny fasana ilevenanao	La tombe qui te prendra
No ekeko ho fasan-drazana.	Je l'accepte pour mienne.
RADO (septambra 1966)	RADO (septembre 1966)
“Voninkazo Adaladala”, takila faha-168	« Voninkazo adaladala », page 168
	Traduction : Jeannine Rapiera RAMBELOSON.

ISAORAKO	MERCI
Dia isaorako indrindra izay nanao ny fitiavana	Je remercie infiniment celui qui a créé l'amour
Na izay namorona azy ho an'izao tontolo izao	Où qui l'a fait exister pour l'univers entier
Io no nahatonga anao tsy ho nanana fandavana	C'est grâce à lui que tu n'as pas dit non
Raha nandramako noraisina ny rantsantananao	Lorsque j'ai essayé de te prendre les doigts.
Dia ho nisy ve ny oro-tsarobidy mamy indrindra	Y aurait-il eu ces baisers à ce point doux et précieux
Raha tsy nisy ny fitia nampitombo izany tsirony?	Si l'amour n'avait pas augmenté leur saveur ?
Dia ho vitantsika ve ny niaraka namindra	Aurions-nous pu accorder le rythme de nos pas
Tao anaty aizim-pito raha tsy ny fitia no jirony?	Dans la nuit noire sans la lumière de l'amour ?
Fa dia iza moa ianao no dia sahiko imatesana	Mais qui serais-tu donc pour que je te voue ma vie
Raha tsy tao ilay Fitia nanao izany ho hasambarako?	Si l'Amour n'était là pour en faire mon bonheur ?
Notendreny koa ianao hankafia ny fandrenesana	Il t'a aussi choisie pour le plaisir d'entendre
Ny tononkaloko rehetra nosoniavin'ny anarako.	Tous les poèmes que j'ai écrits et signés de mon nom

RADO (28 avrily 1996)	RADO (28 avril 1996) Traduction : Jeanine Rapiera RAMBELOSON
-----------------------	--

JAMBA	AVEUGLE
Hikiky ny endritsika angamba	Les jours et les nuits
Na ny alina na andro... nef a kosa alefaso	Rongeront peut-être nos visages
Ny eritreritsika jamba	Mais laissons nos pensées d'aveugles
Tsy nanankina fitia tamin-javatra hita maso	Continuer à ne pas lier notre amour A ce qui est visible
	Quelle que puisse être l'épaisseur
Na firy sosona na firy	Des années qui nous avaient séparées
Ny taona nisarahantsika hattrizay ka hattrizao	Jusqu'à maintenat,
Lazaiko anao fa velontsiry	Je voudrais te dire
Isan-dohataona kosa ilay fitiavako anao.	Qu'à chaque printemps je sens toujours Notre amour regermer à nouveau
RADO (septambra 1994)	RADO (septembre 1994)
“Voninkazo Adaladala”, takila faha-49	« Voninkazo Adaladala », page 49
	Traduction : Richard ANDRIAMANJATO

KILEMA SY TOMIKA	DEFAUTS ET FAIBLESSES
Maro ny kilemako tsy nampoizinao	NOMBREUSES SONT MES FAIBLESSES QUE TU N'IMAGINAIS PAS
Nony tapa-kevitra hanaiky ilay fitiavako	QUAND TU AS CHOISI D'ACCEPTER MON AMOUR
Be koa ny tomika	MULTIPLES LES DÉFAUTS QUE JE NE PENSAS MÊME PAS
Tsy ninoako akory	POUVOIR ÊTRE LES TIENS QUAND UN JOUR TOUS LES DEUX
Ho nisy taminao nony ijay isika	Nous avons suivi la même route
Fa tafara-dalana.	
Voafitako ianao...	JE T'AI TROMPÉE...
Voalainganao ny foko...	TU AS MENTI À MON CŒUR...
Kanefa dia ireny marina aza moa	Pourtant , à dire vrai, ce sont là les raisons
No nahatonga antsika	QUI NOUS ONT FAIT TOUS DEUX
Mainka hifankatia ary hifamikitra	NOUS AIMER ENCORE PLUS ET TENIR L'UN À L'AUTRE
Ho afa-mifameno.	ETRE COMPLÉMENTAIRES
Satria ianao ihany	PARCE QUE TU ES VRAIMENT
No toka-mahazaka ny fahotana vitako	LA SEULE QUI PUISSE SUPPORTER LE MAL QUE J'AI COMMIS
Ary izaho irery no hany ampoizinao	ET QUE JE SUIS LE SEUL DONT TU PUISSES ESPÉRER
Ho afaka hamela ny helokao rehetra.	QUI SOIT CAPABLE DE PARDONNER TOUTES TES FAUTES.

Mifankatia isika! RADO (30 novambra 1994)	Nous nous aimons ! RADO (30 novembre 1994) Traduction : Jeannine Rapiera RAMBELOSON
--	--

LAINGALAINGA	MENTIR EN VAIN
Laingalainga ! fa raha misy sombin-kalon'ny fahiny	On a beau mentir! Si un air de jadis vous parvient
Natopan'ny kisendrasendra... aiza ianao no tsy ho fanina	Par hasard... comment pourrez-vous ne pas vous émouvoir !
Raha miverina ny lasa ka manako ankehitriny	Le passé resurgit avec ses résonances
Mikimpy ianao... toa mitadidy, dia manaraka ka manina!	Que les yeux fermés... comme dans un songe, vous fredonnez mélancolique !
Laingalainga! Fa raha misy sombin-tsoratra tsy may	On a beau mentir ! si une lettre brûlée
Noheverinao ho kila, kanjo hay tsy kila akory...	Supposée consumée ne l'est pas tout à fait...
Aiza ianao no tsy hahatsiaro 'lay nanoratra azy indray	Comment pourrez-vous ne pas vous rappeler celui qui l'a «écrite
Maka sary ny salovany tsy maty fa matory!	Imaginant ainsi les traits de son visage immortel mais enfoui !
Laingalainga! Fa raha misy topi-masom-pahagola	On a beau mentir ! si une œillade d'autrefois
Mampiserana ny lasa izay nilaozanao nifindra...	Vient un instant ranimer le passé délaissé
Tsy helokao ny valin-tsiky mbola mamimamby angola	Lui sourire tendrement ne vous fera aucun tort
Satria ny nisy nefa rava: ireny no tадиду индриндра!	Car ce qui existait mais n'a pas survécu restera le mieux et le plus retenu !

RADO (03 avrily 1977) “Zo”, takila faha-93	RADO (03 avril 1977) « Zo », page 93 Traduction : Voahangy Ramiejamanana ANDRIAMANANTENA
---	---

MAHAZO MATY (Ho fahatsiarovana ny tolon'ny mpianatra 1972)	JE PEUX MOURIR (en souvenir de la lutte des étudiants en 1972)
Isaky ny ady sarotra	A chaque combat difficile
Izay manambana antokonako	Qui menaçait mon seuil
Impiry aho no niady varotra	Combien de fois ai-je marchandé
Hitombo ny hery hitolomako?	Pour qu'augmentent mes forces de lutter ?
Impiry koa no nirariako	Combien de fois ai-je souhaité
Hohalavaina refy ny androko,	Que la longueur de mes jours se prolonge
Hiarovako ny tiako	Pour que je puisse défendre ceux que j'aime
Sy ny anjara-masoandroko?	Et ma part de soleil ?
Ny sandry anefa ity toa trotraka	
Kiry sisa mitsingevana	Mes bras pourtant sont fatigués
Raha mbola hiady sao dia potraka fa efa	Surnage seulement l'obstination

<p>hazo amorontevana!</p> <p>Kanjo, indro, fa nitràka</p> <p>Ny zatovon'ny tanànako:</p> <p>Nifandrombaka sy naka</p> <p>Ilay"fanilo" teny an-tanako</p> <p>Nohirainy tsy miambatra</p> <p>Ny fitiavany ny taniny.</p> <p>Nomeny toky fa ho sambatra izato firenena maminy.</p> <p>Lasa teo ilay fieremako</p> <p>Ny adi-varotro nofoanako</p> <p>"Mahazo maty ialahy, ry tenako!"</p> <p>Fa mijoro ny taranako"!</p> <p>RADO 504 mey 1972)</p> <p>"Dinitra", takila faha-157.</p>	<p>Continuer de lutter, c'est risquer de tomber</p> <p>Car je suis désormais un arbre au bord du gouffre !</p> <p>Cependant, voilà que se sont levés</p> <p>Les jeunes de mon pays :</p> <p>Ils se sont empressés de prendre</p> <p>Le flambeau de mes mains</p> <p>Ils ont chanté sans hésiter mourir,</p> <p>Leur amour pour la patrie</p> <p>Et ont promis de rendre heureuse</p> <p>Cette nation qui leur est chère</p> <p>Ont disparu mes exigences</p> <p>J'ai cessé de marchander</p> <p>« tu peux mourir, o toi mon être,</p> <p>Car ta descendance se relève ! »</p> <p>RADO (04 mai 1972)</p> <p>« Dinitra », page 157</p> <p>Traduction : Jeannine Rapiera</p> <p>RAMBELOSON</p>
--	---